



**REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA**  
Fitiavana - Tanindrazana - Fandroscana

**VOLAVOLAN-DALÀNA LAHARANA FAHA 005/2019**  
**TAMIN'NY 30 OKTOBRA 2019**  
**MOMBA NY LALÀNA MIFEHY NY**  
**FITANTANAM-BOLAM-PANJAKANA**  
**HO AMIN'NY TAONA 2020**



**PROJET DE LOI N°005/2019**  
**DU 30 OCTOBRE 2019**  
**PORTANT LOI DE FINANCES**  
**POUR 2020**

**VOLAVOLAN-DALÀNA LAHARANA FAHA 005/2019  
TAMIN'NY 30 OKTOBRA 2019  
MOMBA NY LALÀNA MIFEHY NY  
FITANTANAM-BOLAM-PANJAKANA  
HO AMIN'NY TAONA 2020**



**VOLAVOLAN-DALÀNA LAHARANA FAHA 005/2019  
TAMIN'NY 30 OKTOBRA 2019  
MOMBA NY LALÀNA MIFEHY NY FITANTANAM-BOLAM-PANJAKANA  
HO AMIN'NY TAONA 2020**



**FAMELABELARANA NY ANTONANTONY**

Tompokolahy sy Tompokovavy,

Ny Pôlitika ankapoben'ny Fanjakàna (PGE), izay natolotra teo anivon'ny Antenimieram-pirenena ny faha-16 aogositra 2019 sy teo anivon'ny Antenimieran-doholona ny faha-20 aogositra 2019 dia mamaritra ireo laharam-pahamehana goavan'ny Governemanta ao anatin'ny dimy taona ho avy. Izany dia voalasisitra amin'ny Paikady ho amin'ny Fisandratana'i Madagasikara (PEM) izay manohana ny vinan'Andriamatoa Filoham-pirenena hajaina, mba hanandratra an'i Madagasikara. Ny PGE noho izany no mandika io vina io ho vokatra mivaingana sy ho lahasa ho tanterahina ao anatin'ny ivo ezaka :

**(i) Manenjika ny fahataràna miavosa nandritra ny taona maro**

Noho ny fisafidianantsika hanatratra ny fampandrosoana iaraha-misalahy sy lovain-jafy sy hifampitaha amin'ireo firenena sokajiana ho manana fidiram-bola antenantenany, dia ho hetsehina avokoa ireo loharanon-karena rehetra eo ampelatanan'ny firenena. Tafiditra ao anatin'izany ny fahafahana mampifanaraka amin'ireo enti-manana momba ny famokarana misy sy ny tontolo iraisam-pirenena izay tsy mitsahatra miova endrika. Ny fahataràna tsapa dia ho henjehina amin'ny alalan'ny fanofanana fotokarena mahaolona mahomby kokoa.

**(ii) Manamafy ny fahafahantsika mifaninana amin'ny alalan'ny fahazoana antoka ny fandraisana anjaran'ny firenena ao anatin'ny fanatontoloana sy ny rafitra manome vahana ny fisokafana ara-pifanakalozana**

Ny fatiantoka amin'ny fifandanjana ara-barotra sy ny fitotongan'ny sandam-pifanakalozana misy eto amintsika dia voazava ny tsy fifehezana ny fitrandrahana ireo tombony mampiavaka ny firenena, izay, mijanona amin'ny asa tanana mora vidy sy ho amin'ny fanondranana entana manana sanda hary ambany. Araka izany, dia zava-dehibe ho antsika ny hihoatra io ambaratonga io, amin'ny alalan'ny fanatsarana ny tontolon'ny varotra sy ny serasera arakasa, indrindra, amin'ny alalan'ny fanomezana aina indray ireo tsena eto an-toerana sy iarahana amin'ny any ivelany.

**(iii) Mampifandrindra ireo laharam-pahamehan'ny Fisandratana amin'ireo tanjona noraiketina iraisam-pirenena, toy ny fanatrarana ny tanjon'ny fampandrosoana maharitra lovainjafy (ODD)**

## **hatramin'ny taona 2030 sy ny fanatanterahana ny tetiandro 2063 miaraka amin'ny Vondrona Afrikanina**

Ny faniriana lalina hivoy fanovàna ara-toekarena tena izy dia mifanandrify amin'ireo paik'ady ara-jeografia misy ankehitriny. Ny fankatoavana ireo fandaharan'asa fitaratra izay voafarit'ireny fifanekena iraisam-pirenena ireny dia fanehoana mivaingana ny finiavan'ny firenena hentitra hanatratra ireo zava-kendreny eo amin'ny lavitra ezaka.

### **(iv) Manorina fahatokisana amin'ny ho avy**

Amin'ny maha-nosy an'i Madagasikara dia ahitana harena ara- kolontsaina azo trandrahina isankarazany izy. Na izany aza, ny fivoarana mizotra any amin'ny ho avy feno fahatokisana sy am-pilaminana dia tokony hiorina amin'ny fanehoana finiavana « fiaraha-monina tsara kokoa », amin'ny fahatsapana ny maha-iray firenena sy aminy tsy fihazohazoana maneho ny ambompom-pirenena. Ho tanteraka izany amin'ny alalan'ny famerenana indray amin'ny laoniny ny hasin'ny kolontsaintsika izay manan-karena amin'ny fahasamihafana mba hahafahana manambara tsara ny maha-izy antsika.

Mandritra ny taona 2020, izay faha-enimpolo (60) taona niverenan'ny Fahaleovan-tenan'i Madagasikara, ary mifanaraka amin'ireo tanjona manokana ireo, ny Governemanta dia hampitodika ireo lahasa iantsorohany amin'ny fanatanterahana ireto lahasa manaraka ireto :

## **MAHAKASIKA NY FANJAKÀNA TSARA TANTANA**

### **Fanjakàna tsara tantana sy ady atao amin'ny kolikoly tsy azo iodivirina hizarana amin'ny Fisandratana**

Ny fametrahana ny Fanjakàna tsara tantana no mandrafitra ny laka ho an'ny Fisandratana. Fanavaozana maromaro mifampitohy no ho tanterahina amin'izany. Ny fitantanana araka ny tokony ho izy sy mahomby eo anivon'ny seha-panjakàna sy eo amin'ireo sehatra mpampidi-bola dia laharampahamehana mba hanamafisana ireo fitaovana eo am-pelatanan'ny Fanjakàna entina hametrahana ny tena tany tan-dalàna. Io foto-dresaka io dia ho hita soritra ihany koa eo amin'ireo ezaka tanterahan'ny Governemanta mba hiadiana amin'ny fitrandrahana sy fanondranana tsy ara-dalàna ireo harem-pirenena, sy hanamafisana ireo rafitra mpizohy sy mpanara-maso ny asa ataon'ny Fanjakàna. Ny fametrahana ny fitoviam-pitantanana ara-tsôsialy tokoa mantsy dia mitaky ny fanomezan-danja sy fiarovana ny vola azo avy amin'ireo fitrandrahana ireo loharanon-karena avy ato anatiny, indrindra eo amin'ny sehatra harena an-kibon'ny tany, harena anaty ranomasina, vokatry ara-pambolena, sns. Anatin'izany ezaka izany, ny rafi-pitsaràna dia ho tohanana mba hampitomboana ny fahombiazany sy hampanarahana fenitra ireo fotodrafitrasa eny amin'ireo fonja.

Manoloana ny fanatanterahana ireo pôlitika sy fepetra ireo , ny foto-kevitra mahakasika ny Fanjakàna tsara tantana, ny fanajana ny tany tan-dalàna sy ny demokrasia dia hampiharina eto amin'ny Firenena amin'ny alalan'ireo tetikasa toy ny fametrahana Fonja tsara ambina sy manara-penitra ary ny fiarovana ireo fonja, ny fanavaozana eo amin'ny raharaham-panjakàna dia ho tohizana ihany koa, indrindra ny lafiny fitantanana araka ny tokony ho izy ny fananam-panjakàna, ny fitsirihana ataon'ny olona ivelany ny

Fitantanambolam-panjakàna, ny fanofanana ho matihanina ireo sampan-draharaha mpamory ireo hetra sy fanatsarana ny pôlitika araketra. Hafa noho izay, ny fitsinjaram-pahefana sy fanapariaham-pahefana eo amin'ny fitantanambolam-panjakàna, ny fifamenoan'ny Fanjakàna sy ny sehatra tsy miankina, ny fanamafisana ny ady atao amin'ireo fanondranana an-tsokosoko ny harem-pirenena dia ho hamafisina.

Eo anivon'ny lafiny fikirakirana ny raharaham-panjakàna, ny fampiroboroana ny "e-gouvernance" dia hanatsara ny fangaraharahàna sy hanamorana ny fikirakiràna ireo antontan-taratasy. Izy io dia hanamora ny fandraisana andraikitra eo amin'ireo olom-pirenena sy ireo asa ifampiankinan'ireo mpisehatra rehetra eo amin'ny lafiny fampandrosoana (Fanjakàna foibe, Olom-pirenena, Sehatra tsy miankina, OSC, Olom-boafidy, sns.), ary ny fanamoràna ny fifanakalozam-baovao sy ny fanafainganana ireo asa ilaina eo amin'ny lafiny toekarena). Anatin'izany fomba fijery izany, ny Governemanta dia mihevitra ny hametraka rejistra nomerikampirenena momba ny sora-piankohonana, ny hanatsara ny rafitra fandraketana an-tsoratra ireo fiankohonana sy ny fametrahana ireo antontan'isa momba ny fahavelomana, ny hampiasa solosaina eo amin'ny lafiny fitantanana ireo karapanondrom-pirenena.

Ankoatra izany, ny fampandraisana andraikitra betsaka kokoa ireo manam-pahefana eny ifotony (Vondrom-bahoakam-paritra hitsinjaram-pahefana sy ireo sampan-draharaha ara-teknika hipariaham-pahefana), ka anatin'izany ny Governoran'ireo Faritra, dia hapetraka amin'ny alalan'ny fampitomboana ireo enti-manana mifanaraka amin'izany. Tetibola 5.0 miliara Ariary isanisany no hatolotra ireo Governora manerana ny faritra telo amby roapolo (23), ao anatin'izany ny 4.0 miliara Ariary dia hatokana ho amin'ny fandania ho hanapamokarana ary ny 1.0 miliara Ariary ho amin'ny fandania ho fampandehandrahara. Ny fepetra manaraka izany dia ny rafitra fanjohiana sy fitsirihana izay hohamafisin'ny Fanjakàna, araka ny finiavany marindrano hametraka ny Fanjakàna tsara tantana sy ny tsy fandeferana ao anatin'ny ady amin'ny kolikoly. Ireo sora-bola omena ireo rafitra voakasik'izany dia hampitomboana; ary fitsinjaràna tsara kokoa eo amin'ny tetibola alefa amin'ireo faritra no ho kendrena. Ambonin'izany, ny fampanarahana toetrandro sy fanamorana ireo fikarakarana taratasy rehetra eny anivon'ny raharaham-panjakàna dia hanome vahana ny fampiroboroana ireo teknôlôjia eo amin'ny lafiny filazam-baovao sy serasera.

### **Fandasirana ny Fisandratana**

Ny PGE no mandrafitra ny antontan-taratasy hiaingana izay manoro ireo zotra arahana ho an'ireo fandaharan'asam-pampandrosoana ho an'ireo sehatra rehetra eto amin'ny Nosy. Araka izany, ny vontoaatiny dia maneho ny finiavan'ny Governemanta hanala ny Firenena amin'ny tontolo izay ahitana fahantrana lalina, ireo tsy fahampiana sy faharefoana, ary ny fanatanterahana ireo fampanantenana nataon'ny Filohampirenena. Andiana fepetra maromaro no naroso tao anatin'ny PGE mba hanatrarana ny fitombon'ny toekarena avoavo kokoa, mahari-pery sy iaraha-misalahy, sy ny fanatsarana ny fari-piainana avy amin'ny fampiakarana ny vola miditra, etsy andaniny, sy ny fitsinjarana ireo tombotsoa tsy isian'ny fiangarana, etsy ankilany. Amin'izany, i Madagasikara dia hampiditra ho anisan'ireo tanjona izay ho tratrariny ireo tetiandro ho an'ny Fampandrosoana sy fampihenana ny fahantrana izay nifanekena teo amin'ny sehatra iraisam-pirenena (ODD, CPID, Vondrona Afrikanina).

Ny fanohizana ny fanatrarana ireo tanjona dia ho zarazaraina ao anatin'ny fotoana ivo ezaka amin'ny alalan'ny fametrahana teti-panorona eo amin'ny fanatanterahana ireo Fandaharanasa Fampiasam-Bolam-Panjakàna (FFBP) ho an'ny taona maromaro mifanesy. Ny PGE noho izany dia mametraka tanjona ho an'ny fitomboan'ny harikarena faobe manodidina ny 7.0% any amin'ny taona 2023 sy ny fitandroana ireo fifandanjana ara-faobe, indrindra avy amin'ny fifehezana ny fisondrotry ny vidim-piainana sy ny famerana ireo fatiantoky ny tetibola manodidina ny 3.0%-n'ny HAF. Mahakasika ny famorian-ketra, ny PGE dia mametraka tanjona avo kokoa hahatonga ny taha-tsindrin-ketra ho 15.0% ho an'io taona io ihany.

Eo amin'ny lafiny fiaraha-miombon' antoka ho an'ny fampandrosoana, ireo anjara biriky avy any ivelany dia haompana amin'ny fanatanterahana ny PGE raha toa ka hamafisina ireo lahasa entina hampahafantarana ny Firenena amin'izao tontolo izao.

### **Fitantanana mirindra ny politikam-panjakàna**

Ny Governemanta ao anatin'ny fitantanana ireo raharaham-panjakàna sy ny fanatanterahana ny PGE dia hanorina ireo laharam-pahamehany eo amin'ireo filàna voamarina misy eo amin'ny mponina. Ny singa lehibe hatramin'izay nahatonga ny fahantrana hitoetra foana teto amin'ny Firenena dia niainga avy tamin'ny tsy firindran'ireo tetika fampandrosoana napetraka sy ireo fitakiana nipetraka teo amin'ireo mponina eny ifotony. Ho fitadiavam-bahaolana amin'izany dia nisy fakan-kevitra natao teo amin'ireo Vondrom-bahoakam-paritra Itsinjaram-pahefana (CTD), ireo olom-boafidy, sy ireo firaisamonim-pirenena (OSC) nandritra ny fotoana namolavolana ny Tetibola mba hahatongavana amin'ny safidy tsara kajy mahakasika ireo lahasa apetraka ho Laharam-pahamehana ao anatin'ny Tetibolam-panjakàna.

Araka izany, ny Lalàna mifehy ny Fitantanambolam-panjakàna 2020 dia hisongadina noho ny fahatsarana hita eo amin'ny fitsinjaran'ireo sora-bola azo avy amin'ny fomba fiasa izay mametraka ho singa fototra ny fiantraikan'ireo tetikasam-panjakàna izay tsapan'ny vahoaka eny anivon'ireo distrika misitraka azy ireny sy ireo vokatra mivaingana entiny. Amin'izany, ny Governemanta, amin'ny alalan'ireo Ministera eny amin'ireo sehatra isan-tsokajiny avy, dia hanolotra fandaharan'asa ho tanterahina mandritra ny taona 2020 mba hahazoana ireto vokatra manaraka ireto:

- Ny fitazomana ireo fifandanjana lehibe eo amin'ireo tondro ara-faobe ;
- Ny fanajana ireo foto-kevitra entin'ny Fanjakàna tsara tantana, ny tany tan-dalàna, ny tsy fivadihana amin'ny tanindrazana sy ny demokrasia ;
- Ny fiantohana ny fiarovana ireo vahoaka sy ny fananany ;
- Ny fiarovana ny fananan-tany ;
- Ny fitantanana eny ifotony ny Fisandratana ;
- Ny fitantanana feno ireo moron-tsiraka sy ireo fari-dranomasina ;
- Ny fanatsaràna ireo fidiram-bola sy ny fiainana andavan'andron'ny mponina ;
- Ny fampiroboroana ireo fotodrafitrasa fototra ara-tsôsialy (fanabeazana, fahasalamana, sns.) sy ireo fotodrafitrasa madinika (fahadiovana sy fidiovana, lalana eny ambanivohitra, sns) ;
- Ny fanamafisana ny fanorenana ireo loharanon-kery maharitra ;
- Ny fanamoràna ny fisitrahana ireo fitsaboana fototra sy ny fanabeazana fototra ;

- Ny fanamafisana ireo Fampiasam-bola ho an'ny fanatsarana ny loharanon-kery avy amin'ny olona mba hananana mpiasa tsara ofana sy afaka mifaninana ;
- Ny fampihenana ny tsy fitovian-tsaranga sy ny fanaovana ho laharam-pahamehana ny fitoviam-pitantanana sy ny rariny ara-tsôsialy ;
- Ireo tantsoroka ho an'ny fananganana orinasa ;
- Ny fanatsarana ny fisitrahana ireo famatsiam-bola ho an'ireo sokajim-piaraha-monina marefo ;
- Ny fampiroboroana ny fahavitan-tena sy ny fiarovana ara-tsakafo.

**Endrika tsara asehon'ny Firenena mikasika ny fahavononana hiroso amin'ny fanatrarana ny fitomboana misongadina eo amin'ny harikarena, mahari-pery ary lovain-jafy**

Madagasikara dia anisan'ireo Firenena mahantra indrindra eran-tany amin'izao fotoana izao, nefa izy dia manana ireo hery ahafahana mampiangana ny toekareny. Manoloana izany, ny Fanjakàna dia mihevitra ny hiantso ireo mpisehatra rehetra ao anatin'ny fampandrosoana mba hanavao ny fomba fiasany, sy ny hanalavitra ireo fomba amam-panao tsy nahitam-bokatra firy ary mety manimba ireo ezaka fampihenana ny fahantrana, toa ny kiantranoantrano, ny kinamanamana, ny kolikoly, ny fampiasana tsy ara-dalàna ny fahefana am-pelatanana izay manao tsinontsinona ny tombotsoa iombonana, ny fanoherana ny fiovana mifototra amin'ireo tombotsoa manokana. Fepetra maromaro no naroso ho tanterahana eo amin'ireo sampandraharaham-panjakàna rehetra mba hahafahana miala amin'izany rehetra izany sy manatsara ny endrika ananan'ny Firenena izay nosimbain'izany fomba ratsy izany.

Amin'izany, ireo sehatra mifandray amin'ny lafin-javatra maro ao anatin'ny fampandrosoana napetraka teo amin'ny tontolo iraisam-pirenena dia ampiarahana amin'ny finiavana hanova zavatra avy ato anatin'ny izay voalaza ao amin'ny PGE. Ity farany dia hifototra amin'ny fahaizan'ireo vondrom-bahoaka eny ifotony mamantatra, mampisongadina ary maka tombony amin'ireo loharanon-kery ananany eny ifotony, ireo fahafahany miatrika ireo loza, sy ny kalitaon'ireo pôlitika fitsinjarana ireo sanda hary. Ankoatra izay, ny Fanjakàna dia hampianatra momba ny maha olom-pirenena vanona, ny andraikitra maha olom-pirenena, ny anjara toerana lehibe raisin'ny « *fiaraha-monina tsara kokoa* », ny fahatokisana ny rafi-pitsarana, sy ny fanajana ireo zo fototra ho an'ny tsirairay.

**NY FOTOTRA SÔSIALY: « HIADANA SY HO FINARITRA »**

**Sehatra sôsialy miroborobo mampiseho ny fihenana ny fahantrana**

Ny fahatsaram-piainana eo amin'ny mponina tsirairay dia manan-danja lehibe ao anatin'ny hetsika apetraka ho laharam-pahamehan'ny Governemanta. Manoloana io toe-javatra io, ireo fandaniana mifandray amin'ny fisitrahana ireo fitsaboana fototra, amin'ny fanabeazana, amin'ny fahazoana rano fisotro madio, ary amin'ny fanatsarana ny fanjarian-tsakafo dia voasokajy ho anisan'ireo izay hamafisin'ny Governemanta ao anatin'ny Tetibola 2020. Tetikasa maro no ho tanterahana mba hanatsarana ireo lafin-javatra anatin'ny sehatra sôsialy ireo, toy ny fanorenana lava-drano sy fizaran-drano indrindra any amin'ireo faritra maina any Atsimo. Ny Governemanta dia hampandeha ihany koa ny kitapom-bolam-pirenena ho an'ny firaisan-kina amin'ny fitsaboana na « Caisse Nationale de Solidarité en Santé » mba handraisana an-tanana ny fitsaboana

ireo olona marefo nosafidiana manokana. Ireo tetik'asa hafa ankoatra izay dia hanampy amin'ny firosahana an-tsehatra amin'ny fiatrehana ireo valan'aretina sy ireo loza, ny ady atao sy ny fisorohana ireo aretina (mifindra sy tsy mifindra), ireo hetsika fanaovam-bakisiny, ny fahasalaman'ny renny sy ny zaza, ny fananganana toeram-pitsaboana manara-penitra. Ny fananganana sy ny fanarenana ireo fotodrafitrasampianarana manaraka ireo fenitra (EPP manara-penitra, CEG, Lisea, Oniversite, ivotoeram-panofanana) dia homban'ny fanomezana fitaovana (dabilio sy seza, kojakoja ho an'ny efitrano fampianarana, torolalana sy boky, sns), ny fampiroboroana ny fampianarana nomerika, ny fizarana ireo « kits scolaires » ary ny fampiodinana ireo toerana fampisakafoanana ireo mpianatra.

Ho fampiroboroana ny fitoviam-pitantanana sy ny fitovian-jo, ny Governemanta dia hanamafy ireo fandraisana an-tànana ny fanampiana ireo zokiolona, ireo misy fahasembanana sy ireo zaza marefo, ary ireo izay iharan'ny herisetra mifandraika amin'ny fampandrosoana ny fitovian-jo ara-pananahana. Ankoatra izay, misy hetsika hatao izay entina hanamafisana ny fampidirana indray ireo tokantrano marefo ao anaty fiarahamonina amin'ny alalan'ny fanampiana azy ireo amin'ny lafiny asa fampitomboana ny fidiram-bola.

### **Fandriam-pahalemana an-tanan-dehibe sy eny ambanivohitra hamafisina mba hanatsarana ny fiainana ara-tsôsialy**

Ny fandriam-pahalemana dia anisan'ny zotra apetraka ho laharam-pahamehan'ny Governemanta, ary izy io dia nanjary singa tsy azo ihodivirana ho an'ny firoboroana sy ny fivelaran'ny tontolo ara-toekarena sy sôsialy. Ny fanomezana ireo fitaovana izay ilaina amin'izany dia mitaky sora-bola misongadina kokoa ho an'ireo Ministera telo misahana azy io. Ankoatry ny fandefasana mpitandro filaminana, ny fanampiana amin'ny resaka fampitaovana sy ny fotodrafitrasa dia vinavinaina ho tanterahana. Ny PGE dia mieritreritra, araka izany, hametraka « Bataillons Opérationnels Avancés » sy andian-tafika manokana ho an'ny fandriampahalemana na « Détachements Spéciaux de Sécurité »

Ho an'ny taona 2020, ireo rantsana telo misahana izany dia mikendry ny fahazoana ireto vokatra manaraka ireto : ny fametrahana ivotoerana eny amin'ny Faritra natao hijery ny fandriam-pahalemana, ny fametrahana ireo Toby manokana ho an'ny fifamoivoizana izay atao manemitra ireo lalam-pirenena, ny fampiodinana ny ivo-toerana manokana fanofanana mahery vaika ireo mpitandro filaminana, ny fanamafisana ny fahaiza-manao eo amin'ny famitana ireo andraikitra, ny fividianana fitaovana stratejika sy manokana (sambo pnematika, angidim-by, sambo fanaovana fisafoana, sns...), ny fanamafisana ireo fotodrafitrasa sy ireo fampitaovana mifanaraka amin'io paik'ady vaovao ho an'ny fiarovana eto amin'ny Firenena io, ny fametrahana faritra sy andiany manokana ho an'ny fandriam-pahalemana (Faritra ambanivohitra Laharam-pahamehana ho an'ny fandriam-pahalemana na « Zone Rurale Prioritaire de Sécurité »(ZRPS), « Bataillon Opérationnelle Avancée » na BOA), ny fanarenana ireo tobin-tafika an-dranomasina, ny fametrahana ireo ivotoerana mpanara-maso ny moron-dranomasina, sy ny fisafoana ny fari-dranomasina. Tamin'ny taona 2019, ny Governemanta dia efa nividy angidim-by sy fiaramanidina ka ny fampandehanana azy ireo dia vinavinaina ato anatin'ity Lalàna mifehy ny Fitantanambolam-panjakàna ity.

Ireo fepetra ireo dia hahafahana mampihena ireo tandindon-doza mifandraika amin'ny fandriampahalemana sy mametraka tontolo ara-tsôsialy tsy mampanahy ho an'ireo vahoaka sy ny fananany sy ary ireo Fampiasam-bola.



### **Tanora sy fanatanjahantena atao misongadina**

Mahatsapa ny anjara toerana lehibe ireo tombony amin'ny fananana karazan'olona maro ho an'ny fanorenana ny ho avin'ny Firenena, ny Fanjakàna dia mametraka ho laharam-pahamehana ny fandraisana anjara eo amin'ny sehatry ny toekarena sy ny fampandrosoana amin'ny mahaolona ny tanora. Ankoatra ireo tetikasa izay mikendry ny fanampiana ireo "start-up" (orin'asa madinika mpitondra zava-baovao vao natsangana) sy ireo fandraharahana natomboka vao haingana, Madagasikara dia mikendry ny hiova ho Firenena lehibe eo amin'ny sehatry ny fanatanjahantena amin'ny alalan'ny fandaharan'asa fampanarahana toetrandro ireo fotodrafitrasa sy ireo rafi-panatanjahantena. Ireo ezaka ireo dia ahafahana manampy ireo atleta avo lenta sy miantoka izay ho dimbin'izy ireo, ary hanampiana ny zava-bitan'ny Barea nandritra ny fiadiana ho tompondakan'i Afrika (CAN) sy ireo solontena tany amin'ny Lalaon'ny Nosy aty amin'ny Ranomasim-be Indiana andiany faha-10.

### **Fanomezana lanja sy fampiroboroboana ny kolon-tsaina malagasy sy ny maha-malagasy**

Resy lahatra amin'ny maha-zava-dehibe ny kolon-tsaina sy ny maha-malagasy ao anatin'ireo hetsika atao hitondra amin'ny Fisandratana, ireo mpitondra dia hampiroborobo ny fahazoan'ny Malagasy an-tsaina izay ho aviny amin'ny alalan'ny fametrahana ireo politika sy tetikady ara-kolon-tsaina mikendry ny fanamafisana ny hambompom-pirenena anaty fanajàna ireo Soatoavina, izay sata tsy azo ialana ho an'ny Fiaraha-monina. Tsy misy vahoaka afaka milaza ho mivoatra nefa tsy mahafantatra hoe avy aiza no nipoirany, ny kolon-tsainy ary ny maha-izy azy. Ambonin'izany, ireo vakoka ara-kolon-tsaina sy ireo talenta malagasy dia hery anankiray miaraka amin'ireo tahirin-kery entin'ny sehatry ny fizahan-tany izay tokony omena lanja tanteraka.

Anisan'ireo tetik'asan'ny Filoham-pirenena, ny fanarenana ireo vakoka lehibe eto amin'ny Firenena, toa ireo rovan'ny Mpanjaka fahiny dia vinavinaina ho tanterahina. Io hevitra io koa manaraka izany dia mifanojo amin'ny fankalazana ny faha-enimpolo taona niverenan'ny fahaleova-ntena. Mahakasika ny fanorenana trano vaovao, ny Akademiam-pirenena ho an'ny zava-kanto sy ny kolon-tsaina (Académie Nationale des Arts et de la Culture : ANAC) dia ahafahana ihany koa mampiroborobo ny kolon-tsaina malagasy sy manampy ireo mpanankanto avy eto an-toerana amin'ny fampiroboroboana ireo talentany sy ireo kantony, ary koa ny fanaparahana bebe kokoa azy ireny.

## **NY FOTOTRA TOEKARENA: HO AN'NY FITOMBOAN'NY TOEKARENA HAINGANA, IARAHA-MISALAHY ARY MAHARITRA**

### **Fanarahana toetrandro sy fivoarana ara-teknika ho an'ny fioboroboan'ny toekarena ingaina avy ato anatin'ny**

Manoloana ny fihenana teo amin'ny tahatombon'ny toekarena teo amin'izao tontolo izao<sup>1</sup>, izay tonga tany amin'ny taha farany ambany indrindra tao anatin'ny folo taona, sy nisian'ny ady ara-barotra teo amin'i Etazonia sy Sina, i Madagasikara dia tokony hikaroka ireo tetikady izay ahafahany manainga ny toekareny. Anjara toerana manokana no omena ny fanamaroana ireo tolotra sy ny fanamafisana ny hery enti-mifaninana avy amin'ny fitodihana amin'ireo zava-baovao sy ny fampiasana ireo teknôlojia vaovao izay hanome tombondahiny manoloana ireo mpifaninana araka ireo tanjon'ny Fisandratana ara-toekarena.

Mba hanampiana ny famarotana ireo vokatra avy ato anatin'ny, ny Fanjakàna dia hikirakira ny vavahady ara-infôrmatika izay napetraka mba hampisongadina ireo asa fivarotana eto amin'ny tsena malagasy, sy ireo angom-baovao ilain'ny mpanjifa sy ireo mpandraharaha. Mirazotra amin'izany, ny tetikasa fampiroboroboana ny fikirakirana vola avy amin'ny finday dia ho tanterahana, toa ireo tetikasa fanarenana sy fampanarahana toetrandro ireo lalam-pirenena sy ireo lalam-paritany, ireo seranan-tsambo sy seranam-piaramanidina, ny fanajariana ny reniranon'i Pangalana.

Mahakasika ny resaka angovo, ny tanjona napetraka dia ny fanatrarana ny fahaleovan-tena ara-angovo sy ny fampihenana be dia be ny famokarana herinaratra avy amin'ny milina mampiasa solika amin'ny alalan'ny fampiasana betsaka ireo tahirin-kery momba ireo angovo azo avaozina (toha-drano, masoandro, rivotra, sns). Io tanjona fametrahana tetezamita ho an'ny angovo io dia efa mizotra ary arahin'ireo fepetra noraisina teo anivon'ny Governemanta mba hanampiana amin'ny fikirakirana ireo karazan'angovo ireo ho an'ny tontolo iainana sy ny toekaren'ireo faritra maro eto amin'ny Nosy.

### **Fisandratana mifandray tendro amin'ny fampiroboroboana ireo indostria sy ny fizahan-tany**

Ny fampiasana ireo indostria vaventy dia handray anjara amin'ny fametrahana ny fitomboan'ny harikarena lehibe sy tsara tohana ka ny tanjona dia ny hamokarana eto an-toerana ireo entana ilain'ny mponina sy ny hampitombo ireo sanda hary avy amin'ireo vola azo avy amin'ireo vokatra voahodina. Araka izany, fepetra maromaro no ho raisina mba hanamorana ny fananganana indostria eto Madagasikara. Asa maro ihany koa no ho tanterahana mba hanampiana amin'ny fananganana sy ny fanabeazam-boho ireo indostria, toy ny fanamboarana sakafo avy amin'ny voka-pambolena, ny indostria fanamboarana fanafody, sy indostria fanamboarana fiara. Ny Governemanta dia handresy lahatra ihany koa ireo mpampiasa vola hitrandraka eo amin'ny sehatra indostria mpamokatra simenitra sy ireo mpanamboatra ireo takelaka

---

<sup>1</sup> Araka ny fanambaran'ny Tahirimbola iraisam-pirenena, ny tahatombon'ny toekarena teo amin'izao tontolo izao tamin'ny taona 2019 dia ho 3%

famokarana herinaratra avy amin'ny masoandro entina hamaliana ireo filàn'ny mponina sy ireo fanorenana fotodrafitrasa ao anatin'ny Fisandratana. Ireo Indostriam-panjakàna toy ny SECREN, SUCOMA, SIRAMA, Huilerie de Nosy-Be dia haverina amin'ny laoniny izy ireny mba handray anjara amin'ny fanatanterahana ny tetikasa fametrahana indostria mpamokatra sakafo avy amin'ny voka-pambolena eto Madagasikara hanatrarana ny tanjona fampitomboana ny fanondranana entana sy ny famokarana ho an'ny tsena anatin'ny ireo entana ilaina amin'ny andavan'andro (PPN) izay bahanan'ny entana afarana avy any ivelany.

Mba hanomezana lanja sy toambo-dahiny anaty fifaninanana ireo vokatra avy amin'ny indostria malagasy, ireo fenitra tokony arahana dia tokony hiadiana hevitra sy hifanaraka tsara amin'ny Lalàna mifehy ny fampiroboroboana ny ara-indostria eto Madagasikara mba hahatonga ireo asa atao eo amin'ny lafiny indostria hirindra sy hanaraka fitsipika. Ny fiaraha-miasa amin'ny Biraon'ny Fenitra eto Madagasikara (Bureau des Normes de Madagascar (BNM)) dia atao mba hahazoana mampihatra ireo lalàna mifehy ny andraikitra momba ny fikajiana ny tontolo iainana na « eco-responsabilité » eo amin'ireo indostria, ireo fenitra momba ny fotodrafitrasa sy ireo rafitra, ireo fenitra ho an'ny vokatra amidy eo amin'ny tsena anatin'ny sy eo amin'ny tsena iraisam-pirenena, sy ireo fenitra izay mitondra amin'ny tarigetra MALAGASY NY ANTSIKA. Ankoatra izany, ny Governemanta dia mihevitra hanatanteraka tetikasa fanofanana ho matihanina ireo mpanao taozavatra, sy hanampy ara-bola ireo orinasa madinika sy salantsalany (PME/PMI) mba ho fanatsarana ny vokatra avy amin'izy ireo.

Ho fanatanterahana ny vina « Indostria, hery mpanosika ho amin'ny fampandrosoana », dia faritra voatokana ho an'ny Fisandratan'ireo indostria na « Zones d'Emergence Industrielle (ZEI) » no apetraka ao anatin'ny fotoana ivo ezaka, eo amin'ireo faritra manana tahirin-kery lehibe mikasika izany toa an'i Moramanga, Antsirabe, Taolagnaro, Mahajanga, mba hikendrena ny fampivelarana ny tontolo ara-indostria. Ny fanoratana ireo rijan-teny mifehy izany dia ho vitaina mialoha izany.

Raha ny momba ny fanabeazam-boho ireo indostria eo amin'ny sehatra fizahantany dia ho jerena manokana izany noho ny tahirin-kery ananany ho an'ny fitomboan'ny toekarena malaky sy ireo fiantraikany manome vahana ny fidiram-bola vahiny eo amin'ny toekarena sy ny fanomezana asa mivantana sy tsy mivantana. Ny fanamaroana ireo safidy eo amin'ny tolotra eo amin'ny sehatra fizahantany avy amin'ny alalan'ireo Fampiasam-bola avy eto an-toerana sy avy any ivelany any amin'ireo faritra rehetra manerana an'i Madagasikara dia hahafahana mihoatra ny tanjona amin'ny isan'ny mpizaha tany vahiny 500 000 ho an'ny dimy (05) taona ho avy.

### **Fitantanana iaraha-misalahy sy maharitra ny fampandrosoana**

Ny fitomboan'ny harikarena lehibe kokoa dia mitoetra ho resaka fotsiny ihany raha toa ka tsy ahazoan'ny vahoaka eo amin'ireo sarangam-piaraha-monina rehetra tombontsoa izany. Avy amin'ny alalan'ny fampiroboroboana ny fitsinjaram-pahefana sy ny fanapariaham-pahefana eo amin'ny fikirakirana ireo raharaham-panjakàna izay voalaza ao amin'ny PGE, ireo vondrom-bahoakam-paritra hitsinjaram-pahefana dia afaka hiasa miaraka amin'ny Governemanta ho an'ny fitomboan'ny toekarena iaraha-misalahy avy amin'ny fahafantarana ireo hetsika mifanentana amin'izany sy ny fotoana mahamety ny fametrahana ireo fandanianana tokony atao eny ifotony, ny fanomezan-danja sy ny fanetsehana ireo tahirin-kery eny ifotony, ireo fiaraha-miombon' antoka tanterahana eny ifotony. Ankoatra izany, ny fametrahana tontolo ara-toekarena

manamora ny famoronana asa afaka mampidi-bola bebe kokoa sy tsara kalitao ho an'ireo tanora eny anivon'ireo faritra rehetra eto Madagasikara dia anisan'ireo fepetra ho raisina ihany koa ao anatin'izany fiaraha-misalahy izany. Araka izany, ny Governemanta dia hanome fiofanana sy fanatsaràna ireo traikefa ho an'ny tanora momba ny teknika fananganana orinasa, ary hametraka torolalana momba ny zotra arahana eo amin'ny fisafidianana ny asa mifanentana amin'ny tsirairay.

Ao anatin'ny fijerena ny fametrahana ho lovain-jafy ny fitomboan'ny toekarena, ireo fampiasam-bola eo amin'ny sehatra sôsialy dia ampombaina ny fanamafisana ny fahafahan'ny Firenena miatrika ireo loza amin'ny alalan'ireo fepetra fisorohana sy fampihenana ireo tandindon-doza sy loza ary ny fikajiana ny tontolo iainana. Mba ho fanatanterahana izany, ny famolavolana ny tetibola dia hihevitra ireo fandaniana tokony atao mba hiatrehana ireo loza, ny fanorenana ireo fotodrafitrasa dia atao manaraka ireo fenitra, ary ireo teknika ampiasaina amin'ny famokarana dia atao mifanentana amin'ny fiovaovan'ny toetrandro. Ankoatra izany, ireo hetsika ho an'ny fikajiana ny tontolo iainana toy ny fambolena-kazo mahery vaika dia ho tanterahana.

### **Fotodrafitrasa nohamafisina ho an'ny fahombiazan'ny Fisandratana**

Ny anjara toerana lehibe tanan'ireo fotodrafitrasa ao anatin'ny resaka Fisandratana dia mitondra mankany amin'ny fanokanana tetibola betsaka kokoa ho an'ny fanomezana ny toekarena ireo fotodrafitrasam-pirenena sy eny ifotony (ireo fotodrafitrasa eo amin'ny lafiny fitaterana, ireo fotodrafitrasa ho an'ny angovo, tohadrano fanondrahana fambolena, fotodrafitrasa ho an'ny fizahantany, ara-toekarena sy sôsialy, ho an'ny harena ankibon'ny tany, sns.) izay manome vokatra tsara eo amin'ny fanorenana sy fanamaroana ny sehatra ahafahana mampitombo ny toekarena. Ny fitomboana be eo amin'ny tinady vokatr'ireo fanorenana vaovao sy fanarenana ireo fotodrafitrasa dia hitondra hery lehibe eo amin'io sehatra io sy hisy fiantraikany tsara eo amin'ny tontolo ara-toekarena. Ao anatin'izany ainga izany, ny Fanjakàna dia miandrindra ny fifanojoan'ireo famatsiambola amin'ireo laharampahamehana voatanisa teo ambony ho an'ny fametrahana fotodrafitrasa fototra sy entina manova ny tontolo rehetra eto amin'ny Nosy.

Iaraha-mahalala fa i Madagasikara dia tsy afaka mifaninana amin'ireo Firenena hafa raha tsy misy fara-fahakeliny ny fanabeazam-boho ireo fotodrafitrasa, voalohany amin'izany ireo tambazotram-pifamoivoizana izay ahafahana mampifandray ireo faritra, manala amin'ny fitokana-monina ireo faritra lavitr'andriana, ary manamora ny fivezivezen'ny entana sy ny olona. Ny fanarenana sy fampanarahana toetrandro ireo làlam-pirenena toy ny RN 5, RN 6, RN 7, RN 8C, RN 12A, RN 13, RN 43, RN 44, sns dia ho tohizana manaraka ireo fandaminana asa ho an'ireo taona mifanesy sy araka ny fiheverana ireo tahirin-kery ara-toekarena, ara-pizahantany, fandriampahalemana, sôsialy izay ho entiny eny amin'ireo faritra afaka misitraka ireny tetikasa ireny. Ankoatra izany, ireo fotodrafitrasa hafa (lalana eny amin'ireo kaominina, lalana eny ambanivohitra, ireo lalana famoaham-bokatra, ireo tetezana, sns) dia avelatra ihany koa miaraka amin'ny vina somary mitodika amin'ny eny ifotony ho an'ny Fisandratana.

Raha ny momba ny fanajariana ny Firenena ho an'ny fampanarahana toetrandro ireo fotodrafitrasa, ireo tetikasa fanorenana tanàna sy toeram-ponenana vaovao sy fampitaovana ireo kaominina dia ho tohizana amin'ny taona 2020, voalaza amin'izany ny fanorenana ny tanàna vaovao Tana-Masoandro, ny fanajariana ny morontsiraka -Atsinanan'ny Nosy any Toamasina, sns.

**Tantsoroka misongadina ho an'ny tontolo ambanivohitra sy ho an'ny fanatsarana ny famokarana eo amin'ny sehatra fambolena**

Ny Governemanta dia tapa-kevitra tokoa fa hametraka ny fiompiana sy ny fambolena ho sehatra hitondra amin'ny fitomboan'ny toekarena noho ireo pôlitika ho an'ny fahavitan-tena ara-tsakafo. Io finiavana io dia mifanjohy tanteraka amin'ny paikady entina amongorana ny fahantrana, satria ny ankamaroan'ny vahoaka malagasy izay hita ao anatin'izany sehatra izany no tena marefo ao amin'io resaka io. Vokatry izany ihany koa, ireo asa ataon'ny Fanjakàna ao anatin'ity sehatra itydia hanokatra ho an'ny tontolo ambanivohitra ny làlana hahafahany mivelatra avy amin'ny alalan'ny fanatsarana ny fidiram-bola, satria ny ankamaroan'ireo faritra mpamokatra dia mitoetra ao anatin'io tontolo io. Ny fanitarana ny tany azo volena, ny fampiasana ireo masomboly voafantina, ny fampiasana ireo haitao ara-pambolena mifanentana amin'ny fiovaovan'ny toetrandro, sy ny fampiroboroboana ny fambolena sy ny fiompiana, tahaka ny toeram-piompiana an'ny Fanjakàna any amin'ireo faritra izay manana tahirin-kery lehibe eo amin'ny lafiny fambolena sy fiompiana, dia handray anjara betsaka amin'io fahavitan-tena sy fanatsaràna ny fidiram-bola io. Mahakasika ny famokarana vary dia velaran-tany mihoatra ny 100 000 ha vaovao no voamarina fa mety aminy. Araka izany dia tanjona mikendry voka-bary mahatratra 500 000 taonina mialoha ny taona 2024, noho ireo hetsika fizaràna masomboly nohatsarina sy ny fanabeazam-boho ireo fotodrafitrasa, ary miaraka amin'ireo fepetra entina misarika mpampiasa vola amin'io sehatra fambolem-bary io any amin'ny faritra misy azy ireo.

Ankoatra izany, ny fambolena ireo voly fanondrana toy ny lavanila sy ny kakaô dia hisitraka ihany koa io fitomboan'ny velaran-tany azo volena io sy ny asa fanatsarana ny vokatra mba hampitomboana ny vola miditra avy amin'ny fanondranana sy hampahafantarana hatrany ny momba ny Firenena ao anivon'ireo vovonan'ny fifanakalozana iraisam-pirenena.

Mahakasika ny fiompiana, ny fampiroboroboana ny fiompiana omby sy ny fanatsarana ireo karazan'omby dia mandrafitra ihany koa ny zotra apetraka ho laharampahamehana eo anivon'ny seha-pamokarana voalohany avy amin'ny fanombohana ny fiompiana vaventy, ny fametrahana ireo ivotoerana fanaovana vakisiny sy ireo teknisiana mpanoro eo amin'ny sehatry ny fiompiana, ny fampivelarana ireo taranjam-pamokarana hafa toy ny fiompiana trondro, ny fiompiana akoho amam-borona, ary ny fiompiana tantely izay azo tanterahana manerana ny nosy. Manampy tosika ireo dia paikady entina iadiana amin'ny tsy fandriam-pahalemana eny amin'ireo tontolo ambanivohitra no apetraka, indrindra ireo izay mikasika ny asandahalo sy ireo halatr'omby avy amin'ny alalan'ny fandefasana ireo mpitandro filaminana any amin'ireo faritra tena atahorana, ny fampiasana ireo fitaovana elektrônika entina hamantarana ireo omby sy ny fisy manokana ho an'ny omby na « fiche individuelle des bovidés ».

**NY FOTOTRA TONTOLO IAINANA : MADAGASIKARA NOSY MAITSO**

**Filana ny fandrakofana ala indray sy ny firaovana ny tontolo iainana**

Ny fanomezana lanja sy ny fahatsaram-pitantanana eo amin'ny lafiny tontolo iainana sy ireo loharanon-karena avy amin'ireo ala dia nitarika ny Governemanta tamin'ny fametrahana tanjona « Fandrakofana ala indray an'i Madagasikara ». Ireo hetsika fambolena hazo ho an'ny velaran-tany mirefy 40 000 ha isan-taona farafahakeliny, ka mampiasa zana-kazo miisa 80 tapitrisa, dia mitaky ny

firaisankinan'ny rehetra, izay ahitana ireo ankizy mpianatra, ireo tanora mpianatra ary ireo vondrom-bahoakam-paritra itsinjaram-pahefana. Ireo vokatry andrasana amin'izany dia hahafahana mampihena ny voka-dratsin'ny fiovan'ny toetry ny andro ho amin'ny ho avy, mampitombo ny fizahantany fitsidihana ireo zavaboahary ary manatsara ny fari-piainan'ny mponina. Ireo ezaka ireo dia ho tanterahana miaraka amin'ny fampiroboroboana ireo angovo azo avaozina hialana tsikelikely amin'ny fampiasana ireo angovo trandrahana avy any ambanin'ny tany, mirazotra amin'ny tanjona apetraka ho an'ny dimy (05) taona ho avy dia ny fampitomboana avo roa heny ny famokarana herinaratra.

**Fiantohana ny angovo sy ny rano ho an'ny daholobe mifanaraka amin'ny fametrahana ho laharampahamehana ireo angovo azo avaozina**

Ny fampiroboroboana ny sehatra angovo sy rano no mamaritra ny fahatratrarana ny fitomboan'ny Harikarena mahery vaika sy ny lentan'ny fahatsaram-piainana, mifanentana amin'ny tanjona mipetraka eo amin'ny Fisandratana. Na ny fiandohan'ny fahatsaran'ny tontolo iainan'ny mponina na ny fametrahana ireo indostria dia tokony hialohavan'ny fanomezana fahafaham-po eo amin'ny lafiny angovo sy rano. Ny fiandohan'ny fisitrahana tsy misy fepetra ny fahazoana rano fisotro madio dia laharampahamehana ho an'ny Governemanta. Ireo lahasa fampidirana rano fisotro madio dia hamaroana, indrindra any amin'ny faritra Atsimon'i Madagasikara. Ho an'ny zana-tsehatra angovo, ny tanjona fampitomboana avo roa heny ny herinaratra vokarina dia hampisongadina ny teknolojia vaovao izay manaja kokoa ny tontolo iainana. Ny fampiasana ireo loharanon'angovo azo havaozina dia fampiroboroboana bebe kokoa, indrindra amin'ny alalan'ny fizaràna ireo « kit solaire » sy ny fametrahana ireo ivotoerana mpamokatra herinaratra azo avy amin'ny herin'ny masoandro sy ireo famokarana herinaratra ampiasaina isan-tokantrano.

**Fanomezan-danja ny toekarena manga ho an'i Madagasikara**

Araka ny fantatra momba ny toetoetra ara-jeografikan'ny Nosy dia manana harena lehibe sy loharanon-kery ara-tsakafo azo omena betsaka ny fari-dranomasiny, izay tokony ho trandrahana araka ny tokony ho izy ho tombotsoan'ny Malagasy. Araka ny fandalinana nataon'ny Banky iraisam-pirenena, ireo vola very noho ny fanaovana tsinontsinona ireo harena an-dranomasina, anatin'izany ireo fandrohana ireo harena sy ireo jono mihoam-pampana dia mitentina 500 tapitrisa Dolara Amerikanina isan-taona, izany hoe 3.0%-n'ny HAF. Araka izany, ho hita anatin'ny hetsika apetraka ho vaindohan-draharaha eo anivon'ny Govenemanta ny fanomezana fitaovana manaraka toetrandro ho an'ny fanarahamaso ireo morontsiraka sy ireo jono, izay misy fividianana sambo entina manao fisafaoana. Hatsaraina ihany koa ny fitantanana ireo faritry ny morontsiraka sy ireo ranomasina avy amin'ny fanampiana omena ireo vondron'olona eny ifotony, ankoatry ny fanamafisana ny fitsirihana ireo morontsiraka sy ireo sambo mivezivezy.

## **I- FIVOARANA SY VINAVINA ARA-TOEKARENA**

### **I.1- KAONTIM-PIRENENA**

#### **Toekarena misandratra mifototra amin'ny fitomboana lehibe sy maharitra eo amin'ny harikarena faobe**

Ao anatin'ny vinavina hitondra rivo-baovao eo amin'ny tontolo ara-toekarena malagasy, ny Governemanta, avy amin'ny pôlitika ho an'ny Fisandratana, dia nampiseho ny fahavononany hanatratra fitomboana 5.5% eo amin'ny harikarena faobe ho an'ny taona 2020. Miohatra amin'ny tahatombo 5.2% notombanana tao amin'ny LFR 2019, io taha io dia maneho ny hambom-po hametraka ny toekarena eo ambony fototra mari-toerana. Araka izany, mba hahatrarana ny vokatra tsara kokoa mifanaraka amin'ny Fisandratana ara-toekarena, ny vokatra entin'ireo fampiasambola na eo amin'ny vanim-potoana fohy ezaka na lavitra ezaka dia ho asongadina. Ho fanatanterahana izany, ny Fanjakàna dia hametraka ho Laharam-pahamehana ny fanamboarana ireo fotodrafitrasa tena manan-danja toa ireo làlana, ireo tambazotrandàlamby, ary ireo fotodrafitrasa momba ny angovo. Io politika fanentanana manaraka ny fampianaran'i Keynes io izay mifanojo amin'ny tanjon'ny Fisandratana ny toekarena dia hanaitra avy eo ny fitomboan'ny filàna ankapobeny mialoha ny fitomboana eo amin'ny tolotra ankapobeny.

Napetraka ho laharam-pahamehana ao anatin'ny PGE, ny seha-pamokarana voalohany dia vinaniana hahatratra tahatombo 4.6% amin'ny taona 2020 raha toa ka 2.5% ny tao amin'ny LFR 2019, izay ahitana ny fanatanterahana ny fametrahana ny fandriampahalemana eny ambanivohitra sy ny fanitarana ny velarantany azo volena entina hampitomboana ny vokatra. Eo amin'ny rantsana fambolena, ho an'ny taona 2020 dia vikina teboka 2.4 amin'ny isan-jato no andrasana miohatra amin'ny tamin'ny taona lasa. Ny vinavina tokoa mantsy dia mahita taha 5.6% ho an'ny taona 2020 raha 3.2% ny tamin'ny 2019. Ny fiompiana sy ny jono dia hampiseho taha 2.5% amin'ny taona 2020 raha 2.0% ny tamin'ny 2019. Ankoatra izany ny tahatombon'ny rantsana ala dia tsy hihetsika eo amin'ny 1.0%.

Mahakasika ny sehatra faharoa izay ahitana ireo indostria, dia ilaina ny manamarika fa izy io dia tsy nivoatra firy ary tsy dia mahahenika ireo tolotra rehetra. Na dia kely manoloana ireo sehatra roa hafa, voalohany sy fahatelo, ihany aza ny ampahany fenoiny ao amin'ny HAF dia lehibe hatrany ny tahatombony. Ny fisandratana'io sehatra io dia mitaky ny fiovan-drafitra izay tokony hiaraka amin'ny famongorana ireo fanafarana entana mihoa-pefy, ny fampitomboana ny filàna avy ato anatin'ny ary ny fampiroboroboana ny fanondranana ireo entana afaka mampidi-bola betsaka. Ho an'ny taona 2020, ny tahatombon'ny sehatra faharoa dia ho mari-toerana na eo aza izany, izay 7.4%. Ny rantsana famokarana sakafo, zava-pisotro, ny paraky, ary ny rantsana lamba dia hahita fitomboana sy hanome tahatombo 5.3% sy 10.5%. Vokatry ny fanorenana fotodrafitrasam-panavaozana izay sahanin'ny Fanjakàna; ny vokatra azo eo amin'ny rantsana fitaovam-panorenana dia hisonga 6.5%, raha toa ka ny sampana mpitrandraka harena an-kibon'ny tany, milina sy fitaovana elektrônika, indostria samihafa, ary ny herinaratra, rano sy entona fandrehitra dia hitazona ny zava-bitany nandritra ny vanim-potoana 2019 mankany amin'ny 2020, izany hoe tahatombo 2.0%, 2.5% ary 9.6%.

Mahakasika ny sehatra fahatelo, fitomboana 5.2% no andrasana, ary io dia hiainga betsaka avy amin'ny fivelaran'ny sehatra BTP izay ananany tahatombo 11.0%, ary hazavain'ny fivoaran'ny tinady noho ireo asa fanorenana lehibe ataon'ny Governemanta ahitana ny fanombohana ny fanorenana ireo tanàna vaovao, ny fanarenana ireo lalam-pirenena, ny fanorenana ireo fotodrafitrasa entina hampiroboroana ny seha-pamokarana voalohany sy ny fizahantany. Satria ity farany dia asongadina ho anisan'ireo sehatra laharampahamehan'ny Governemanta noho ny tahirin-kery betsaka ananany, dia io no manazava ny fitomboan'ny rantsana fitaterana izay manana tahatombo 4.9%. Ny Governemanta dia hanome lanja manokana ny fametrahana fandriampahalemana sy ny fiarovana ny olona sy ny fananany, ary ny fiarovana ireo Fampiasam-bola mba hanamafisana ny fivelaran'ny fizahantany, izay sehatra afaka mamorona asa sy mitondra fitomboana ho an'ny toekarena

### **Tontolom-pihariana mahasarika ho an'ireo fampiasambola**

Madagasikara dia miandrindra ny fanafainganana ny fitomboan'ny toekarena, sy ny famoronan' asa mivantana sy an-kolaka hanatsarana ny vola miditra amin'ny isam-batan'olona, indrindra ho an'ireo tanora noho ireo ezaka atao hisintomana ireo mpampiasa vola ho tonga eto. Na izany aza, manaraka ny naoty CPIA izay 3.3/6 (raha 3.1/6 no salan'isa azon'ireo Firenena aty atsimon'i Afrika) sy ny naoty mahakasika ny fitsipika mifehy ireo orinasa eo amin'ny 3.0/6 (mitovy amin'ny azon'ireo Firenena aty Atsimon'i Afrika) dia mbola misy ireo teboka tokony arenina eo amin'ny lafiny firindrana sy fampitombona ireo rijan-teny mikasika ny Fampiasam-bola. Io hetsika io dia hahafahana manamora ny fipetrahan'ireo orinasa eto an-toerana, miaro ireo vokatra avy ato anatin'ny, mampihena ireo sara-pikarakarana taratasy ho an'ireo orinasa, mampihena ihany koa ireo vidin'entana ary fepetra iray tsy maintsy fenoina hahatsara ny tontolom-pandraharahana ato anatin'ny.

Ny zavatra atao araka izany dia ny fanatsarana ireo fenitra izay mifehy ny sehatra indostria sy ireo Fampiasam-bola mivantana avy any ivelany, ny fametrahana fehezan-dalàna ho an'ny Fampiasam-bola izay mampifameno ny safidy eo amin'ny Fampiasam-bola amin'ny tombotsoan'ny mponina, ny fametrahana faritra voatokana hisarihana ny Fampiasam-bola, ary ny fametrahana tahiry fiantohana na « fonds de garantie » ho an'ireo orinasa vao nitsangana.

Ankoatra izany, ny fanamorana ny firesahana sy ny fifanakalozan-kevitra eo amin'ny seha-panjakàna sy ny sehatra tsy miankina dia ho tanterahana eny anivon'ireo faritra mba hamantarana ireo fepetra raisina entina hampiroboroana sy hampitomboana ireo Fampiasam-bola eny anivon'ireo vondrom-bahoakam-paritra itsinjaram-pahefana. Anisan'ny hetsika atao eny amin'ireny faritra ireny ny fitsirihana ireo tanora manana tetikasa avy amin'ireo fifaninanana ampanaovina ireo tetikasa eny amin'ireo Faritra sy ny fametrahana toeram-pikotrehana orinasa.



## **I.2- SEHATRA ARA-BOLA SY VIDIM-PIAINANA**

### **Fihenana eo amin'ny tahan'ny fisondrotry ny vidim-piainana**

Ny fifehezana ny fisondrotry ny vidim-piainana dia singa lehibe iray entina hiantohana ny fahamarinan-toerana ara-faobe. Tsy miala amin'izany fitsipika izany i Madagasikara, ankoatra izany, ny Firenena dia tena malaky sahirana manoloana ireo voina tsy nampidirina tanaty kajy nefa mety hitranga sy hanimba ny toekareny, toa ireo fiovaovana eo amin'ny vidin'ireo akora fototra eo amin'ny tsena iraisam-pirenena (indrindra ireo solika sy vary), ireo voka-dratsy entin'ny fiovaovan'ny toetrandro (rivo-doza, tondra-drano, andro ratsy), ny fivoaran'ny sandan'ireo vola vahiny mahazatra (USD, Euro), sns.

Ho an'ny taona 2020, ny haavon'ny fisondrotry ny vidim-piainana dia andrasana ho 6.2% amin'ny faran'ny taona, noho ny anton-javatra maro samihafa, indrindra (i) ny fihenana-danja novinavinaina eo amin'ny Ariary (voafetra ho 4.0% miohatra amin'ny DTS) (ii) ny mety ho fisondrotrana eo amin'ny vidin'ireo solika eo amin'ny tsena iraisam-pirenena avy amin'ny disadisa eo amin'ny lafiny fifandraisana iraisam-pirenena misy eo amin'ireo Firenena mpamokatra solika toa an'i Arabia Saodita sy Iran, sy (iii) ny fitomboan'ny salan'ny vola miditra isan-tokantrano noho ireo asa niforona vokat'ireo tetikasa atao ao anatin'ny Fisandratana. Na dia mbola somary ambony ihany aza, io fisondrotry ny vidim-piainana io dia hita ho voafehy ihany ary mampiseho fihenana teboka 0.6 amin'ny isan-jato miohatra amin'ny taona 2019, vokat'ireo fepetra maro noraisina teo anivon'ny Governemanta, indrindra ny fanaraha-maso ny vidin'ireo entana ilaina amin'ny andavanandro sy ireo solika, ary ireo hetsika nataon'ny Banky Foiben'i Madagasikara (BFM) teo amin'ny fikirakirana ireo antontam-bola mivezivezy.

Raha asiana jery manokana, ny Governemanta dia mihevitra ny hametraka politika samihafa eo amin'ny sehatra maromaro mba hampihenana ny vidim-piainana ho an'ny vahoaka. Voalohany indrindra, ny tanjona dia hampiroborobo ny fiarovana ara-tsakafo avy amin'ny fanampiana amin'ny famokarana eo amin'ny sehatra fambolena (fanajariana ny tany azo volena mirefy 100 000 ha ao anatin'ny 5 taona), ny fampielezana ireo haitao vaovao mikasika ny fambolena, ny fiompiana ary ny jono, ny fanofanana ireo mpisehatra madinika sy ireo tanora vao mianatr' asa eo amin'ny sehatra fambolena (tetikasa Fihariana izay manana tanjona lehibe hampiditra ireo tanora ao anatin'ny rafitra famokarana avy amin'ny fanamorana ny fisitrahana'izy ireo tany hambolena sy ireo famatsiam-bola), ny fanomezana vahana ny sehatra indostria (fanokafana indray ireo orinasam-panjakàna izay nkatona sy fampiroboroboana ny famokarana eny amin'ireo Faritra). Ny vinavina mampiseho ny mety ho fihenana eo amin'ny vidim-bary dia ho atosiky ny Politika mikendry ny fampitomboana ny famokarana eto amin'ny Firenena sy ny fampidinana ireo masokarena, vokat'ireo teknika manaraka toetrandro sy mety amin'ny volon'andro eto.

Ambonin'izany, ary ivelan'ny sehatra sakafo, dia heverina ihany koa ny hanentanana sy ny hanamorana ny fahatongavan'ireo orinasa vahiny izay tsapa fa afaka hitondra sanda hary betsaka toy ireo indostria mpanodina ireo akora fototra (simenitra, angovo), izay mampidina ireo masokarena eo amin'ny famokarana sy eo amin'ny tsena anatin'ny. Ny fampiasana bebe kokoa ireo angovo azo havaozina sy/na ireo afaka hanoloana ireo fampiasa mahazatra (angovo avy amin'ny masoandro, rivotra, solika avy amin'ny zavamaniry, biogaz, sns.) dia tokony ahafahana ihany koa manatratra ny fahaleovan-tena amin'ny sehatra angovo ao aoriana kely. Indrindra moa fa tokony hitombo avo roa heny ny famokarana herinaratra afaka dimy (05)

taona, ka izany dia ahafahan'ny vahoaka misitraka vidina herinaratra mora kokoa sy tolotra tsara kalitao ary ampy hamaliana ireo filàna. Ankoatra izany, ny Governemanta dia hanamafy ireo fotodrafitrasa sy lahasa fototra eo amin'ny sehatra sôsialy ho an'ny tombotsoan'ireo vahoaka tena marefo sy fadiranovana. Araka izany, asa fandavahana lava-drano sy fampidirana rano fisotro madio, izay efa natomboka tamin'ny taona 2019, dia ahafahana mampitombo miandalana ny famatsiana rano fisotro madio eo amin'ny faritra rehetra eto amin'ny Nosy.

Mahakasika ny saran'ny toeram-ponenana, ity farany dia tokony hihena noho ny fanamoràna ny fisitrahana ireo fampindramam-bola ho an'ny fananana toeram-ponenana sy ny fanorenana ny tanàna « Tana-Masoandro ». Ny fanarenana ireo lâlana sasantsasany (fihenana ny saram-pitaterana), ny fanomezana vatsim-pianarana sy « kits scolaires », ary ny tantsoroka ataon'ny Fanjakàna eo amin'ny rafitra fahasalamana (fampihenana na fanalàna ireo fandania ho an'ny fahasalamana ho an'ny sokajin'olona sasany) dia mitarika ihany koa fiovana ho amin'ny ho avy eo amin'ny firafitry ny fandania andavanandro ho an'ny isan-tokantrano.

### **Fahamalinana eo amin'ny fitondrana ny politika ara-bola**

Manaraka ny vinavina fanarenan-doha ny toekarena, dia andrasana ny fitomboan'ny famatsiam-bola omena ny toekarena mandritra ny taona 2020. Izany dia mety hitarika tsindry eo amin'ny vidim-piainana eo amin'ny seha-piainana mivantana. Anatin'izany, ny BFM dia ho malina hatrany eo amin'ny fitondrana ny politika ara-bola mba hitazomana ho mari-toerana ny tahan'ny fisondrotry ny vidim-piainana, izay hanodidina ny 6.2% raha refesina amin'ny fikisahana isan-taona.

## **II.3- SEHATRA IVELANY**

### **Fitomboana eo amin'ny toedanjam-pifanakalozana ivelany ho an'i Madagasikara**

Ny toedanja ankapobeny dia mijanona amin'ny fananana tombombaroetra ho an'ny taona 2020 izay 173.1 tapitrisa DTS, ary hisy fihatsarana +62.1 tapitrisa DTS miohatra amin'ny LFR 2019, noho ny tombana mahavelombolo eo amin'ireo famatsiam-bola (indrindra eo amin'ireo fisintomana vola ho an'ireo tetikasa) sy ireo Fampiasam-bola mivantana, izay hampiakatra ny toedanja eo amin'ny kaontin'ny vola sy ny renivola (+148.7 tapitrisa DTS).

Ny fitontonganana eo amin'ny kaonty mahazatra, izay -178.6 tapitrisa DTS tao amin'ny LFR 2019 ka lasa -237.0 tapitrisa DTS ho an'ny taona 2020, dia vokatry ny fihenana eo amin'ny famindram-bola mankany amin'ny Fanjakàna mahazatra (67.5 tapitrisa DTS ho an'ny taona 2020 raha 193.6 tapitrisa DTS tao amin'ny LFR 2019). Ambonin'izany, ny toedanja eo amin'ny entana sy ny raharaha dia hisiam-patientoka 601.5 tapitrisa hatrany ary hitontongana -145.2 tapitrisa DTS aza. Satria tokoa, ny Vina ho an'ny Fisandratana dia mitaky fanafarana fitaovana betsaka, angovo ary akora fototra ho an'ny fantanterahana ireo tetikasa maro Fampiasam-bola, ary izany dia hanentanana ny fitomboana haingana eo amin'ny toekarena, iaraha-misalahy ary lovain-jafy. Vokatry izany, andrasana hisy fiakarana 378.5 tapitrisa DTS ny fanafarana entana (14.6%), raha toa ka tsy tokony hitombo afa-tsy 160.5 tapitrisa DTS (7.2%), noho ny vinavina mametraka fihenana eo amin'ny vidin'ny kobalta sy ireo vola ampidirin'ny lavanila. Ny toe-danja ara-barotra, araka izany, dia hihena

-218.0 tapitrisa DTS miohatra ny tamin'ny taona 2019, ka hitentina -595.6 tapitrisa DTS amin'ny taona 2020. Na eo aza izany, ny fitomboana izay heverina mialoha eo amin'ireo kaontin'ny raharaha afa-karatsaka, isian'ny kajy izay tokony tsy hisy tosaka.afa-karatsaka afa-tsy -5.9 tapitrisa DTS ho an'ny taona 2020 raha toa ka -78.7 tapitrisa DTS tamin'ny taona 2019 dia ahafahana mahita toedanjan'ny entana sy raharaha eo amin'ny -601.5 tapitrisa DTS.

Mahakasika ny kaontin'ny vola sy ny renivola, ny fitomboana eo amin'ny tombombarotra azony dia ho azo avy amin'ny fiakaran'ny sandan'ireo fanomezana omena ireo tetikasa, ireo Fampiasam-bola mivantana avy any ivelany ary ireo fisintonam-bola ataon'ny Fanjakàna izay ho +17.1 tapitrisa DTS, +66.2 tapitrisa DTS, ary +38.1 tapitrisa DTS.

Io toe-javatra misy eo amin'ny toedanjam-pifanakalozana ivelany io dia hitondra any amin'ny famoriana ireo tahirim-bola vahiny ofisialy ho an'ny Firenena amin'ny taona 2020. Na izany aza, mahakasika ny fotoana voasahan'ireo tahirim-bola vahiny dia fihenana malefaka no andrasana hiseho noho ny fitomboan'ny fanafarana entana entin'ny fanarenan-doha ny toekarena. Amin'izany, ny tahiry momba ireo harem-pirenena tanan'ny BFM dia hahasahana fanafarana entana sy raharaha tsy entina amin'ny famokarana mandritra ny 4 volana any amin'ny faran'ny desambra 2020.

#### **Fihenan-danja antonony ihany ho an'ny sandam-bola malagasy**

Ny fihenan-danja eo amin'ny Ariary dia ho voafetra amin'ny taona 2020. Raha jerena tokoa ireo voka-pandalinana fototra mikasika ny tontolo ara-faobe sy ireo vinavina eo amin'ny toekarena iraisam-pirenena dia fihenan-tsandan'ny vola malagasy manodidina ny 5.5% izay refesina amin'ny fikisahana amin'ny faran'ny taona no andrasana. Io fivoarana andrasana io dia hahatratrarana ny fahamarinan-toerana eo amin'ny sandan'ny vola malagasy. Ireo sandam-bola dia ho 5 189.7 Ariary ho an'ny DTS sy 3 707.7 Ariary ho an'ny Dolara Amerikana, izany hoe fihenan-danja 4.0% sy 3.3% miohatra tamin'ny taona 2019.

#### **I.4- SEHATRA FITANTANAMBOLAM-PANJAKANA**

##### **Zava-bita sy fahombiazan'ny Fanjakàna ao anatin'ny tanjona fanatrarana ireo vola miditra mifanandrify amin'ny tokony ho izy**

Eo amin'ny lafiny vola miditra, ny Fanjakàna dia manaiky ny hametraka araka ny tokony ho izy ny politika ara-ketra indrindra avy amin'ny fanatsarana ny fikirakirana ny haba amin'ny tataom-bidy, ny fanatanterahana araka ny tokony ho izy ny fitsirihana ny fampidiran-ketra sy ny fampiharana ireo fepetra itondrana ireo fitsipika arahina amin'ny hetra sy fadintseranana. Ankoatra izany, ny fampivelarana ireo hetra ireo dia ho jerena manokana, sahala amin'ny famantarana ireo olona azo hakana hetra sy ny fanamafisana ny ady atao amin'ireo fandikan-dalàna sy ny zavatra tsy mety eo amin'ny lafiny ara-ketra. Fepetra vaovao, toy ny fanokafana ivotoerana momba ny hetra vaovao entina hiantohana ny fanakaikezan'ireo mpandoa hetra ny sampandraharahan'ny hetra sy ny fanatanterahana ny paikady fitsirihana ireo orinasa afakaba no ho tanterahana ihany koa.

Ho an'ny taona 2020, ny fivoaran'ny vola miditra afa-karatsaka dia hisy fiakaran'ny vola amin'ny 21.0% miohatra ny tamin'ny taona 2019. Io vokatra io dia hiainga amin'ny fitomboan'ny vola miditra avy amin'ny

hetra anatin'ny eo amin'ny 27.3% sy avy amin'ny fitomboan'ny fadintseranana izay 13.9%. Izany dia hitojo amin'ny fitomboana teboka 0.8 amin'ny isan-jato eo amin'ny tahatsindrin-ketra izay 10.7% tamin'ny taona 2019 ka hanjary 11.5%-n'ny HAF ho an'ny taona 2020.

Ireo vola miditra ivelan'ny hetra dia hahitana fitomboana misongadina be hatramin'ny 95.9%. Izany dia niainga 102.2 miliara Ariary ka hanjary 200.3 miliara Ariary ho an'ny taona 2020. Ny fampidirana ny fitantanana ireo kaonty ara-barotr'ireo orinasam-panjakàna ao anatin'ny Tetibola ankapobeny no manazava izany.

Ny fandaharanasa ara-toekarena hitondrana any amin'ny Fisandratana dia nahazo sitraka teo amin'ny PTF, satria izany dia mampiseho feno ny finiavan'ny Fanjakàna hametraka an'i Madagasikara amin'ny dingana arahina ara-stratejika sy fandrosoana tsara kajy. Noho io fahamafisan'ny fahatokisana apetrak'ireo PTF io, ireo fanampiana ny tetibola ho an'ny taona 2020 dia hitombo miandalana manaraka ireo fifanarahana andalam-pahavitana sonia sy ireo mbola ho soniavina. Araka izany, ho an'ny taona 2020, ireo fanomezana vinavinaina dia hitentina 1 474.0 miliara Ariary.

### **Fandaniambola mirona mankany amin'ny politika fanarenan-doha ny toekarena**

Ny taona 2020 dia ho marihan'ny fametrahana politika ara-tetibola ampiharana fitsipika henjana esty andaniny, sy ny fanatanterahana ny PGE vaovao izay mifanojo amin'ny tanjon'ny Fisandratana etsy ankilany, ka ho hita amin'izany ny fanohizana ireo asa efa natomboka tao anatin'ny LFR 2019. Anatin'io vinavina io, ireo fandaniana ho an'ireo fotodrafitrasa sy eo amin'ny sehatra sôsialy, anatin'izany ireo izay mifandray amin'ny fametrahana fandriampahalemana ho an'ny fanatsarana ny fiainana ara-tsôsialy, dia omena laharampahamehana mba hahatonga ireo asa ireo ho tsapan'ny mponina sy hanana fiantraikany mivantana eo amin'ny andavanandrony.

Ho an'izany tanjona izany, ny totalin'ny fandaniambola dia hitentina 10 269.9 miliara Ariary, izay mahatratra 17.6%-n'ny HAF, izany hoe hisy fitomboana teboka 0.6 amin'ny isan-jato miohatra amin'ny LFR 2019. Io vola io, etsy andaniny, io dia misy fandaniam-bola mahazatra 5 221.6 miliara Ariary ary etsy ankilany ireo fandaniana ho an'ny Fampiasam-bola dia tombanana ho 5 048.3 miliara Ariary, izay ahitana FCV ("Fonds de Contre-Valeur") sy AEP ("Autres Emprunts Publics").

Ny fivoaran'ireo vola miditra sy ireo fandaniambola dia ho fintinina amin'ny fitotongan'ny fatiantoky ny tetibola teboka 0.1 amin'ny isan-jato. Ny fatiantoky ny tetibola nokajiana avy amin'ny vola voaray sy nefaina mivantana ("Base Caisse") dia 2.7% ho lasa 2.8%-n'ny HAF. Sahala amin'izay ihany koa ny fahafahan'ny Fanjakàna mamatsy vola ireo filany avy amin'ny loharanom-bolany madiodio. Satria ny teodanja voalohany (« solde primaire ») dia hiharatsy teboka 0.2 amin'ny isan-jato ihany koa, izay 1.8% hanjary 2.0%.

## **II- FIRONAN'NY TETIBOLA AO AMIN'NY LALÀNA MIFEHY NY FITANTANAMBOLAM-PANJAKANA 2020**

### **II.1- VOLA MIDITRA**

#### **II.1.1- HETRA**

Ho fanatanterahana ny PGE, ny fampiakarana ny vola miditra amin'ny hetra dia fanamby lehibe ahafahana mahatratra ny tanjona voafaritra ka tsy maintsy ametrahana ny fidiram-bola mahefa. Ireo fepetra novinavinaina dia miompana indrindra amin'ny fanatsarana ny fampidiram-bola mba hamaliana ny filàna momba ny fandaharan'asam-pampandrosoana, amin'ny fanohizana ireo asa amin'ny firosoana tsikelikely amin'ny fampiasana ny teknolojia ara-kajy mirindra, ary ny fanatsarana ny fitantanana ny mpandoa hetra, izany dia ho faritana amin'ireto tanjona manaraka ireto :

➤ *Fanatsarana ny fampidiran-ketra amin' :*

- ny fampiharana ho an'ny rehetra manao tsenam-barom-panjakàna ny fepetra mikasika ny «Haba amin'ny tataom-bidy amin'ny tsenam-barom-panjakàna » na ohatrinona na ohatrinona ny vola matin'izay manao izany. Fanovana ny anaran-ketra ho « Haba amin'ny tsenam-barom-panjakàna (TMP) » : haba tazonina ifotony izay ataon'ny Mpitantan-kaontim-panjakàna amin'ny taha 8 isan-jato : + Ar 221 miliara Ariary ;
- ny fampiakarana ny tahan'ny hetra tsy mivantana alaina amin'ny fandania (DA) amin'ny labiera ho Ar 600 isaky ny litatra : + 20 miliara Ariary ;
- ny fampitomboana ny tahan'ny hetra tsy mivantana alaina amin'ny fandania (DA) amin'ny ranomboankazo ho Ar 100 isaky ny litatra ;
- ny fampiakarana ny tahan'ny hetra tsy mivantana alaina amin'ny fandania (DA) amin'ny sigara ho Ar 1 390 isaky ny fonosan-tsigara 20 : + 15 miliara Ariary ;
- ny fametrahana indray ny hetra tsy mivantana alaina amin'ny fandania (DA) ho an'ny vato sarobidy sy sarobidy amin'ny ampahany: + 16.11 miliara Ariary ;
- ny fampiakarana ny tahan'ny hetra tsy mivantana alaina amin'ny fandania (DA) amin'ny fifandraisan-davitra ho 10 isan-jato : + 10.48 miliara Ariary ;
- ny fampiharana ny TVA ho an'ny katsaka sy ny varim-bazaha : + 50 miliara Ariary ;
- ny fampiharana ny fakan-ketra amin'ny vola miditra (IR) amin'ny taha 10 isan-jaton'ny anjara vola voarain'ireo mpiara-miombon'antoky ny orinasa izay tsy manana fonenana eto Madagasikara: + 22 miliara Ariary ;
- ny fametrahana sy ny fanaparitahana ny fandoavan-ketra amin'ny alalan'ny tambazotra "e-Hetra" sy amin'ny alalan'ny finday.

- *Fiantohana ny fanentanana indray ny toe-karena*, indrindra amin' ny fanafoanan-kaba ho an'ny fanafarana sy fivarotana fitaovana sy fampitaovana ho an'ny indostria momba ny sakafo : - 10.72 miliara Ariary.
- *Hanatratarana ireo tanjona amin'ireo tetik'asa samihafa amin'ny fanatanterahana ny PGE*, ireo fepetra mikasika : ny fahasalamana, ny fananan-tany, ny tontolo iainana ary ny fampianarana, amin'ny alalan'ny :
  - ny fampihatoana ny fandoavana ireo sara amin'ny fandovàna sy ny sara amin'ny fanoratana ireo taratasim-pizarana avy amin'ny fandovàna ;
  - ny fanafoanana ny TVA amin'ny entona fandrehitra : - 15.51 miliara Ariary ;
  - ny fanafoanana ny TVA amin'ireo vokatra ho an'ny fanabeazana aizana : - 0.36 miliara Ariary ;
  - ny fampidinana ny taham-pakan-ketra amin'ny vola miditra (IR) ho 10 isan-jaton'ny vola miditra ho an'ny olon-tsotra na fikambanana misehatra amin'ireo raharaha mahakasika ny fahasalamana sy/na fanabeazana : + 5 miliara Ariary ;
- *Fanamafisana ireo fepetra mikasika ny fisavana ara-ketra, ny ady amin'ny fanaovana hosoka, toy :*
  - ny fanitarana ny fepetra mikasika ny vola fandrotsaka mialoha amin'ny IR na IS amin'ny taha 2 isan-jato ho an'ireo raharaha fanondranan'entana rehetra : + 60 miliara Ariary;
  - ny fandraisana ny DE amin'ny taha iray (1) isan-jato tsy mihoatra ny Ar 5 000 000 amin'ireo taratasy fifampivarotana sambo hanaovana varotra sy ireo karazam-piaramanidina, ny DE dia ferana ho Ar 2 000 isaky ny fitaovana ho an'ireo novidiana vaovao ;
  - ny fanamafisana ny fepetra amin'ny fikarohana sy ny fanatraranana ireo fanaovana hosoka ;
  - ny fampiharana ny fomba arahina amin'ny fameran-ketra tsy misy fierana amin'ireo fanaovana hosoka hita ;
  - ny fampiharana ny fitsirihana tsy misy an-kanavaka ho an'ireo mpandoa hetra izay manatsahatra na manafoana ny asany ;
  - ny fanovana ny fepetra arahina amin'ny fisavana sy fitsirihana ara-ketra.
- *Farany, ankoatra ireo fepetra ara-ketra voalaza etsy ambony, fanadiovana vitsivitsy, fandrindrana sy fanoritana mazava no noraisina ho famenon'ireo fepetra ankehitriny :*
  - Fanitarana ny fampidinan-ketra 2 isan-jato ho an'ireo fividianana raharaha misy fakitiora ara-dalàna ka tafiditra amin'izany ireo fandanianana mikasika ny mpiasa izay nanaovana fandrotsahana IRSA ;
  - Fanovana ny hadirin'ny alikaola azo hafarana ho an'ireo fikambanana manokana ho 20 000 litatra isan-taona ;
  - Fanoritana mazava ireo andraikitra ara-ketran'ny mpandoa hetra iharan'ny IS: fitazonana ny fitanan-kaonty manaraka ny rafitran'ny fitanan-kaonty amin'ny asa ho an'ireo sosaiety ara-barotra;
  - Fanoritana mazava ireo fepetra arahina amin'ny fangatahana famindram-po amin'ny fandoavan-ketra sy fangatahana ny fampidirana amin'ny rafitra mikasika ny fifanolanana.;

- Fanovàna ireo fepetra sasantsasany mikasika ny Vaomiera ara-ketra.

## **II.1.2- FADINTSERANANA**

### **II.1.2.1- MAHAKASIKA NY FEHEZAN-DALÀNA MOMBA NY FADINTSERANANA:**

Ny andininy sasantsasany ao amin'ny fehezan-dalàna momba ny Fadintseranana dia mikendry ireto tanjona manaraka ireto:

- Fampifanarahana ny fepetra apetraky ny fehezan-dalàna momba ny fadintseranana amin'ny fepetra voalazan'ny Fifanarahana natao tany Kyoto nasiam-panitsiana (CKR) sy ny fifanarahana momba ny fanamorana ny fifanakalozana ara-barotra (AFE) nankatoavin'i Madagasikara ary koa hampisongadinana ireo karazana fepetra momba ny fanamorana ny fifanakalozana ara-barotra sy sy ny fandrindrana ny fomba fanaraha-maso ny fampidirana sy famoahan'entana eny amin'ny seranana;
- Fanamafisana ny fepetra momba ny hetsika fanaraha-maso tarihin'ny sampandraharahan'ny fadintseranana, mahakasika indrindra ny ady atao amin'ny hosoka;
- Fampanarahana ny fepetra ao amin'ny fehezan-dalàna momba ny fadintseranana amin'ny fehezan-dalàna momba ny herinaratra sy ny PGE, ny mba hanesorana ny haba sy ny sara amin'ny fanafarana ny fananana, ny fitaovana naompana amin'ny famokarana sy fitrandrahana ny angovo azo avaozina;
- Fampidirana ny fepetra momba ny famoriam-bolam-panjakàna mba hanatanterahana an-tsakany sy an-davany fampidirana ny haba ampidirina amin'ny kitampom-bolam-panjakàna.

### **II.1.2.2- MIKASIKA NY LAZAM-BIDY AMIN'NY FADINTSERANANA:**

Ny fanovana mikasika ny lazam-bidy amin'ny fadintseranana dia mahakasika indrindra ireto teboka manaraka ireto:

- Fanomezana tohana ireo mpanodina na ireo orinasa te hanodina bolabolan-tsavony amin'ny fampiakarana ho 20% ny tahan'ny habantseranana raha 10% izy ankehitriny mahakasika ireo vokatra ireo ;
- Fanamboarana ireo andinindiny ao amin'ny filazam-bidy araka ny fifanarahana misy eo amin'ny Fiombonam-be Eoropeana sy Madagasikara mahakasika indrindra ny fampihenana miandalana ny tahan'ny habantseranana amin'ny entana miditra avy any Eoropa ;
- Fampidirana naoty fampifandraisana amin'ny zana-tsokajy 85395010 mba hampiharana ny fampanarahana ny fenitra ara-kalitaon'ny Ministeran'ny Angovo ;
- Famaritana araka ny tokony ho izy ny fanasokajiana ny lazam-bidy momba ny faikan'entana fihinan'ny biby fiompy mba hialana amin'izay mety ho fanambarana tsy marina ;
- Fanitsiana ireo andinindiny eo amin'ny sokajy ny lazam-bidy sasantsasany ;
- Famoronana sokajy ny lazam-bidy 9021.9010 ho an'ny fanasokajiana ny fanabeazana aizana (DIU) mba tsy hampiharana'ny sampandraharahan'ny hetra ny tataoketra TVA.

### II.1.2.3- NY FIATRAIKANY EO AMIN'NY KITAMPOM-BOLAM-PANJAKANA:

Tombanana hampiditra vola :

- 5 miliara Ariary ho an'ny 20% ny habantseranana amin'ny fanafarana bolabolan-tsavony ;
- 11 miliara Ariary ho an'ny sara 5% ny habantseranana ary 20% ny tataoketra TVA amin'ny fanafarana sakafom-biby sy karazana faikan'entana hafa.

Mety hahatratra 39 miliara Ariary kosa anefa ny habantseranana very momba ny fanavaozana ireo andinindininy ao amin'ny filazam-bidy an'ireo entana voakasiky ny fifanarahana misy eo amin'ny Fiombonambe Eoropeana sy Madagasikara (APEi) amin'ny fampihenana miandalana ny tahan'ny habantseranana amin'ny entana miditra avy any Eropa. Farany, hanodidina ny 11 miliara Ariary ny fahaverezana vola miditra amin'ny Fadintseranana noho ny fikitihina ny vidin'ny solika amin'ny ankapobeny.

## **II.2- FANDANIANA**

### **II.2.1. Fandaniana ho an'ny mpiasam-panjakàna**

Miohatra amin'ny Lalàna mifehy ny Fitantanambolam-panjakàna nasiam-panitsiana 2019, ny fandania ho an'ny mpiasam-panjakàna ao amin'ny Lalàna mifehy ny Fitantanambolam-panjakàna 2020 dia hisy fitomboana +14.4%, izay manome 339.6 miliara Ariary. Araka izany, io fandania izay mitentina 2 360.4 miliara Ariary io dia hanjary 2 700.0 miliara Ariary. Amin'ny lafiny iray, io fitomboana io dia hazavain'ny fampiharana ireo fepetra ankapobeny mitondra any amin'ny fiakaran'ny karama notapahin'ny Fitondram-panjakàna izay mitentina 179.0 miliara Ariary. Amin'ny lafiny hafa, izy io dia noho ny fivoaran'ny isan'ireo mpiasam-panjakàna, ka ny tena hisongadina amin'izany dia ny fanomezana toeran'asa vaovao ho an'ny Zandarimariam-pirenena, ny Polisim-pirenena ny Fiarovam-pirenena, ny fanabeazam-pirenena ary ny fahasalamana. Izany dia mampiseho ny fahavononan'ny Fitondrana hanamafy ny sehatry ny fandrampahalemana, ary indrindra ny hampiroborobo ny sehatra sôsialy. Araka izany, ny fiovana eo amin'ny tetibola vokatr'ireo fepetra ireo dia manodidina ny 21.0 miliara Ariary. Ankoatra izay, ny fitomboana avy amin'ny fampiakarana amin'ny toeran'asa mitentina eo amin'ny 35.0 miliara Ariary dia ho anisan'ireo antony hampiakatra ny antontam-bola ho an'ny karama.

Raha avondrona, ireo karama sy ireo fandania manodidina izany dia hitombo 12.7% miohatra amin'ny LFR 2019, izany hoe vola mitentina 2 903.3 miliara Ariary, ka 203.3 miliara Ariary amin'izany ny tambikarama.



### **II.2.2. Fandaniana ho an' ny fampandehanan-draharaha**

Ampahany betsaka amin'ny Fandaniana ho an' ny fampandehanan-draharaha no omena ny sehatra Fandriampahalemana mba ahafahana manatsara ny teti-piarovana any amin'ireo toerana tena atahorana. Ny fananiana ho an'ny entana sy ny raharaha dia hitentina 428.2 miliara Ariary, izany hoe fitomboana 9.2% vokatry ny vola laniana amin'ny fampiasana ireo tetikasa napetraka sy ireo fiovaovam-bidy eo amin'ireo zavatra ilaina. Mahakasika ireo fanampiana ara-bola sy ireo famindram-bola dia hiakatra 20.5% izany raha oharina amin'ny taona 2019, izany hoe hitentina 936.9 miliara Ariary raha toa ka 1 260.3 ny tamin'ny LFR 2019. Io fidinana io dia ho tratra noho ireo ezaka ataon'ny Fanjakàna mba hitondràna fanadiovana ao anatin'io sokajim-pandaniana io sy hamongorana ireo singa mpitsentsitra loatra ny Tetibola, indrindra ireo foibe-toerana ara-panjakàna (EPN) manalavitra ny tokony ho ilaina. Na eo aza izany, ny fiasan'ireo Governoram-paritra vaovao dia mitaky antontam-bola mihoatra noho ireo nilaina tao amin'ny LFR 2019. Ankoatra ireo fampiasambola (4.0 miliara Ariary isaky ny Governora), ireo famindram-bola voasokajy ho amin'ny fananiana ho fampandehanan-draharaha dia hahatratra 1.0 miliara Ariary isaky ny Governoram-paritra.

### **II.2.3. Fandaniana ho an'ny hanapamokarana (PIP)**

Ny fampiasambolam-panjakàna dia manana anjara toerana lehibe amin'ny fananiana ankapobeny hahahenika ny ampahany 49.2%, izany hoe 5 048.3 miliara Ariary, izay midika ho fiakarana 31.2% raha oharina amin'ny tao amin'ny LFR 2019. Io fitomboana io dia ho hita soritra eo amin'ireo Fampiasam-bolam-panjakàna avy amin'ny loharanom-bola anatin'ny, izay mitentina 2 351.0 miliara Ariary ahitana FCV (fitomboana 53.0%), sy ireo Fampiasam-bolam-panjakàna avy amin'ny loharanom-bola ivelany izay mitentina 2 697.3 miliara Ariary (fitomboana 16.6%). Anatin'izany antontam-bola ankapobeny izany, ny tetibola manokana mitentina 200.0 miliara Ariary dia voasoratra ho ampiasaina ho amin'ny « Vatsi-pamatsiana ho an'ny fiandrianam-panjakàna », izay atokana amin'ny fanatanterahana ireo tetikasan'ny filoham-pirenena, toy ny fanamboarana trano fonenana. Ankoatra izany, ny Fanjakàna dia hizotra amin'ny fametrahana ho tsara kajy ireo Fandaniana ho an'ny hanapamokarana, mba hahatonga azy ireny ho tsilo mpanjotra ny fampandrosoana hita mivaingana sy loharano maharitra ho an'ny famoronana asa.

## **VINAVINAN'ASA HO TANTERAHANA AMIN'NY ALALAN'IREO FAMPIASAM-BOLAM-PANJAKANA ISAN-TSEHATRA**

### **SEHATRA FOTODRAFITRASA**

Ny sehatra fotodrafitrasa dia manolotra fanamby lehibe izay tokony ahitana ny fandraisan'anjaran'ireo rehetra voakasik'izany mba ahafahana manao dingana lehibe amin'ny fitomboana ara-toekarena sy ny

fanavaozana ny Firenena. Ny fanovana an'i Madagasikara ho Firenena misandratra dia tena asa lehibe ary tsy ho tanteraka izany raha toa ka tsy misy ny fiovam-pihetsika sy ny fomba fisainana vaovao avy amin'ireo mpisehatra ara-toekarena rehetra. Raha ny avy ato anatin'ny, ny Fanjakàna dia hanara-maso ny fampiasana araka ny tokony ho izy ireo vola omena ireo andrim-panjakàna sy Ministera. Izany fampiasana araka ny tokony ho izy avy amin'ny alalan'ny fitantanana sy fandrindrana mahomby izany; sy ireo tetik'asampampandrosoana dia ho atao mba ahafahany manome vokatra azo tsapain-tànana ho an'ny vahoaka. Ao anatin'io fijery io dia antsoina ireo mpiara-miombon'antoka ara-teknika sy ara-bola mba hampifanaraka ny fandraisany anjara ara-bolany amin'ny fametrahana fotodrafitrasam-pampandrosoana izay misy vokany tsara mivantana amin'ny fampihenana ny fahantrana mety ho tonga hatramin'ny fanafoanana tanteraka izany mihitsy.

Araka izany, ho hita amin'ny taona 2020 ny fanatanterahana ireo asa mifandraika amin'ny fitanana amin'ny fikojakojana tsara ireo tambanjotran-dàlana ary ny fanamboarana làlana vaovao ho fanamoràna ny varotra mba hahafahana manatsotra ny fivezivezen'ny olona sy ny entana, manamora ireo fifanakalozana ara-barotra, mampisy fifandanjana amin'ny fampandrosoana ireo faritra rehetra ary manala amin'ny fitokanamonina ireo toerana mijaly sy saro-dalana. Noho izany, tetikasa maro no ho omena sehatra amin'io fotoana io, toy ny tetikasa "Rocade" sy "Flyovers"; ny fanamboarana sy/na fanarenana ireo làlana any amin'ireo toerana manana tahirin-kery ara-toekarena lehibe toy ny RN 1B, RN 3B, RN 5, RN 6 (ampahan-dalana Ambanja-Antsirana, RN 9, RN 13, RN 18, RN 20, RNS 1, RN 23, RN 43, RN 44, sns. Manampy ireo ny fanamboarana « corridor » ao Manja any amin'ny faritra Atsimo Andrefana, ny fandrakofana tara ny ampahan-dàlana Ambilobe-Vohémar ary ny fananganana tetezana eto Antananarivo sy ao Toliara.

Momba ny sehatra fotodrafitrasa hatrany, ireo Vondrom-bahoakam-paritra itsinjaram-pahefana dia hahazo fotodrafitrasa sy fitaovana fototra. Manerana ny Nosy dia hisy ny famolavolana drafitra enti-mitarika sy drafipanjarihana entina hikarakarana sy hanaovana ny teti-pivoaram-pampandrosoana ho an'ireo fari-piadiam-pirenena, sy faritra ary kaominina izay hiainga avy eny ifotony ary entina hanomezan-danja ireo faritra manana tahirin-kery ara-toekarena lehibe. Mahakasika ny fampanarahana toetrandro ny Firenena, ny toera-ponenana, sy ny ady atao amin'ny faribohitra, dia hisy ny fananganana toera-ponenana sôsialy ary fanorenana tanàna vaovao. Ireo dia asa efa ataon'ny Governemanta ary ho tohizany amin'ny taona 2020 fa indrindra koa mifandraika amin'ireo fanapahan-kevitra noraisina ho amin'ny Fisandratana. Mifanindrandàlana amin'izany, ireo sampan-draharaha mikasika ny fananan-tany dia ho avaozina mba hahafahana manisy fiarovana mahomby eo amin'ny fananana ireo tany, amin'ny alalan'ny fanomezana titra ("titre") ny tany sy taratasy fanamarinana ny fananan-tany (« certificats fonciers ») mba ho tombotsoan'ny fahaleovantena sy fampandrosoana eny ifotony. Raha ny mahakasika ny fanamafisana ny ady amin'ny fiovaovan'ny toetrandro, ny Ministera misahana ny toetrandro dia hametraka sampan-draharaha misahana ny toetrandro eny ifotony eny anivon'ireo faritra mba ahafahana mametraka rafitra fanairana amin'ireo tandindon-doza mahomby sy ara-potoana.

Manoloana ireo lesoka hita amin'ireo fotodrafitrasa momba ny angovo sy ny rano fisotro madio ary ny fanadiovana dia hisy ny asa fanarenana, fanatsarana ary fananganana fotodrafitrasa amin'ireo sehatra ireo ho an'ny taona 2020 eny amin'ny tontolo ambanivohitra, indrindra fa any amin'ny faritra atsimon'ny nosy, toy ny fanamboarana fatsakàna any Amboasary, Ambovombe, Bekily, Beloha, Betroka, sns. Hisy ny fanajariana ireo lava-drano, ireo fantsombe, ireo fotodrafitrasa hafa famatsiana rano fisotro madio sy

fanadiovana any amin'ireo toerana ireo. Hisy ihany koa ny fananganana foibe famokarana herinaratra any Sahalanona, Antafofo, Ranomafana, sns. Raha ho an'ny tanànan'Antananarivo dia hahazo tombony izy amin'ny raharaha ataon'ny SAMVA mikasika ny fanariana ireo rano maloto sy fako.

Ho an'ny sehatra angovo manokana, ny Governemanta dia hanome famatsiam-bola izany mba ahafahan'ny vahoaka misitraka angovo maharitra ho an'ny rehetra, mba hampandrosoana ireo angovo fanolo sy ireo loharanon'angovo misy eto an-toerana toy ny "éthanol". Amin'izany ny faritra eny ambanivohitra sy ireo tanàna ambanivohitra somary mitoka-monina dia hisitraka fizaràna "kits solaires" maro sy fametrahana foibe famokarana herinatra azo avy amin'ny masoandro, ireo tanàna mitoka-monina dia hanolorana fitaovana famokarana herinaratra avy amin'ny herin'ny masoandro ho an'ny isan-tokantrano. Ireo tanàn-dehibe, ny marimarina kokoa tanàna miisa dimy ambin'ny efapolo (45) eto Madagasikara dia hahazo "centrales hybrides". Ny tanjona trararina amin'izany dia ny fampitomboana avo roa heny ny famokarana herinaratra hatramin'ny taona 2023. Ankoatr'izany, ny Fanjakàna dia hanohana ny fampiroboroboana sy fampiasana ny "biocarburants" amin'ny alalan'ny fametrahana rafitra mpamokatra "biogaz" eny amin'ireo toerana ambonivohitra eto Madagasikara, ny fametrahana rafitra mpamokatra "biocarburant" sy ny fitsipika mifehy ny fikirakiràna izany taranjam-pamokarana izany. Ny fanatanterahana ny fifindràna amin'ny rafitra fampiasana angovo hafa dia ho atao amin'ny alalan'ny paikady fampiarahana fomba famokarana samihafa izay mifototra amin'ny loharanon-kery misy eto an-toerana.

Raha mikasika ny fitaterana, ny Ministera dia hikendry hanome tolotra mahafapo ho an'ireo mpampiasa izany. Mba ahatanterahan'izany, ny Governemanta dia hifantoka amin'ny fampanarahan-dalàna io sehatra io, ary hampanaraka fenitra ireo fotodrafitrasa momba ny fitaterana (seranan-tsambo, seranam-piaramanidina, seranam-pitaterana, gara, zotran-dalamby, fifamoivoizana eny amin'ny renirano, sns. Momba ny fitaterana an-dalamby, ireo any amin'ny faritra avaratra sy atsimo dia hahazo tombony amin'ny fanarenana ireo fotodrafitrasa ary ny fividianana lamasinina. Mifanila amin'izay, ny sehatra fizahan-tany dia hampitodika ny asany amin'ny fampandrosoana ny "agritourisme", ny fampiroboroboana ireo toerana izay tsara hanaovana famatsiam-bola mikasika ny fizahan-tany. Ireo toerana ireo dia handray anjarana amin'ny fanatrarana ilay tanjona mpizahantany miisa 500 000 hatramin'ny taona 2023. Ankoatr'izay, ny Fandaharan'asa nasionaly momba ny fananan-tany dia hanatanteraka hetsika fanomezana nomerao faobe mba hanamora ireo lahasa ara-pitantanana ataon'ireo tantsaha.

Ny fampandrosoana ny Paositra sy ny fifandraisan-davitra ary ny haitao ara-kajy mirindra dia milasitra tsara amin'ny fampanarahana toetrandro ny Firenena, araka izay voalaza ao anaty PGE. Ny teknolojia nomerika sy ny fifandraisan-davitra dia tsy azo lavina fa nametraka vokatra tsara teto amin'ny Nosy nandritra izay folo taona farany izay, ary mbola afaka mijoro ho mpanjotra any amin'ny fampandrosoana sy ny fanovana endrika ny sehatra sôsialy. Ho an'izany, ny Ministera misahana io sehatra io dia hanohy ny fanatsaràna sy fampiroboroboana ny fivoaran'ny rafitra nomerika eto amin'ny firenena, ho fampitomboana ny fisitrahana sy ny fahaizana mampiasa ny TIC. Manome toky ihany koa izy fa hampanaraka toetrandro ireo tambazotram-pifandraisan-davitra sy hiantoka ny fanatsarana ny fifandraisan-davitra misy amin'i Madagasikara sy ireo Firenena rehetra maneran-tany. Io Ministera io dia hanampy hery ihany koa ny Paositra Malagasy (PAOMA) amin'ny fanatanterahana ny tetikasa entina hampitsimbadihana ny zava-misy sy mitondra amin'ny rivo-baovao "Paositra money". Farany, ny fametrahana ireo "Smart-city" dia handray anjara amin'ny fametrahana ny filaminana eny anivon'ireo renivohi-paritany teo aloha miisa enina sy ny tanàna vaovao Tana-Masoandro

(fitaovana fakana horonan-tsary, ivotoerana mpanara-maso, “pylones réseau LTE- *Long Term Evolution*”, sns).

### **SEHATRA RAHARAHA**

Momba ny sehatra raharaha dia ny mahakasika ny fandriam-pahalemana no ho atao ho vaindohan-draharaha amin'ny alalan'ny fametrahana “zones rurales prioritaires de sécurité” eny amin'ireo faritra tena anjakan'ny tsy fandriam-pahalemana toy ny any Ranohira, Maevatanana, Morafenobe, Miandrivazo. Mifanindran-dàlana amin'izany, ny Fanjakàna dia handray fanapahan-kevitra mba hanafoanana ireo karazana asan-jiolahy eny ambonivohitra sy ambanivohitra amin'ny alalan'ny fanomezana antoka ny fiarovana ny olona sy ny fananany. Tsy adino koa ny fiarovana ny fifamoivoizana eny amin'ny làlam-pirenena (RN 2, RN 4, RN 7, RN 25, RN 34). Manoloana izany, ny foloalindahy malagasy dia hanana fotodrafitrasa vaovao mba ahafahana mametraka “Bataillons Opérationnels Avancés” any amin'ny distrika miisa 05: Tsaratanana, Iakora, Morafenobe, Ambatofinandrahana et Mahabo. Ny ao amin'ny Zandarmariam-pirenena kosa dia hanohy ny fanamafisana ny fahaiza-manaon'ireo olona ao aminy amin'ny alalan'ny fametrahana Ivotoerana manokana fanaovana fanazaran-tena ho an'ny Zandarimariam-pirenena any amin'ireo kaominina ambanivohitra maromaro (Malaimbandy, Beroroha, Maromby, sns.), sy Ivotoeranm-pirenena fanaovana fanazaran-tena manokana ho an'ny Zandarmariam-pirenena na “Centre National d'Entraînement Spécifique de la Gendarmerie Nationale” any Ambatolampy. Ho an'ny tombontsoan'ireo vahoka miaina amin'ny fambolena sy fiompiana, ny fifehezana ny halatr'omby amin'ny alalan'ny fametrahana rafitra famantarana sy fanaraha-maso ara-elektrônika ireo omby dia anisan'ireo asa ho atao mba hialàna amin'ny vokatr'io asa ratsy io, ary koa hanafoanana ny firongatr'ireo asan-dahalo.

Na dia vao haingana aza no nisy ny “cybercriminalité” sy ny asa fakana an-keriny, ny Governemanta dia hanao vaindohan-draharaha ny ady mifandray amin'izany, indrindra eny amin'ireo tanàn-dehibe. Ho an'ny taona 2020, hapetraka any amin'ny distrika miisa efatra (04) toa an'i Tsaratanana, Mahatangy Vangaindrano, Maevatanana, Mahatsinjo ny kaomisarian'ny polisy vaovao ho fanampin'ireo izay efa mitsangana any amin'ny tanàna hafa nandritra izay taona maromaro izay. Izy ireo dia hahazo olona voaofana avy amin'ireo olona vaovao miisa 1 250 izay vinavinaina ho raisina mandritra io fotoana io mba ho fanamafisana ny fandriam-pahalemana. Ny tafika an'habakabaka sy tafika an-dranomasina kosa dia hisitraka fanampiana ara-pitaovana mba hahafahana mametraka ny filaminana ery amin'ny faritra an-habakabaka sy fari-dranomasin'i Madagasikara. Ny fanitarana ny toby misahana ny fifamoivoizina an-dranomasina ao Taolagnaro ary ny toby misahana ny fifamoivoizana an'habakabaka ao Arivonimamo sy ny akademian'habakabaka ao aminy dia hanampy ny fahombiazan'ireo fitaovana ireo. Ny Governemanta dia mieritreritra ihany koa ny hividny sambo mpisafo.

Raha mikasika ny diplomasia, hisy ny fametrahana ireo “vitrines virtuelles” manerana ireo masoivoho any ivelany mba ho fampahafantarana an'i Madagasikara sy hisintomana mpamatsy vola maro ary hampiroborobo ny fitomboana ara-toekarena.

Momba ny fitsarana, ny fampiharana ny “tsy fitsitsiana” amin'ny ady atao amin'ny kolikoly dia anisan'ireo teboka lehibe ao amin'ny PGE mba hiverenan'ny fahatokisan'ny mponina ny mpitondra, ny mpitandro ny filaminana ary indrindra ny rafi-pitsarana. Ankoatra ny fanamafisana ny ady amin'ny kolikoly, ny Fanjakàna dia hampahafantatra ny olom-pirenena ny amin'ny fitantanana ny volam-bahoaka, ny fangaraharana, ny fitoviana amin'ny fikirakirana ny tsenam-barom-panjakàna, ny fiarovana ny olona sy ny fananany ary ny fanomezana antoka ny amin'ny fitsarana haingana sy tsy miangatra. Fonja manana rafi-piarovana mahery vaika no ho atsangana ary ireo mpiasa ao dia homena fitaovam-piadiana ary fiara ahafahana mitatitra ireo voafonja.

Mikasika ny fitantanambola, ny Fanjakàna dia mihevitra ny hanohy ireo hetsika fanavaozana nifanekena tamin'ireo mpiara-miombon'antoka ara-teknika sy ara-bola ny amin'ny fiarovana ireo vola miditra sy ny fanarenana ireo sehatra tsy manara-dalàna mba ho fanamafisana ny ady amin'ny hosoka amin'ny hetra sy fadintseranana. Ivon-ketra miisa sivy (09) no hatsangana ka anisan'izany ny any Betioky, Antanifotsy, Mampikony, sy ivotoerana momba ny fadintseranana miisa efatra (04) hapetraka any Mananjary, Mananara, Analalava ary Maroantsetra no hanaovana izany. Any amin'ny faran'ny taona 2020 dia hisy ny fananganana sy fampitaovana “Hôtel des Finances”, toy ny any Sambava sy Morondava mba hanamoràna ny fisitrahana ny mpanjifa ny fiandraiketan-draharaham-panjakàna mikasika ny resaka volam-panjakàna.

Ny “e-gouvernance” dia ho hamafisina eo amin'ny sehatry ny asam-panjakàna amin'ny alalan'ny fampiasana ny rindrambaiko vaovao “AUGURE” na “Application Unique pour la Gestion Uniforme des Ressources humaines de l'Etat” mba hahafahana manara-maso ny isan'ny mpiasam-panjakàna mba hialana amin'ny fanefana tsy araka ny rariny ireo karama sy hitondràna fanitsiana eo amin'ny tahiry ho an'ny fisotroan-dronono, ny famaranana ny fanisana ireo fananam-panjakàna sy ny fampiasana teknôlojia vaovao “biométrique” ho an'ny taratasy momba ny fiara sy ireo fahazoan-dàlana mamily fiara amin'ny taona 2020, ary ny fametrahana ireo “Fiches Individuelles de Bovidés”.

### **SEHATRA FAMOKARANA**

Araka ny tanjona napetraka momba ny hananana toekarena manana fitomboana matanjaka, ireo Ministera ao amin'ny sehatra famokarana dia tsy maintsy manome antoka ny amin'ny andraikitra mahomby raisiny sy araka ny lahasa nomena iantsorohany. Eo amin'ny tanjona ivo ezaka, ny fahavitan-tena ara-tsakafo avy amin'ny fambitomboana ny faritra azo ambolena vary sy ny fanamboarana sy fanajariana ireo fotodrafitrasa mifandraika amin'izany dia anisan'ny tanjona lehibe apetraka ho an'io sehatra io. Vokatry ny tetikasa “Coopération Sud-Sud”, ny teknôlojiam-pamokarana masomboly sy ny teknika fambolena maro karazana izay ahazoam-bokatra betsaka dia ho ampitaina amin'ireo mpamboly. Ao anatin'ny tetikasa Programme de Développement des Filières Agricoles (PDFA) dia hisy ny fananganana magazay fitahirizan'entana sy toerana fanangonam-bokatra. Momba ny fampandrosona ny jono sy ireo loharanon-

karena ambany ranomasina dia voafaritra fa hisy ny famelomana indray ny jono an-dranomamy amin'ny alalan'ny fanasiana zana-trondro vaovao anatin'ireo farihy, ny fanofanana ho matihanina ireo mpanjono madinika an-dranomasina ary ihany koa ny fikarohana sy fampandrosoana ny fiompiana trondro an-dranomamy. Raha ny mikasika sehatra fiompiana kosa, ho atao Laharam-pahamehana ny fananganana laboara sy ny fanitarana ny rafitra famantarana ara-elektrônika ireo omby amin'ny alalan'ny fametahana « puces » amin'ireo biby fiompy any amin'ny faritra atsimo sy andrefana. Ny fampanarahana ireo fenitra iraisam-pirenena ireo sampan-draharaha mpitsabo biby dia ho tanterahana ihany koa.

Eo amin'ny sehatra indostria, ho hetsehina indray ireo orinasam-panjakàna misedra olana toy ny SECREN, SUCOMA, SIRAMA, Huilerie de Nosy Be mba ho afaka handray anjara amin'ny tetikasa fananganana indostria mpanodina sakafo avy amin'ny vokam-pambolena eto Madagasikara” mba hanomezana tolotra PPN ho an'ny tseña anatin'ny izay mbola anjakan'ireo vokatra nafarana ankehitriny. Ho apetraka ny “Label MALAGASY NY ANTSIKA” izay hanaraka ny fenitra iraisam-pirenena. Mikasika ny fanaovana ho matihanina ny asa tàmàna dia hisy ny fanaovana ny fanisana ireo mpanao asa tàmàna, ny fizarana karatra maha-matihanina sy ny fampidirana ireo mpanao asa tàmàna ireo ao anatin'ny rejisitra mitahiry ireo asa. Mpanao asa tàmàna miisa 50 000 any amin'ny distrika maro samihafa no hisitraka ny tetikasa Fihariana. Momba ny fampiroboroana ny sehatra tsy miankina dia bokim-bola kajy no hozaraina, “Start-Up” notsongaina avy amin'ireo fifaninanana isam-paritra momba ny tetikasa no ho ampiana. Ny fikotrehana orinasa, izay rafitra natao handraisana sy hanohanana ary hanampiana tosika ireo tanora sy vehivavy amin'ny fananganana orinasa dia hanamora sy hanome vahana ny fahatanterahan'ireo tetikasa fananganana orinasa mitondra zava-baovao eny anivon'ireo faritra.

Mikasika ny ala dia tanjona apetraka ny hamboly sy handrakotra hazo ny velaran-tany mirefy 40 000 ha isan-taona miaraka amin'ny fambolena hazo miisa 80 tapitrisa fototra, sy amin'ny fanentanana ireo mpianatra, miaramila sy mpiasam-panjakàna, izany hoe olona manodidina ny 6 tapitrisa. Amin'ny fandrakofana ala indray ireo faritra sarotra idirana, dia hisy ny fampiasana teknôlojia vaovao toy ny “drones”. Ny fitahirizana ireo zava-boahary tsy fahita raha tsy eto Madagasikara sy ny fanamafisana ireo faritra arovana dia ho atao anatin'ny FFBP-n'ny Ministera misahana ny tontolo iainana. Ny fampandrosoana ny rafitra fanodinana ho zavatra ilaina ny fako dia ho atomboka amin'ny taona 2020 ihany koa.

Momba ny fitantanana ireo loharanonkarena ambanin'ny tany, ny fampiroboroboana ireo fitandrahana harena an-kibon'ny tany goavana sy ny fanovàna ho matihanina ireo mpitrandraka madinika no làlana lehibe ho arahana ahafahana mampandray anjara ny sehatra fitrandrahana harena an-kibon'ny tany amin'ny fampitomboana ny HAF eto amin'ny Firenena. Io sehatra io tokoa dia anisan'ireo sehatra manandanja eto Madagasikara ka ho asongadina araka izany. Vokatr'izany, ny fametrahana “Datacenter National” ho an'ny sehatra fitrandrahana, izay ahafahana manao ny fanaraha-maso ny vokatra ao anatin'io sehatra io, dia hotohizana amin'ny taona 2020.

## **SEHATRA SOSIALY**

Eo anivon'ny sehatra sosialy, Ny tanjona lehibe apetraka ho an'io sehatra io dia ny hisian'ny rariny sy hitsiny ara-tsôsialy eo amin'ny vahoaka malagasy ary ny hanomezana antoka ny fandrosoana amin'ny maha-olona izay arahin'ny fampihenàna be ny tahan'ny fahantrana. Mifanindran-dàlana amin'ireo ihany koa ny fampihenana ny tahan'ny fahantrana. Raha ambara amin'ny fomba mahitsy kokoa, izy io dia hitodika amin'ny fametrahana ho laharam-pahamehana ny famatsiam-bola ho an'ny fotodrafitrasa sôsialy sy ireo hetsika ara-tsôsialy ho an'ny sehatry ny fanabeazana, ny fahasalamana, ny mponina sy ny fanatanjahan-tena mba hanomezana fari-piainana tsara kokoa ho an'ny vahoaka.

Noho ny fahatsapana fa ny fampandrosoana ny Firenena dia miankina betsaka amin'ny fahafahan'ny vahoaka misitraka ny fampianarana sy ny fahasalamana, dia zavatra maro no ho atao mba ahafahana manohana io sehatra io amin'ny fampiakarana ho ambony dia ambony ny fanabeazana sy fahiana ara-tsôsialy.

Fandaharan'asa maro no ho atao amin'izany toy ny "Cliniques de Santé Mobiles" ao Maevatanana sy Morondava, ny fananganana "Centres Hospitaliers de District (CHD)" miisa 14. Ankoatran'ireo, noho ny fahanterana sy fahasimbana miandalan'ireo "Centres Hospitaliers Universitaires (CHU)" sasantsasany dia ho atao ny fanamboarana azy ireo toy ny CHU Antanambao Toliary I, CHU manara-penitra any Andrainjato Fianarantsoa I, CHU Place Kabary Antsiranana I, CHU PZAGA Androva Mahajanga I, CHUJRA Antananarivo I, CHU manara-penitra Morafeno Toamasina. Miraka amin'ireo dia manana anjara toerana lehibe eo amin'ny fanakaikazana ny vahoaka ihany koa ireo Toeram-pitsaboana Fototra (CSB). Maro izy ireo no ho atangana, ho amboarina ary omena fitaovana ara-teknika. Ankoatr'izay, ny fitsaboana ny aretina tsy fahampian'ny voa dia ho tohanana avy amin'ny alalan'ny fampitaovana sy fanomezana kojakoja ny sampana fanaovana "dialyse" eny amin'ireo CHU.

Ho jeren'ny Fanjakàna manokana ny sehatry ny fampianarana. Asa maromaro tokoa no ho tanterahana, raha tsy hitanisa afa-tsy ny fananganana EPP, CEG, Lisea "manara-penitra" ary Ivotoeram-panofanana arakasa atao filamatra (CFP-R) en Agro-industrie sy Ivotoeram-panofanana arakasa momba ireo asa fototra (CFP-MB). Ankoatra izay, araka ny PGE, ny Fanjakàna dia hanome lanja ny tontolo ianaran'ireo mpianatra ka hisy ny fametrahana ny "cantines scolaires", ny fanomezana "kits scolaires", ny fanoroan-dàlana amin'ny "e-éducation" ho an'ireo mpianatra ny CM2, ny lakilasy fahatelo ary ny famaranana, ny fividianana seza fianarana misy toerana roa ho an'ireo toeram-pampianarana ankapobeny sy teknika. Ankoatr'ireo, ny fampianarana ambony dia hahazo tombony amin'ny fananganana oniversite miisa 04 any Fénéry Est, Antsirabe, Soavinandriana ary Morondava. Ny tanjona amin'izany dia ny mba ahafahan'ireo mpianatra vao nahazo diplaoma "baccalauréat" manohy ny fianarany.

Ny firaisan-kina nasehon'ny Malagasy nandritra sy taorian' ny fandraisan' anjaran'ny Barea tamin'ny CAN 2019 dia nampiseho fa manan-danja ho azy ny fanatanjahan-tena. Resy lahatra ny Fanjakàna fa ny fanatanjahan-tena dia anisan'ny zavatra iray ahafahana manome endrika tsara ny Firenena eo amin'ny sehatra iraisam-pirenena. Noho ireo, ny Fanjakàna dia hanohana ireo atleta malagasy sy hamerina indrayny hambom-pom-pirenena. Izany dia ho tanterahana amin'ny tetikasa "programme d'appui au développement du sport de haut niveau". Ao anatin'io ny fananganana fotodrafitrasa manaraka ny fenitra iraisam-pirenena

manerana ny nosy. Ny akademiam-paritra momba ny fantanjahan-tena ao Antsirabe I, izay mahazaka atleta miisa 200, dia hisitraka ny tetikasa “sport-étude”.

Ny Ministera misahana ny mponina dia maminavina ny hanamafy ireo lamina mikasika ny fandraisana an-tànana ireo olona antitra, ireo olona manana fahasembanana ary ireo ankizy marefo. Izany dia ho tanterahana amin’ny fametrahana fahiana nasionalin’ny lahasa ho an’ireo vondron’olona voalaza tetsy ambony ireo, eny fa na hatramin’ireo any amin’ny toerana mitoka-monina aza. Ankoatr’izany, ho jerena manokana ny rafitra handray an-tànana ireo olona iharan’ny herisetra, izy ireo izay hisitraka fanampiana manokana, ary indrindra, toerana fampiofanana ho an’ireo vehivavy iharan’ny herisetra any Morondava.

Ho an’ny famoronana asa kosa, ireo tanora dia hentanina hitodika amin’ny lafin’ny fandraharahana. Fampiofanana mifandray amin’izany no hokarakarina mba ho tombontsoan’izy ireo. Ny fahazoana famatsiambola ho an’ireo tetikasa dia ho hita amin’ny alalan’ny tetikasa Fihariana izay tohanan’ny Governemanta izay mbola ho hamafisina amin’ny taona 2020. Hisy ihany koa ny fitsirihana ireo tetikasa entin’ny tanora ary fikitrehana orinasa ihany koa no hitsangana mandritra io taona io. Ary farany, lahasa maro no ho atao ary hifantoka amin’ny fampiroboroana sy fanohanana ireo tanora malagasy amin’ny alalan’ny fifaninanana nasionaly ho an’ireo tetikasa itadiavana ny tetikasa fandraharahana tsara indrindra anatin’ny vina hampandroso ny fandraharahana eto Madagasikara sy ny ady amin’ny tsy fananan’asa eo amin’ireo tanora.



### **II.3- NY TROSAM-PANJAKANA**

#### *TROSA IVELANY*

Mitentina 428.1 milara Ariary ny fitambaran'ny trosa ho efaina voarakitra ato amin'ny lalàna mifehy ny fitantanambolam-panjakàna 2020 ka 294.9 miliara Ariary amin' izany no renivola ary mitotaly 133.2 miliara Ariary kosa ny zanabola. Hitombo 7.9% izany raha oharina amin'ny ao amin'ny lalàna fanitsiana ny fitantanambolam-panjakàna 2019.

#### *TROSA ANATINY*

Ny fandania amin'ny fandoavana ny zanabola amin'ny trosa anatiny ho an'ny taona 2020 dia tombanana ho 318.9 miliara Ariary. Ny tahan'ny zanabola fanefana ny taratasimbolam-panjakàna amin'ny ankapobeny dia hahatratra 9.5% eo ho eo.

### **II.4- NY KAONTY MANOKAN'NY TAHIRIM-BOLAM-PANJAKANA**

Foana manomboka ny taona 2020 ny kaontim-barotra ankoatry ny CRCM sy CPR. Hifandanja eo ami'ny 706.6 miliara Ariary ny kaonty fandoavana ny fisotroandronono ato anatin'ny tetibola 2020.

Ny fandraisan'anjaran'ny Fanjakàna amin'ny renivola dia vinavinaina eo amin'ny 291.1 miliara Ariary ka ny 170.2 miliara Ariary dia ho an'ireo vondrona iraisam-pirenena ary 120.9 miliara Ariary dia natokana ho fampiakarana ny fandraisan'anjaran'ny Fanjakàna ao amin'ny renivola-na orinasa eto an-toerana. Ireto farany dia ahitana ny fandania momba ny fanondrotanana ny renivolan'ny Banky Foiben'i Madagasikara izay mitentina 74.5 miliara Ariary.

### **II.5- NY VOLA ATERAKY NY FANOMEZANA SY NY FANAMPIANA AVY ANY IVELANY**

Ny vola ateraky ny fanomezana sy ny fanampiana avy any ivelany (FCV) araka ny fifanarahana misy dia voavinavina ho 1.5 miliara Ariary. Hahatratra 7.1 miliara Ariary kosa ny fandania ho an'ny hanapamokarana vatsian'ny FCV.

### **II.6- NY FAMADIHANA HO RENIVOLA NY TROSAM-PANJAKANA**

Ny fanetsemana ny fatiantoka anatiny ara-tetibolan'ny Fanjakàna dia ho tanterahina amin'ny fivarotana taratasim-bola eo amin'ny sehatry ny banky sy ny ivelan'ny banky amin'ny ankapobeny. Hahatratra 3 091.0 miliara Ariary ny vola handrandraina hiditra raha toa ka 2 786.0 miliara ny hivoaka amin'ireo. Noho

izany dia hitombo 305.1 miliara Ariary ny antontan-trosan'ny Fanjakàna amin'ny taratasim-bola mandritra ny taona 2020. Ankoatr'izay, ny Tahirimbolam-panjakàna dia afaka manao avansy amin'ny Banky Foiben'i Madagasikara araka ny fetra voalaza ao amin'ny fitsipiky ny Banky Foiben'i Madagasikara.

Raha ny famatsiam-bola avy any ivelany no resahana dia hitotaly 1 594.8 miliara Ariary ka ny 1 573.8 miliara Ariary amin'izany dia natokana ho famatsiana tetik'asa hanapamokarana.

Toy izany no antonanton'izao Lalàna izao.

**NY MINISITRY NY TOEKARENA SY NY FITANTANAMBOLA**

**VOLAVOLAN-DALÀNA LAHARANA FAHA 005/2019  
TAMIN'NY 30 OKTOBRA 2019  
MOMBA NY LALÀNA MIFEHY NY  
FITANTANAM-BOLAM-PANJAKANA  
HO AMIN'NY TAONA 2020**



**REOBLIKAN'I MADAGASIKARA**  
Fitiavana - Tanindrazana - Fandrosoana

**VOLAVOLAN-DALÀNA LAHARANA FAHA 005/2019  
TAMIN'NY 30 OKTOBRA 2019  
MOMBA NY LALÀNA MIFEHY NY FITANTANAM-BOLAM-PANJAKANA  
HO AMIN'NY TAONA 2020**



**I- FEPETRA MIKASIKA NY HETRA**

**ANDININY VOALOHANY**

Raha tsy mifanohitra amin'ny fepetra voalazan'ity lalàna mifehy ny fitantanam-bolam-panjakàna ity dia hatao manaraka ny didy aman-dalàna manan-kery ny fandrotsahana ho an'ny Tetibolam-panjakàna sy ho an'ny Vondrom-bahoakam-paritra, ny hetra, ny sara aman-kaba amin'ny hetra sy fadintseranana ary koa ny vokatry ny fidiram-bolam-panjakàna amin'ny taona 2020.

**ANDININY FAHA-2**

**Fehezan-dalàna ankapobe momba ny hetra**

Ny fepetry ny Fehezan-dalàna ankapobe momba ny hetra dia ampiana sy ovàna toy izao manaraka izao:

**LOHATENY I  
HETRA ALAINA AMIN'NY VOLA MIDITRA**

**ZANADOHATENY I  
HETRA AMIN'NY VOLA MIDITRA (IR)**

**TOKO II  
SEHATRA FAMPIHARANA**

**SOKAJY II  
VOLA MIDITRA TSY VOAN'NY HETRA**

**Andininy 01.01.03.-**

Ovàna toy izao ny rijatenin'ny 5° amin'ity andininy ity:

***“5° - Ny vola azon'ireo fikambanana ara-pinoana, ny fiangonana izay nitsangana araka ny fepetra voalazan'ny hitsivolana laharana faha 62-117 tamin'ny 1 oktobra 1962, azon'ireo fikambanana ekena ho mahasoana ny besinimaro araka ny didim-panjakàna sy ny antokon-draharaha mitovy aminy.***

***Na izany aza, ny fanafahana ara-ketra dia tsy mihatra amin'ireo vola miditra azon'ireo:***

- ***toeram-pivarotana entana na saikin'asa iandreketan'ireo sampan'asa sy fikambanana voalaza etsy ambony;***
- ***asan'izy ireo eo amin'ny sehatry ny fahasalamana sy ny fampianarana.”***

Ovàna ho ***“fikambanana voalaza”*** ny andian-teny ***“ireo antokon-draharaha sy fikambanana voalaza”*** amin'ny andalana faha 9 amin'ity andininy ity.

Ovàna ho ***“fikambanana voatanisa”*** ny andian-teny ***“ireo antokon-draharaha sy fikambanana voatanisa”*** amin'ny andalana faha 12 amin'ity andininy ity.

Ampiana 14° izay mirija toy izao amin'ny faran'ity andininy ity:

***“14° - ny vola miditra avy amin'ny tsenam-baro-panjakàna iharan'ny fepetry ny andininy 06.02.01 sy ny manaraka.”***

**SOKAJY IV  
OLONA VOAN'NY HETRA**

**Andininy 01.01.05.**

Ampiana paragirafy V izay mirija toy izao amin'ny faran'ity andininy ity:

***“V- Ny olon-tsotra na fikambanana miasa eo amin’ny sehatry ny fahasalamana sy/na fanabeazana, dia iharan’ny hetra amin’ny vola miditra amin’ny fitambaran’ny vola miditra aminy rehetra na ohatrinona na ohatrinona izany. Ny fampiharana ireo fepetra ireo dia faritan’ny didy amam-pitsipika.”***

#### **TOKO IV FOTOTRA AMERANA NY HETRA**

##### **Andininy 01.01.10.**

Ovàna ho ***“40 isan-jato”*** ny vondronteny ***“50 isan-jato”*** ao amin’ny tsipika faha 3 amin’ny 1° amin’ity andininy ity.

Ampidirana tsipika faha 4 izay mirija toy izao amin’ny faran’ny tsipika faha 3 amin’ny 1° amin’ity andininy ity:

***“- ny tambin-karama, ny vola omena ny mpiasa mandritra ny fivahinianany ao anatin’izany indrindra indrindra ny fatoriana, sakafo ary ireo sara amin’ny fivezivezeny amin’ny toerana hanatontosany ny asany izay mihoatra ny fetra voafaritry ny didy amam-pitsipika.”***

Ovàna toy izao ny rijatenin’ny paragirafy faha 2 amin’ny 3° amin’ity andininy ity:

***“Na izany aza, ny fatiantoka amin’ny vidin’ny tahirin’entana sy ny ampelan-tanana, ny ampahan-drenivola sy trosa mifandraika aminy ary koa ny fihenana-danja amin’ny famarotana sorabola dia tsy azo hanaovana fanesorana-ketra.”***

Ampiana paragirafy izay mirija toy izao amin’ny faran’ny 11° amin’ity andininy ity :

***“Na izany aza, ho an’ireo orinasa izay manao asa mifandraika amin’ny tsenam-baro-panjakàna sy asa hafa, ny fatiantoka mihatra mifandraika amin’ny tsenam-baro-panjakàna voafaritry ny andininy 06.02.01 sy ny manaraka dia tsy afaka hanaovana fanesorana amin’ny vola miditra manontolo.***

***Ireo fatiantoka avy amin’ny asa hafa mandrafitra ny vola miditra manontolo dia tsy azo esorina amin’ny tombom-barotra avy amin’ny vola miditra momba ny tany.”***

Ampidirina 19° izay mirija toy izao amin’ny faran’ity andininy ity:

***“ 19° ireo fandania mifandraika amin’ireo asa hafa ankoatry ny tsenam-baro-panjakàna voalazan’ny andininy 06.02.01 sy ny manaraka, ho an’ireo orinasa izay manao asa mifandraika amin’ny tsenam-baro-panjakàna sy asa hafa, raha tsy mifanohitra amin’ireo fepetry ny fanesorana voalaza isaky ny karazam-besatra voatanisa teo aloha tamin’ity andininy ity.***

***Na izany aza, dia tsy azo esorina ireo fandania manokana sy ny anjaram-pandania iraisana mifandraika amin’ny tsenam-baro-panjakàna voalazan’ny andininy 06.02.01 sy ny manaraka.”***

## TOKO VII FIKAJIANA NY HETRA

### Andininy 01.01.14

Ovàna toy izao ny rijantenin'ity andininy ity:

*“I-A- Ny tahan'ny hetra dia ferana ho 20 isan-jato.*

*Rehefa mikajy ny hetra, dia boriboriana ho eo amin'ny arivo ariary ambaniny indrindra ny tarehimarika ny tombombarotra hamerana azy.*

*Ny hetra nokajiana araka ny fepetra teo aloha io dia mihena amin'ny hetra alaina amin'ny fitomboan-karena avy amin'ny fanànana (IRCM), rehefa misy fanamarinana, raha toa ny tombom-barotra voan'ny hetra ka misy vola niditra izay efa nandoavana hetra ka tsy tokony hiteraka famerenana izany.*

*Kanefa, na eo aza ny zava-boalazan'ny andininy 01.01.02 etsy aloha, dia misy hetra farafahakeliny tsy maintsy takiana amin'ny olona rehetra tafiditra ao amin'ny sehatra ampiharana ny hetra na manao ahoana na manao ahoana vokatry raha mbola mijoro koa izy tamin'ny voalohan'ny volana janoary amerana ny hetra.*

*Heverina indrindra ho toy ny mijoro ny olona na fikambanana mbola tsy namono anarana tao amin'ny registry ny varotra, ary na dia efa voavono anarana tao aza, ka mbola tsy nametraka ny sora-pandravana sy fizaram-pananana na filazam-pijanonan'asa ao amin'ny birao na ivon-ketra ara-paritra mahefa.*

*Kanefa, ny hetra kajiana amin'io taom-piasana io dia tsy tokony ho latsak'izay farany ambany voafaritra manaraka ireto:*

- *Ariary 100 000, tataovana 5 isan'arivon'ny vola maty isan-taona afak'haba tamin'ny taom-piasana ho an'ireo fikambanana miasa ho an'ny fambolena, fitrandrahan-karena ankibon'ny tany, tao-zavatra, indostria, mikasika ny trano fandraisam-bahiny, fizahan-tany na fitaterana.*
- *Ariary 320 000, tataovana 5 isan'arivon'ny vola maty isan-taona afak'haba ho an'ireo orinasa hafa tao anatin'ny taom-piasana.*

*Na izany aza, io hetra farany ambany io dia iray isan'arivon'ny vola maty afak'haba tao anatin'ny taom-piasan'ireo mpandao hetra ho an'ny mpivarotra solika antsinjarany. Raha toa manao asa isan-karazany voan'ny hetra izy dia tsy maintsy hanaovana fitanan-kaonty sy filazana misaraka amin'ny fivarotana solika antsinjarany ary hampiharana ny hetra fandoa farafahakeliny mifanaraka amin'ny asa atao.*

*Ho an'ireo mpitatitra olona sy entana an-tanety, ny hetra fandoa farafahakeliny dia faritan'ny didy amam-pitsipika.*

*B- 1-Ho an'ireo antokon-draharaha sy fikambanana tsy mitady tombom-barotra tsy mahafeno ireo fepetra voalazan'ny 5° sy 6° ny andininy 01.01.03, dia ferana ho 10 isan-jato ny taha :*

- *ho an'ny vola miditra azo avy amin'ny fampanofana tany misy fanorenana na tsia ka tompon' izany izy;*
- *ho an'ny zanabola avy amin'ny petra-bola nataony;*

- *ho an'ireo vola miditra hafa azony kanefa tsy voalazan'ity Fehezan-dalàna ity ho afahana amin'ny hetra.*

*2-Ireo rafi-pitantanana asa momba ny famatsiambola madinika ifampitsinjovana dia afahana amin'ny hetra amin'ny vola miditra sy ny hetra fandoa fara-fahakeliny mandritra ny dimy taona voalohany niasany nanomboka tamin'ny vaninandro niforonany tanteraka, ary nahazo tombon-tsoa fampihenanketra 50 isan-jato hatramin'ny fahafolo taona.*

*Ireo rafi-pitantanana asa momba ny famatsiambola madinika tsy ifampitsinjovana dia afahana amin'ny hetra amin'ny vola miditra sy ny hetra fandoa fara-fahakeliny mandritra ny dimy taona voalohany niasany nanomboka tamin'ny vaninandro niforonany tanteraka.*

*3-Ny foibem-pitantanana nankatoavina dia afahana amin'ny hetra amin'ny vola miditra sy ny hetra fandoa fara-fahakeliny mandritra ny telo taona voalohany tamin'ny vaninandro niforonany*

*C- 1-Ny orinasa izay mampiasa vola amin'ny famokarana sy famatsiana angovo azo havaozina, sy ireo orinasa ao anatin'ny sehatr'asa fambolena, fizahan-tany, indostria, tao-trano sy ny asa vaventy, dia afaka mahazo fampihenanketra mitovy amin'ny hetra mifanaraka amin'ny 50 isan-jaton'ny fampiasambola nataony.*

*Ny fampihenanketra azony mifanaraka amin'ny taona hitsahina anefa dia tsy tokony mihoatra ny 50 isan-jaton'ny hetra tokony aloany. Ny ambiny dia azo afindra mitovy amin'izany amin'ireo hetra ho an'ny taona manaraka izay tsy mihoatra ny fotoana fanavotambidy ara-ketra.*

*Ireo fampiasambola mahafeno fepetra, raha ilaina izany, ny faharetany voafaritry ny andalana teo aloa dia feran'ny didy amampitsipika.*

*2- Ny lisitr'ireo entana sy fitaovana mahafeno fepetra ho an'ireo orinasa nahazo fankatoavana araka ny Lalàna momba ny Fampanandrosoana ny Indostria dia feran'ny didy amampitsipika.*

*Kanefa, ny fampiharana ireo fepetra ireo dia tsy manafaka ny orinasa amin'ny fandoavana ny hetra farafahakeliny voalaza etsy ambony. Ny fombafomba fampiharana ireo fepetra ireo dia feran'ny didy amampitsipika.*

*II-Ho an'ireo olona voatondron'ny andininy 01.01.05 II, dia ampiharina ny taha 10 isanjato:*

*A. amin'ny vola naloa ho an'ny olon-tsotra, sosaiety na fikambanana tsy manana fananan-draharaha mifaka eto Madagasikara na manana fananan-draharaha mifaka tsy azo ampitoviana amin'ny toeram-piasana raikitra ho saran'ny asa isan-karazany natao miharihary na nampiasaina tanteraka teto Madagasikara.*

*Ny hetra dia iandraiketany olona mpisitraka ny vola miditra. Izany dia tanana ary arotsaka any amin'ny Mpandray hetra mahefa ara-paritra ataon'ny solontena ekena teo anivon'ny Minisitery miandraikitra ny didy amampitsipika mifehy ny hetra ary manaiky ny hanaraka ireo fepetra rehetra toy izay ataon'ny mpandray hetra miasa eto Madagasikara, ao anatin'ny fe-potoana iray volana aorian'ny nanaovana ny fitazonanketra.*



**Raha tsy misy io solontena io, dia ilay olona na fikambanana izay nanaovana ny asa miharihary sy novitaina tanteraka no manao ny fitanana sy mandrotsaka ny hetra ao anatin'ny fotoana voatondro io ihany. Ny sazy noho ny fahatarana mikasika izany dia zakain'ilay olona nanao ny fitanana.**

**Na izany aza, ireo olona ireo dia iharan'ny fepetry ny andininy 06.02.01 sy ny manaraka ho an'ireo asa mikasika ny tsenam-barom-panjakàna.**

**B- ny anjara vola narotsaka ho an'ireo olontsotra tsy monina eto an-toerana.**

**Ny fitazonana ifotony dia ataon'ireo fikambanana eto an-toerana izay miantoka ny fandrotsahana izany ao amin'ny Mpitam-bolan'ny Ivon-ketra mitantana ny antontan-taratasy alohan'ny faha 15 ny volana manaraka nanaovana ny fitazonana.**

**III- A- Ho an'ireo olona tsy manana laharam-pamantarana voalazan'ny andininy 01.01.05 – III, 5 isanjato ny tahan'ny hetra ampiharina ka ny fototra sy fomba fandraisana ny hetra dia voafaritra toy izao manaraka izao:**

**Kajiana sy raisin'ny sampandraharahan'ny fadintseranana ny hetra:**

- **mialoha ny fakana ny entana nafarana, ny fototra amerana ny hetra dia ny sanda CAF (coût-assurance-frêt) na raha tsy misy dia faritana araka ny vidin'ny entana mitovy aminy eny an-tsena;**
- **mialoha ny fampiakarana ho an'ny entana aondrana, ny fototra amerana ny hetra dia mitovy amin'ny sandan'ny entana eo am-pamoahana azy, tataovana, raha toa ka misy, ny saram-pitaterana hatreo amin'ny sisin-tany ka tsy tafiditra ny sara efaina eo am-pamoahana ny entana, ny haba anatin'ny sy ny fandaniana mitovitovy amin'izany izay nanomezana fanamaivanana ho an'ny mpanondrana entana. Raha tsy misy ny sandan'ny entana eo am-pamoahana azy, io fototra hamerana ny hetra io dia faritana araka ny vidin'ny entana mitovy aminy eny an-tsena.”**

**Kanefa, ny hetra voaloha dia tsy raisina ho toy ny vola fandrotsaka mialoha amin'ny karazan-ketra.**

**Ireo fombafomba fampiharana dia faritan'ny fanapahan'ny Minisitry miandraikitra ny didy amampitsipika momba ny hetra.**

**B- Ho an'ireo mpitantana mpiombon'antoka izay manana ny petra-bola lehibe indrindra amin'ny S.a.r.l., ny hetra avy amin'ny vola miditra dia kajiana toy izao manaraka izao:**

- **ny vola miditra iharan'ny hetra dia fitambaran'ny karama sy ireo tombotsoa mivantana izay tomanana araka ny fepetry ny andininy 01.03.08 ;**
- **atao avy hatrany ny fampihenana Ar 4 200 000 na ohatrinona na ohatrinona ny vola miditra ;**
- **ny fototra azo dia boriboriana ho eo amin'ny arivo ariary ambaniny indrindra ny tarehimarika ary ny taha ampiharina dia izay voafaritra ao amin'ny I- :**

**Kanefa, ny hetra voakajy amin'ny taom-piasana iray dia tsy latsaky ny Ar 320.000.**

**“IV- Ho an'ireo olona voatondron'ny andininy 01.01.05 IV, ny fototra amerana ny hetra dia ny ambony ampanga azo avy amin'ny fivarotana fanànana na taratasy fanamarinan-jo, izany dia azo avy amin'ny**

*elanelan'ny vidy namarotana azy sy ny tombam-bidy nahazoana azy ireo. Ny taha ampiharina dia ny voalazan'ny lalàna mifehy ny daholobe ary ny mpivarotra na ny mpamotsotra fitompo-panànana, mpisitraka ny vola miditra no mizaka izany.*

*Ny hetra dia kajiana ary tazomin'ny mpandray vola momba ny hetra mahefa ara-paritra amin'ny fotoana hanatanterahana ny fepetra arahina amin'ny fanoratana ny taratasy famindrana ny fanànana na fanamarinan-jo.*

*Raha ivelan'ny Madagasikara ny toeram-ponenan'ny mpivarotra, ny mpamotsotra fitompo-panànana, ny mpividy na izy ireo dia tsy maintsy manendry ny sosaiety izay nanaovana ny raharaha amin'ny fanatanterahana ny fandoavana ny hetra. Na aiza na aiza ny toeram-ponenan'ny roa tonta, ireo raharaha rehetra mikasika ny renivola dia tsy maintsy manaraka ny fepetra arahina amin'ny fanoratana.*

*Raha toa ka tsy tanteraka io andraikitra io sy ny fandoavana ny hetra, ny hetsika fitakiana ataon'ny Sampandraharahan'ny hetra dia atao amin'ny mpividy na ilay sosaiety, ka izany dia tsy manohintohina ny fandoavana ny sazy sy lamandy voalazan'ny fepetry ny andininy 20.01.52 sy 20.01.54 amin'ity fehezan-dalàna ity.”*

*V- Ho an'ireo olona voalazan'ny andininy 01.01.05.-V ary manana fahazoan-dalana hiasa nomen'ny Minisitera mpiahy azy avy, dia ampiharina ny taha 10 isan-jato amin'ny fitambaran'ny vola miditra natao tamin'ny taom-piasana taorian'ny fanesorana ireo fandaniana nahafeno ireo fepetra takian'ny andininy 01.01.10. Kanefa, ny hetra voakajy ho an'ny taom-piasana dia tsy tokony latsaky ny Ariary 100 000 tataovana 1 isan'arivon'ny vola maty. »*

## **TOKO VIII FANDOAVANA NY HETRA AMPAHAM-BOLA NAROTSAKA MIALOHA**

### **Andininy 01.01.15**

Foanana ny paragirafy faha 3 amin'ity andininy ity.

Ovàna toy izao ny rijantenin'ny andalana voalohany ao amin'ny paragirafy faha 4 amin'ity andininy ity:

***“Ho an'ireo mpandoa hetra manana laharam-pamantarana ka manao asa fanafarana sy/na fanondranana, dia hakana ampaham-bola narotsaka mialoha amin'ny taha 2 isan-jato ampiharina amin'ny sandan'ny entana nafarana sy/na naondrana eo anivon'ny fadintseranana. Afahana amin'ny fandoavana io ampaham-bola io ireo mpandoa hetra:”***

Ovana toy izao ny rijantenin'ny paragirafy faha 5 amin'ity andininy ity:

***“Ny hetra dia kajiana sy raisin'ny sampandraharahan'ny fadintseranana mialohan'ny famoahana ireo entana nafarana sy mialoha ny fanondranana ny entana alefa any ivelany.”***

**TOKO X**  
**ANDRAIKITRY NY MPANDOA HETRA**

**Andininy 01.01.19-**

Ampidirina paragirafy faha 2 izay mirija toy izao aorian'ny paragirafy voalohany amin'ity andininy ity:

***“ Ny filazana toe-bola voalaza tetsy ambony dia hanaovana filazana ihany koa ao amin'ny tranokalam-pametrahana filazana toe-bola izay tantanan'ny Fandraharahana ara-ketra. Ny fomba fampiharana ireo fepetra ireo dia faritan'ny didy amam-pitsipika.”***

Ampiana paragirafy izay mirija toy izao amin'ny faran'ity andininy ity:

***“Na eo aza ny voalazan'ireo fepetry ny paragirafy voalohany, ireo olona voalazan'ny andininy 01.01.05.- V dia tsy maintsy mitana:***

- ***ny firaiketana isan'andro ny vola miditra sy ny fandaniana raha toa ka latsaky ny Ariary 100 000 000 ny vola matiny;***
- ***Mitazona ny fitanan-kaonty manaraka ny rafitra tsotra indrindra (SMT) mifanaraka amin'ny Drafipitanan-kaonty ankapobe 2005 napetraky ny Didim-panjakàna laharana 2004-272 tamin'ny 18 Febroary 2004 raha toa ny vola matiny ka anelanelan'ny Ariary 100 000 000 sy Ariary 200 000 000 ;***
- ***fitanan-kaonty isaky ny taom-piasana ho an'ireo vola miditra mitovy na mihoatra ny Ariary 200 000 000 ;***

***Izy ireo dia tsy maintsy manao filazana araka ny voalazan'ny andininy 01.01.17 sy ny filazana toe-bola na filazana araka ny rafitra kely indrindra (SMT) na filazana mamintina ny vola miditra sy mivoaka araka ny andraikitra takian'ny fitanan-kaonty izay tsy maintsy tanterahiny araka ny vola miditra amin'izy ireo.”***

**Andininy 01.01.21-**

Ovana toy izao ny rijantenin'ity andininy ity:

***“Ireo orinasa izay sady mandray hofan-tany sy trano, manana fidiram-bola avy amin'ny fitaterana sy asa fihariana hafa dia tsy maintsy manao filazana misaraka mahakasika ireo sokajy na vola miditra ireo.***

***Ireo olona izay manao asa mifandraika amin'ny tsenam-barom-panjakàna sy asa hafa dia tokony hametraka amin'ny tovan'ny filazana ny toe-bolany, ny lisitra miavaka sy amin'ny antsipiriany :***

- ***ny fandaniana manokana sy iraisana mikasika ny tsenam-barom-panjakàna ihany, izay voalazan'ny andininy 06.02.01 sy ny manaraka ary ireo mahakasika ny asa hafa mandritra io vanim-potoana io;***
- ***ny vokatry mifandraika amin'ny tsenam-barom-panjakàna voalazan'ny andininy 06.02.01 sy ny manaraka ary ireo mahakasika ny asa hafa mandritra io vanim-potoana io.***

*Ireo filazana voalaza etsy ambony ireo dia atao manaraka ny modely napetraky ny Fandraharahana momba ny hetra.*

*Ireo fikambanam-barotra, vondron'olona na olon-tsotra iharan'ny hetra alaina amin'ny vola miditra ka mividy entana na saikin'asa amin'ireo sokajin'olona voalazan'ny andininy 01.02.02 dia omena alalana hanao amin'ny anaran'ireo mpamatsy entana azy, taratasy mahasolo taratasim-barotra raha toa ka io taratasy voalaza io dia ahitana ny anarana, ny adiresy tena izy, ny laharampamantarana ara-ketran'ny mpamatsy, ny karazan'entana sy saikin'asa, ny vidin'ny anankiray sy ny totalim-bidy izay samy hamarinin'ny mpamatsy entana eo amin'ilay taratasy ihany ny tena fisiany marina.”*

## **LOHATENY II HETRA TAMBATRA**

### **TOKO III FOTOTRA HAMERANA NY HETRA**

#### **SOKAJY I FOTOTRA HAKANA NY HETRA**

##### **Andininy 01.02.04-**

Ovàna toy izao ny rijantenin'ny paragirafy voalohany amin'ity andininy ity:

*“Ny fototra hakana ny hetra tambatra dia ny vola maty na ny vola miditra tsy afakaratsaka na ny vola azon'ny mpandoa hetra nandritry ny taom-piasana mifarana ny 31 Desambra ny taona lasa. Tsy voakasik'izany ny vola miditra avy amin'ny tsenam-barom-panjakàna voalazan'ny andininy 06.02.01 sy ny manaraka.”*

#### **SOKAJY II FIKAJIANA NY HETRA**

##### **Andininy 01.02.05 bis.-**

Ovàna toy izao ny rijantenin'ny paragirafy voalohany amin'ity andininy ity:

*“Ampiharina ny fampihenana-ketra 2 isan-jaton'ny vidin'ny entana sy ny saikin'asa nisy taratasim-barotra mifanaraka amin'ny andininy 20.06.18, ny antsipirihan'izany dia atao manaraka ny modely napetraky ny Fandraharahana ara-ketra ary atovana amin'ny filazana hetra tambatra. Ao anatin'izany ny fandania mikasika ny mpiasa izay nanaovana fanambarana tamin'ny CNAPS sy/na antokon-draharaha mitovy aminy ary nandoavana IRSA. Na izany aza, ny hetra tokony aloa dia tsy tokony ho latsaky ny 3 isan-jaton'ny vola maty.”*

Ampidirina paragirafy faha 2 izay mirija toy izao aorian'ny paragirafy voalohany amin'ity andininy ity:

*“Ireo orinasa manao asa samihafa dia tsy iharan'io fampihenana-ketra io eo amin'ny fividianana entana sy fitaovana ary fandania ho an'ny mpiasa, misehatra eo amin'ny tsenam-barom-panjakàna izay manaraka ny fepetry ny andininy 06.02.01 sy ny manaraka amin'ity Fehezan-dalàna ity.”*

## TOKO V ANDRAIKITRY NY MPANDOA HETRA

### Andininy 01.02.07

Ovàna toy izao ny rijan-tenin'ity andininy ity:

***“Ny sosaiety ara-barotra iharan’ny hetra tambatra dia tokony manana fitanan-kaonty mifanaraka amin’ny Drafipitanan-kaonty ankapobe 2005 napetraky ny Didim-panjakàna laharana 2004-272 tamin’ny 18 Febroary 2004 na ohatrinona na ohatrinona vola matiny.***

***Ny olona ankoatra ny sosaiety ara-barotra iharan’ny hetra tambatra dia tokony:***

- ***Mitazona ny firaiketana isan’andro ny vola miditra sy ny fandaniana raha toa ka latsaky ny Ariary 100 000 000 ny vola matiny ;***
- ***Mitazona ny fitanan-kaonty manaraka ny rafitra tsotra indrindra mifanaraka amin’ny Drafipitanan-kaonty ankapobe 2005 voalaza tetsy aloha raha toa ny vola matiny ka anelanelan’ny Ariary 100 000 000 sy Ariary 200 000 000 ;***

***Ambonin’izany, dia tsy maintsy manao filazana isan-taona voafaritry ny andininy 01.02.06 ny filazana toe-bola na ny famintinana ny vola miditra sy mivoaka araka ny andraikitra takian’ny fitanan-kaonty mifandraika amin’ny vola matiny.***

***Na dia eo ary ireo fepetra voatanisa teo aloha, dia afaka misafidy ny fitanan-kaonty isaky ny taom-piasana izy ireo.***

***Ireo olona izay manao asa mifandraika amin’ny tsenam-barom-panjakàna sy asa hafa dia tokony mametraka amin’ny tovan’ny filazana toe-bolany ny filazana miavaka sy amin’ny antsipirihany:***

- ***ny fandaniana manokana sy iraisana mikasika ny tsenam-barom-panjakàna ihany izay voalazan’ny andininy 06.02.01 sy ny manaraka ary ireo mahakasika ny asa hafa mandritra io vanim-potoana io***
- ***ny vokatry mifandraika amin’ny tsenam-barom-panjakàna voalazan’ny andininy 06.02.01 sy ny manaraka ary ireo mahakasika ny asa hafa mandritra io vanim-potoana io.***

***Ireo filazana voalaza etsy ambony ireo dia atao manaraka ny modely napetraky ny Fandraharahana momba ny hetra.***

***Ny orinasa mahafeno ny fepetra voalazan’ny andininy 01.02.01 etsy ambony izay mahazo fidiram-bola avy amin’ny hofan-trano na hofan-tany, avy amin’ny asa fitanterana sy ireo avy amin’ny raharaha mahatihanina dia tsy maintsy manao taratasy sy filazana miavaka amin’ireo fidiram-bola ireo isaky ny faran’ny taom-piasana. Ireo fidiram-bola ireo dia hanaovana fameran-ketra misaraka.***

***Ny mpandoa hetra araka ity fomba fameran-ketra ity dia tsy maintsy mitahiry mandritra ny telo taona sy mampiseho ireo antontan-taratasy fitanan-kaonty sy fanamarinana ny vola miditra sy ny fandaniana amin’ny sampandraharahan’ny hetra isaky ny misy fitakiana izany,***

***Ny fombafomba fampiharana ny fepetra izay volazan’ity andininy ity dia faritan’ny didy amampitsipika”***

**LOHATENY III  
HETRA ALAINA AMIN'NY KARAMA SY NY TOA AZY (IRSA)**

**TOKO VIII  
FAMPIHENAN-KETRA ARAKY NY OLONA LOLOHA**

**Andininy 01.03.19.-**

Ovàna ho *“Ar 350 000”* ny vondron-teny *“Ar 250 000”* ao amin'ity andininy ity.

**FIZARANA II  
SARA-PANORATANA SY FAMINDRAN-TOMPO**

**TOKO II  
SANDA SY FIKAJIANA NY HETRA**

**SOKAJY IV  
FAMINDRAM-PANANANA MISY SETRINY  
SORA-PANEKENA SY FAMINDRAM-PANANANA VOAN'NY HABA**

**Fivarotana sy fanekena hafa misy setriny  
famindran- tanana fanana-manaraka sy fanaka**

**Andininy 02.02.42.-**

Ovàna toy izao ny rijantenin'ny paragirafy roa farany amin'ity andininy ity:

*“Ny fifanekena fividianana fiaramanidina sy sambo efa niasa dia andoavana haba mifanentana amin'ny taha 1 isan-jato. Na izany aza, ny vola raisina dia tsy tokony hioatra ny Ar 5 000 000 isaky ny fitaovana.”*

*Na eo aza ny endrika ara-barotra ananany dia iharan'ny sara raikitra manokana Ar 2 000 isaky ny fitaovana, ny varotra fiara vaovao ataon'ireo mpivarotra fiara matihanina sy mpivarotra fiara rehetra ary koa ireo fifanekena fividianana fiaramanidina sy sambo vaovao.”*

**TOKO III  
FAMINDRAN-TANANA TSY MISY SETRINY**

**SOKAJY IV  
TAHAN'NY HABA**

**Andininy 02.03.25.- I**

Ovàna ho *« 31 desambra 2020 »* ny vondron-teny *« 31 desambra 2017 »* ao amin'ny paragirafy farany amin'ity andininy ity.

**FIZARANA III**  
**HETRA TSY MIVANTANA**  
**LOHATENY I**  
**HETRA TSY MIVANTANA ALAINA AMIN'NY FANDANIANA (DA)**  
**TOKO III**  
**FOMBA FAMERAN-KETRA**

**Andininy 03.01.04.-**

Ovàna toy izao ny rijan-tenin'ity andininy ity :

*“Ny fototra hamerana ny hetra amin'ny vokatra iharan'ny hetra tsy mivantana alaina amin'ny fandania dia voafaritra manokana na araka ny sandany.*

*Ny fototra hamerana ny hetra ho an'ireo entana iharan'ny hetra tsy mivantana amin'ny fandania araka ny sandany dia:*

- *Amin'ireo vokatra afarana, ny sanda CAF n'ny entana tataovana habantseranana.*
- *Amin'ireo vokatra eto an-toerana, ny sandam-pamokarana tataovan'ny tombony arapanodinam-bokatra. Araka izany, ho an'ny vokatra iray, ny vidiny marina ampiharina eo amin'ny toerana namokarana azy izay tsy azo atao latsaky ny lany amin'ny famokarana tataovana ny tombom-barotra.*
- *Amin'ireo saikin'asa, ny mason-karena tataovan'ny tombom-barotra ;*

*Ho an'ny sigara, izay ny 70.0%-n'ny lanjany na mihoatra dia mampiasa ravi-paraky novokarina teto Madagasikara dia ampiharina ny fampidinana 2 isan-jato eo amin'ny vidiny eny amin'ny toeram-pamokarana*

- *Ho an'ny vato sarobidy sy sarobidy amin'ny ampahany, ny vidiny hivarotana azy ka tsy tokony ho latsaky ny sanda nofaritan'ny Sampan-draharahan'ny Harena an-kibon'ny tany tataovana ny sandan'ny fandania sy ny tombom-barotra. Ny fombafomba fampiharana ny fepetra izay volazan'ity andininy ity dia faritan'ny didy amam-pitsipika”*

*Ireo taha sy sandan'ny hetra tsy mivantana alaina amin'ny fandania dia voalazan'ny tabilao ao amin'ny tovana.”*

**TOKO IV**  
**FEPETRA MIFEHY NY FIOTAZANA NA FANAMBOARANA, FIVIDIANANA ETO AN-TOERANA SY NY FANAFARANA NY VOKATRA IHARAN'NY HETRA TSY MIVANTANA AMIN'NY FANDANIANA**

**SOKAJY I**  
**FANOMEZAN-DALANA AMIN'NY FANAMBOARANA NA FIOTAZANA, NY FIVIDIANANA ETO AN-TOERANA SY NY FANAFARANA**

**Andininy 03.01.06.-**

Ovàna toy izao ny rijantenin'ny paragirafy voalohany amin'ity andininy ity:

***“Tsy azo atao ny manangona na manamboatra na mividy paraky sy alikaola eto an-toerana na manafatra ireo vokatry ireo, raha tsy manao fanambarana mialoha eny amin’ny Ivon-ketra mahefa miadidy izany sy tsy mahazo mialoha ny fahazoan-dalana avy amin’ny Tale Jeneralin’ny hetra izay afaka mamindra ny fahefany. Na izany aza, ny fividianana paraky voahodina eto an-toerana eny amin’ny mpanamboatra na ireo mpivarotra dia tsy ilàna fahazoan-dalana.”***

Ovana toy izao ny rijantenin’ny tsipika faha 2 ao amin’ny paragirafy faha 3 amin’ity andininy ity:

***“ – ny amin’ny alikaola taha ambony hita ao amin’ny filazam-bidin’ny fadi-tseranana 2207.10.00, ireo vondrona manokana manao ny famarotana amin’ny endriny tsy misy fanovana na mampiasa izany ho an’ny fanodinana indostrialy miaraka amin’ny fatra nafarana izay voafetra hatramin’ny 20 000 litatra isan-taona.”***

#### **Andininy 03.01.08.-**

Ovana toy izao ny rijantenin’ny paragirafy faha 2 amin’ity andininy ity:

***“Isaky ny manao fanafarana alikaola na fividianana eto an-toerana, vokatry misy alikaola sy paraky tsy nasiam-panovana, ary koa isaky ny fanafarana paraky voahodina, ny fanomezan-dalana raikitra dia mametra, araka ny tranga, ny mariky ny entana sy ny fatra vidiana eto an-toerana na hafarana araka ny venty ampiharina, ary ny biraon’ny fadintseranana ampidirana ny entana.”***

## **TOKO VII ANDRAIKITRA SAMIHAFANA HO AN’NY MPANDOA HETRA**

### **SOKAJY I FOMBA FITANANA NY REJISITRA**

#### **I- Rejisitry ny fanamboarana**

#### **Andininy 03.01.97.-**

Ovana toy izao ny rijantenin’ny paragirafy voalohany amin’ity andininy ity:

***“ Ireo mpamokatra, mpanomana na mpioty vokatry iharan’ny hetra eo ambanin’ny fitsipiky ny asa dia tsy maintsy mitazona isan’andro ny rejisitry ny fanamboarana. Ireo olona rehetra manao fividianana-fivarotana na fividianana vato sarobidy dia tsy maintsy mitazona ny rejisitry ny fitanana an-tsoratra isan’andro ny fividianana sy fivarotana natao.”***

### **SOKAJY II FAMETRAHANA FANAMBARANA FANJIFANA NY VOKATRA Fandoavana ny hetra tsy mivantana alaina amin’ny fandanianana**



**Andininy 03.01.102.-**

Ovàna toy izao ny rijantenin'ny paragirafy voalohany amin'ity andininy ity:

**“ Ny mpanamboatra ny vokatra iharan'ny hetra tsy mivantana alaina amin'ny fandania ary koa ireo olona rehetra manao fividianana-fivarotana na fividianana vato sarobidy sy sarobidy amin'ny ampahany dia tsy maintsy manao filazana ny habetsahana, ny sara andoavan-ketra ary mandoa ny haba mifanaraka amin'izany eny amin'ny Mpandray volan'ny hetra ao amin'ny faritra iadidiany, farafahatarany ny faha 15 ny volana manaraka ny volana nanamboarana na ny nandefasana fanjifana ny vokatra na ny fividianana vato sarobidy sy sarobidy amin'ny ampahany natao.**

**Ny olona rehetra hivoaka any ivelany manana vato sarobidy sy sarobidy amin'ny ampahany ary mbola tsy nandoavana hetra tsy mivantana alaina amin'ny fandania dia tsy maintsy mandoa izany eny amin'ny biraon'ny fadintseranana hiondranana.”**

**TOVANA****TABILAON'NY HETRA TSY MIVANTANA ALAINA AMIN'NY FANDANIA**

Ovàna toy izao manaraka izao ireo tsipika mifanaraka amin'ny marika SH 20.09:

TARIF	NOMENCLATURE	TAUX ET TARIF	
		LOCAL	IMPORTE
20.09	Jus de fruits (y compris les moûts de raisin) ou de légumes, non fermentés, sans addition d'alcool, avec ou sans addition de sucre ou d'autres édulcorants - Jus d'orange :		
11.00	Congelés.....	Ar 100/L	Ar 100/L
12.00	Non congelés, d'une valeur Brix n'excédant pas 20.....	Ar 100/L	Ar 100/L
19.00	-Autres.....	Ar 100/L	Ar 100/L
	Jus de pamplemousse ou de pomelo		
21.00	D'une valeur Brix n'excédant pas 20.....	Ar 100/L	Ar 100/L
29.00	- Autres.....	Ar 100/L	Ar 100/L
	Jus de tout autre agrume		
31.00	D'une valeur Brix n'excédant pas 20.....	Ar 100/L	Ar 100/L
39.00	-Autres.....	Ar 100/L	Ar 100/L
	Jus d'ananas		
41.00	D'une valeur Brix n'excédant pas 20.....	Ar 100/L	Ar 100/L
49.00	Autres.....	Ar 100/L	Ar 100/L
50.00	Jus de tomate.....	Ar 100/L	Ar 100/L
	Jus de raisin (y compris les moûts de raisin)		
61.00	D'une valeur Brix n'excédant pas 30.....	Ar 100/L	Ar 100/L
69.00	- Autres.....	Ar 100/L	Ar 100/L
	Jus de pomme		
71.00	D'une valeur Brix n'excédant pas 20.....	Ar 100/L	Ar 100/L
79.00	Autres.....	Ar 100/L	Ar 100/L
80.00	Jus de tout autre fruit ou légume.....	Ar 100/L	Ar 100/L
81.00	Jus d'airelle rouge (Vaccinium macrocarpon, Vaccinium oxycoccos, Vaccinium vitis-idaea).....	Ar 100/L	Ar 100/L
89.00	Autres.....	Ar 100/L	Ar 100/L
90.00	Mélanges de jus.....	Ar 100/L	Ar 100/L

Ovàna toy izao manaraka izao ireo tsipika mifanaraka amin'ny marika SH 22.03 sy 24.02 :

TARIF	NOMENCLATURE	TAUX ET TARIF	
		LOCAL	IMPORTE
22.03 00	Bières de malt		
10	---D'un titre alcoolique de 4° ou moins .....	Ar 600/L	Ar 600/L
90	---D'un titre alcoolique de plus de 4° .....	Ar 600/L	Ar 600/L
24.02	Cigares (y compris ceux à bouts coupés), cigarillos et cigarettes, en tabac ou en succédanés de tabac	Par paquet de 20	
10 00	- Cigares (y compris ceux à bouts coupés) et cigarillos, contenant du tabac .....	Ar 1390	325%
20 00	- Cigarettes contenant du tabac .....	Ar 1390	325%
90 00	- Autres .....	Ar 1390	325%

Ampidirana tsipika toy izao alohan'ny tsipika mifanaraka amin'ny marika SH 8703 :

TARIF	NOMENCLATURE	TAUX ET TARIF	
		LOCAL	IMPORTE
71.01	Perles fines ou de culture, même travaillées ou assorties mais non enfilées, ni montées ni serties ; perles fines ou de culture, enfilées temporairement pour la facilité du transport	20%	20%
71.02	Diamants, même travaillés, mais non montés ni sertis	20%	20%
71.03	Pierres gemmes (précieuses ou fines) autres que les diamants, même travaillées ou assorties mais non enfilées, ni montées, ni serties ; pierres gemmes (précieuses ou fines) autres que les diamants, non assorties, enfilées temporairement pour la facilité du transport	20%	20%

Ovàna toy izao ny andalana farany amin'ity tovana ity :

	Communication nationale et internationale par téléphonie et réseaux mobiles incluant Internet, trafic voix, trafic sms ou mms et transfert de données .....	10%	10%
--	---	-----	-----

**FIZARANA VI**  
**HABA AMIN'NY TATAOM-BIDY (TVA)**  
**LOHATENY VOALOHANY**  
**HABA AMIN'NY TATAOM-BIDY (TVA)**  
**TOKO II**  
**SEHATRA FAMPIHARANA**  
**SOKAJY III**  
**VOKATRA SY RAHARAHY TSY VOAN'NY HABA**

**Andininy 06.01.06**

Ampidirana andalana faha 2 mirija toy izao aorian'ny andalana voalohan'ny 8° amin'ity andininy ity:

*“Ny fanafarana sy ny fivarotana ireo vokatry ho an'ny fanabeazana aizana sy ireo fimailo;”*

Ovàna toy izao ny rijantenin'ny 14° amin'ity andininy ity:

***“14° Ny fanafarana sy fivarotana ireo biby mpampitombo taranaka, ny fitaovana sy fampitaovana ho an’ny fambolena, ny fitaovana sy fampitaovana ho an’ny indostria fanodinana sakafo, ny fitaovana sy fampitaovana ho an’ny fanatanjahan-tena ho an’ny daholobe, ny fitaovana sy fampitaovana ho an’ny famokarana angovo azo havaozina, izay voalazan’ny tovana.***

***Ny lisitr’ireo fitaovana sy fampitaovana ho an’ny fanodinana sakafo sy ny faharetan’ny fanafahana ara-kaba, dia faritan’ny didy amam-pitsipika.”***

Foanana ny vondron-teny ***“fanafarana sy ny fivarotana fimailo;”*** amin’ny 17° amin’ity andininy ity:

Ovàna toy izao ny rijantenin’ny 21° amin’ity andininy ity:

***“21° Ny fanafarana sy ny fivarotana vary sy akotry; ny fanafarana sy fivarotana ronono sy fanampin-tsakafon-jazakely sy ny ankizy;”***

Ampiana 28° izay mirija toy izao ao aorian’ny 27° amin’ity andininy ity:

***“28° ireo fanatanterahana ny famatsian’entana, saikin’asa sy foto-drafitr’asa, izay tanterahin’ny tompon’antoky ny tsenam-baro-panjakàna ho an’ny Fanjakàna. Ny fahazoana sy fividianana entana sy saikin’asa ilaina amin’ny fanatanterahana izany tsena izany ataon’ny tompony dia mijanona iharan’ny TVA, raha toa ireo raharaha ireo ka tsy voalaza mazava tsara fa tsy mandoa haba.”***

## **TOKO IX FOMBA FANESORANA**

### **Andininy 06.01.17**

Ovàna toy izao ny rijantenin’ny 1° ao amin’ny A- amin’ity andininy ity:

***“1° Ny haba amin’ny tataom-bidy izay misoratra mazava ao amin’ny taratasim-barotra nividiana ireo vokatra tsy noafahana amin’ny haba na saikin’asa ilaina amin’ny fampandehanana ny orinasa. Ny taratasim-barotra dia tokony hifanaraka amin’ny fepetry ny andininy 20.06.18 amin’ity Fehezandalàna ity.”***

### **Andininy 06.01.22**

Ovàna toy izao manaraka izao ny rijantenin’ny paragirafy voalohany amin’ity andininy ity:

***“ Raha misy fanadinoana amin’ny fanesorana ny haba, ireo mpandoa hetra dia omena alalana hanitsy izany amin’ny alalan’ny famindrana amin’izay fandrotsaham-bola tsy voafaritra mety ho ataony ao anatin’ny telo volana manaraka ny vanim-potoana nisian’izany fanadinoana izany, ny haba misoratra amin’ny taratasim-barotra nividiana na saikin’asa na amin’ireo tapakila nandovam-bola tamin’ny fanafarana tamin’io fotoana io ary ny fanesorana izay efa vita ampahany na manontolo, ireo izay adino tany amboalohany.”***

**TOKO XI  
ANDRAIKITRY NY MPANDOA HABA**

**Andininy 06.01.26**

Ovàna toy izao ny rijan-teny ao amin'ny paragirafy faha 5 amin'ity andininy ity:

*“Ho fampiharana ireo fepetra voalaza etsy ambony, ny mpandoa haba amin'ny tataom-bidy dia tsy maintsy manisy lisitra tovan'ireo mpamatsiny sy ireo mpanjifany, ireo vola navoakany voafaritry ny andininy 06.01.11, izay mifanaraka amin'ny vanim-potoana hanaovana ny filazana sy hametrahana araka ny modely amin'ny endriny elektronika napetraky ny Fandraharahana momba ny hetra izay hita ao amin'ny NIFONLINE. Ny tsy fanatanterahana izany dia mitarika ny tsy fandraisana ireo filazany sy miteraka sazy araka ny voalazan'ny andininy 20.01.52 amin'ity Fehezan-dalàna ity.”*

*Ireo tovana ireo dia alefa any amin'ny Fandraharahana momba ny hetra amin'ny alalan'ny Hetraonline ao anatin'ny fepotoana feran'ny didy आम-pitsipika.”*

**Andininy 06.01.27.-**

Ovàna toy izao manaraka izao ny rijantenin'ny paragirafy faha 2 amin'ity andininy ity:

*“Ny mpandoa hetra iharan'ny TVA izay mamatsy entana na manao saikin'asa na mitaky vola fandrotsaka mialoha, izay mahatonga ny haba ho azo takiana, dia tsy maintsy manome fakitiora na antontan-taratasy izay mahasolo izany mifanaraka amin'ireo fepetry ny andininy 20.06.18 amin'ity Fehezan-dalàna ity, ahitana miavaka tsara ny vidin'ny entana na saikin'asa tsy misy haba sy ny haba mifanaraka aminy. Na izany aza, tsy tokony ahitana TVA ny fakitiora amin'ny tsenam-baro-panjakàna voalazan'ny andininy 06.02.01 sy ny manaraka. »*

**TOKO XIV  
FEPETRA SAMIHAFANA**

**Andininy 06.01.33**

Foronina toy izao indray ny andininy 06.01.33:

*“06.01.33.- Ireo tsenam-baro-panjakàna nataon'ny olona niharan'ny TVA alohan'ny daty nampiharana ny fepetra vaovao momba izany, dia mijanona ampiharana hatrany ny fepetra mikasika ny hetra tamin'ny fahazoana riakitra ny tsena. Arak'izany dia ampiharina ireo fepetry ny andininy 06.01.11 sy ny manaraka mikasika ny tsy maintsy hanangonana, ny fanalana ary ny fandrotsahana ny haba vokatr'izany.*

*Na izany aza, ho an'ireo tsena voatsinjara na tsena hanaovana kaomandy natao tamin'ny olona niharan'ny haba talohan'ny daty ampiharana ny lalàna vaovao momba izany, ny fepetra ara-ketra manankery amin'ny fotoana nanaovana ny firaketana isaky ny tsinjara na ny kaomandy no mamaritra ny lalàna ampiharina. Ny soso-panovana ny fifanarahana tany amboalohany dia tsy maintsy atao.”*

**Fampiharana hetra amin'ny Fandaharan'asa  
Fampiasam-bolam-panjakàna (PIP)**

Foanana ny lohateny **“Fampiharana hetra amin'ny Fandaharan'asa Fampiasam-bolam-panjakàna (PIP)”**

**Andininy 06.01.35**

Ovàna toy izao ny rijantenin'ity andininy ity:

***“Ny vokatry izay miendrika fanomezana na fanampiana azo avy any ivelany na nahazoana famatsiam-bola avy any ivelany (vola nindramina, fanampiana, fanampiana noho ny hamehana, sns.) izay miditra eto amin'ny firenena dia tratry ny TVA ho fampiharana ny fepetry ny andininy 124 amin'ny Fehezan-dalàna momba ny fadintseranana raha toa tsy voalaza mazava tsara fa tsy mandoa haba araka ny andininy 06.01.06 15° amin'ity Fehezan-dalàna ity.***

***Ny vokatry izay miendrika fanomezana na fanampiana azo sy ireo saikin'asa azo na natao teto antoerana ao anatin'ny fandaharan'asa nahazoana famatsiam-bola avy any ivelany dia tratry ny TVA izay mety ho aloan'ny antokon-draharaha misitraka na ny Fanjakàna hita ao amin'ny marika ara-tetibola TTL.”***

**TOVANA  
TABILAON'NY VOKATRA TSY IHARAN'NY TVA**

**Article 06.01.06: 8°**

Ampiana ireto andalana farany ireto :

30.06	Préparations et articles pharmaceutiques visés par la Note 4 du Chapitre
30.06 60 00	- Préparations chimiques contraceptives à base d'hormones d'autres produits du n°29.37 ou de spermicides
40.14.10.00	- Préservatifs
90.21 80 00	- Dispositif contraceptif intra-utérin (DIU)

**Article 06.01.06:13°**

Ampiana ity andalana ity aorian'ny andalana « 27.11.12.00 Gaz propane » :

**27.11.13.00 Gaz butane**

**Article 06.01.06:17°**

Foanana ity andalana manaraka ity :

40.14.10.00	- Préservatifs
-------------	----------------

**Article 06.01.06:21°**

Foanana ireto andalana manaraka ireto :

10.01	Froment (blé) et méteil - Froment (blé) dur :
10.01.19.00	-- Autres
10.05	Maïs
10.05.90.00	- Autres

**LOHATENY II  
HABA AMIN'NY TATAOM-BIDY AMIN'NY TSENAM-BARO-PANJAKANA**

Ovàna ho **“HABA AMIN'NY TSENAM-BARO-PANJAKANA”** ny lohateny **“HABA AMIN'NY TATAOM-BIDY AMIN'NY TSENAM-BARO-PANJAKANA”**

**TOKO I  
FEPETRA MANOKANA**

Ovàna ho **“FOTO-KEVITRA”** ny lohateny **“FEPETRA MANOKANA”**.

**Andininy 06.02.01**

Ovàna toy izao ny rijantenin'ity andininy ity:

***“Foronina ny haba amin'ny tsenam-baro-panjakàna izay arotsaka ao amin'ny tetibolam-panjakàna.***

***Ity haba ity dia mahasolo sy manafaka amin'ny fandoavana ny hetra amin'ny vola miditra, ny hetra tambatra sy ny haba amin'ny tataom-bidy. Ireo fepetra mikasika ny ampaham-bola arotsaka mialoha, ny hetra fandoa farafahakeliny, ny fanesorana mifandraika amin'ireo hetra ireo dia tsy azo hampiharina amin'ny famaritana ny haba amin'ny tsenam-baro-panjakàna.”***

**TOKO II  
SEHATRA FAMPIHARANA  
SOKAJY I  
RAHARAHANA VOAN'NY HABA**

**Andininy 06.02.02**

Ovàna toy izao ny rijantenin'ity andininy ity:

***“Iharan'ny haba amin'ny tsenam-baro-panjakàna, ny tsenam-baro-panjakàna rehetra sy ny toa azy araka ny voafaritry ny Fehezan-dalàna mifehy ny tsenam-baro-panjakàna.”***

**SOKAJY II  
OLONA VOAN'NY HABA**

**Andininy 06.02.03**

Ovàna toy izao ny rijantenin'ity andininy ity:

***“Ny olona rehetra na antokon-draharaha tompony na nahazo ny tsenam-baro-panjakàna, monina eto Madagasikara na tsia na ohatrinona na ohatrinona vola matiny dia iharan’ny haba.”***

### **TOKO III HANA IFOTORANA SY FITAKIANA NY HETRA**

#### **Andininy 06.02.04**

Ovàna toy izao ny rijantenin’ity andininy ity:

***“Ny hana ifotoran’ny haba amin’ny tsenam-baro-panjakàna dia ny fahazoana raikitra ny tsena izay mifanaraka amin’ny fepefety ny Fehezan-dalàna mifehy ny tsenam-baro-panjakàna. Ny haba dia takiana amin’ny fandoavana ny vidiny, avansy na vola arotsaka mialoha.”***

### **TOKO IV FOTOTRA AMERANA NY HABA**

#### **Andininy 06.02.05**

Ovàna toy izao ny rijantenin’ity andininy ity:

***“ Ny fototra hamerana ny haba dia alaina avy amin’ny sora-bolan’ny tsena.”***

### **TOKO VI FOMBA FAMERANA NY HABA**

#### **Andininy 06.02.07**

-Ovàna toy izao ny rijantenin’ity andininy ity:

***“Ho an’ireo tsena naloan’ny mpitana kaotim-panjakàna na ny mpiasa miandraikitra ny fandoavana ny tsenam-baro-panjakàna, ny haba dia kajiana sy tanan’izy ireo ifotony, ary mandrotsaka izany indray any amin’ny mpitam-bolan’ny Ivon-ketra mahefa, farafahatarany ny faha 15 ny volana manaraka ny nanaovana ny fitazonana.***

***Ho an’ireo tsena naloan’ny mpamatsy vola mivantana tany amin’ny tompony, ny haba dia hanaovana filazàna sy haloan’ily tompony any amin’ny mpitam-bolan’ny Ivon-ketra mahefa, farafahatarany ny faha 15 ny volana manaraka ny nandraisana ny vola. Ho an’ireo tompon’ny tsena tsy monina eto Madagasikara, dia tsy maintsy manondro solon-tenany monina eto Madagasikara izay nahazo fankatoavana tamin’ny Minisitera miandraikitra ny didy amam-pitsipika mifehy ny hetra mba hanatanteraka ireo andraikiny”***

### **TOKO VII ANDRAIKITRY NY MPANDOA HETRA**

#### **Andininy 06.02.08**

Ovàna toy izao ny rijantenin’ity andininy ity:

*“Ny tompon’ny tsena, nahazo laharam-pamantarana, dia tsy maintsy manao filazana eny anivon’ny ivon-ketra mpitantana ny antotan-taratasy, ny haba notanan’ny mpitana kaontim-panjakàna na ny mpiasa misahana ny fandoavam-bola voalazan’ny andininy teo aloha, farafahatarany ny faha 15 n’ny volana manaraka ny fitazonana ampiarahana amin’ny taratasy manamarina izany.”*

**Andininy 06.02.09**

Ovàna toy izao ny rijantenin’ity andininy ity:

*“Ny orinasa tsy mandray afa-tsy ny vola miditra avy amin’ny tsenam-baro-panjakàna irery ihany dia tokony mametraka alohan’ny 01 may amin’ny taona manaraka eny amin’ny biraon’ny hetra ara-paritra mahefa ny filazana ny toe-bola na ny famintinana ny tena zava-bita marina nandritra ny taona lasa.”*

*Ireo orinasa mandray vola avy amin’ny tsenam-baro-panjakàna sy ivelan’izany dia tsy maintsy manatanteraka ireo andraikitra voafarit’ireo andininy 01.01.21 na 01.02.07 amin’ity fehezan-dalàna ity.”*

**BOKY II  
HETRAM-BONDROM-BAHOAKA  
LOHATENY VI  
HETRA AVY AMIN’NY FAHAZOAN-DALANA  
ZANA-DOHATENY I  
HETRA AVY AMIN’NY FAHAZOAN-DALANA MIKASIKA NY ALIKAOLA  
SY NY VOKATRA MISY ALIKAOLA  
TOKO I  
FEPETRA ANKAPOBE**

**Andininy 10.06.06.**

Ampiana 11° izay mirija toy izao amin’ny faran’ity andininy ity:

*“11° Ny fanafarana sy ny fivarotana ambongadiny sy antsinjarany éthanol fandrehitra.”*

**BOKY III  
FEPETRA IRAISAN’NY HETRA, SARA SY HABA VOARAKITRA AO AMIN’NY BOKY I SY II  
AMIN’ITY FEHEZAN-DALÀNA ITY  
LOHATENY I  
FAMORIANA HETRA  
TOKO I  
FAMORIANA ATAON’NY SAMPAN-DRAHARAHAN’NY TAHIRIM-BOLAM-PANJAKANA  
SOKAJY VII  
FANOHERANA NY FANENJEHANA**



**Andininy 20.01.32.**

Ovàna ho "***Tale jeneralin'ny hetra dia afaka manome manontolo na amin'ny ampahany ny fahefana mandray fanapahan-kevitra***" ny vondron-teny "***Minisitra miandraikitra ny didy आम-pitsipika momba ny hetra***" ao amin'ny paragirafy voalohany amin'ity andininy ity.

Ovàna ho "***Tale jeneralin'ny hetra***" ny vondron-teny "***Minisitra miandraikitra ny didy आम-pitsipika momba ny hetra***" ao amin'ny paragirafy farany amin'ity andininy ity.

**TOKO II  
FAMORIAN-KETRA ATAON'NY SAMPAN-DRAHARAHAN'NY HETRA  
SOKAJY I  
FOTO-KEVITRA**

**Andininy 20.01.40**

Ovàna toy izao ny rijan-teny ao amin'ny paragirafy faha 7 amin'ity andininy ity:

***" Ny hetra, sara sy haba dia azo aloa amin'ny alalan'ny lelavola manan-kery eto Madagasikara, azo ato taratasim-bola ihany koa na amin'ny alalan'ny banky na paositra, na ara-elektronika, anatin'izany ny fandoavana amin'ny alalan'ny finday sy ara-tambazotra ao amin'ny sehatra "e-Hetra", na amin'ny fandrotsahana na fandoavana amin'ny iray amin'ireo kaonty manokana misokatra amin'ny anaran'ny mpitana kaontim-panjakàna na manaraka ireo fomba filazana sy fandoavam-bola eken'ny Minisitara miandraikitra ny didy आम-pitsipika mifehy ny hetra. Ny fombafomba fampiharana ny fandoavana ara-tambazotra e- Hetra na amin'ny alalan'ny finday dia faritan'ny didy आम-pitsipika."***

**TOKO III  
SAZY SY LAMANDY  
SOKAJY II  
TSY FAMETRAHANA FILAZANA**

**Andininy 20.01.52.**

Ovàna toy izao ny rijantenin'ity andininy ity:

***Ny tsy fametrahana ny filazana rehetra momba ny vola miditra, sara na haba, ny vola miditra na raharaha iharan'ny haba na izay rehetra vola fandoa ara-potoana, ny tovana amin'ireo filazana, ny tsy fanoratana sora-panekena manaraka ny fepetra takiana, ny iray amin'ireo antontan-taratasy izay tsy maintsy hapetraka voalazan'ity Fehezan-dalàna ity dia iharan'ny sazy:***

- ***Ar 200 000 ho an'ireo mpandoa hetra iharan'ny fameran-ketra tena izy;***
- ***Ar 100 000 ho an'ireo mpandoa hetra manana vola maty eo anelanelan'ny Ar 50 000 000 sy Ar 200 000 000;***
- ***Ar 20 000 ho an'ireo mpandoa hetra manana vola maty latsaky ny Ar 50 000 000."***

**SOKAJY IV**  
**LAMANDY AMIN'NY FANAMBARANA TSY AMPY, TSY FAHAMARINANA, FANADINOANA**  
**NA FAMPIHENANA**

**Andininy 20.01.54.**

Foanana ny paragirafy faha 2 amin'ity andininy ity.

Ovàna toy izao ny rijantenin'ny paragirafy faha 3 amin'ity andininy ity:

***“Ankoatra ny voalaza ao amin'ny fepetra manokana amin'ity Fehezan-dalàna ity, ny lamandy dia 150 isan-jaton'ny fototra eo am-pelatanan'ny Fanjakàna raha toa misy fanoherana ny fisavana ara-ketra.”***

**Andininy 20.01.54.1**

Ampiana paragirafy 3 izay mirija toy izao amin'ny faran'ity andininy ity:

***“Ireo olon-tsootra na fikambanana, miankina amin'ny Fanjakàna na tsy miankina, iharan'ny Hetra amin'ny vola miditra (IR) na tsia ka nanadino nitazona sy nandrotsaka ny Hetra Tambatra mitsitapitapy araka ny voalazan'ny andininy 01.02.02 -II an'ity Fehezan-dalàna ity dia iharan'ny lamandy 10 isan-jaton'ny sara tokony naloa ka tsy latsaky ny Ar 20 000 ankoatra ny fandrotsahana io hetra io.***

***Ireo olon-tsootra na fikambanana, miankina amin'ny Fanjakàna na tsy miankina, iharan'ny Hetra amin'ny vola miditra (IR) na tsia izay nanao fitazonana ny Hetra Tambatra mitsitapitapy ka nanadino ny nandrotsaka manontolo na ampahan'ireo fitazonana ireo dia dia iharan'ny lamandy 40 isan-jaton'ny sara tokony naloa ka tsy latsaky ny Ar 100 000 ankoatra ny fandrotsahana io hetra io.***

***Ny mpiasa rehetra miandraikitra ny fandoavana ny tsenam-baro-panjakàna ka nanadino nitazona na nandrotsaka ny haba amin'ny tsenam-baro-panjakàna araka ny voalazan'ny andininy 06.02.07 dia iharan'ny sazy araka ny fepetra mifehy ny andraikitra ny mpitana kaonty ara-drafi-panjakàna ka mandrotsaka ny vola naodiny na tsy ampy.”***

**Andininy 20.01.54.2**

Foanana ny tsipika farany amin'ny C- amin'ity andininy ity.

**SOKAJY V**  
**LAMANDY AMIN'NY FAMERAN-KETRA SY FANITSIANA TSY MISY FIERANA**

**Andininy 20.01.55-**

Foronina ny paragirafy izay mirija toy izao amin'ny faran'ity andininy ity:

***“Tsy voakasik' ity fepetra ity ny fameran-ketra sy ny fanitsiana tsy misy fierana izay nahitana hosoka voafaritry ny andininy 20.02.45.”***

## SOKAJY VI FANDIKAN-DALÀNA Hafa

### Andininy 20.01.56-

Ampiana paragirafy izay mirija toy izao amin'ny faran'ity andininy ity:

*“Ankoatra ny sazy voalaza ao amin'ny 20.01.54.2, ny tsy fahamarinana rehetra hita tao amin'ny tovan'ny TVA voalazan'ny andininy 06.01.26, paragirafy 5, taorian'ny fikirakirana ireo antontanisa nataon'ny fandraharahana ara-ketra dia iharan'ny lamandy 0.5 isan-jaton'ny sandan'ireo raharaha adino tao anatin'izany na 0.5 isan-jaton'ny sandan'ireo raharaha tena marina miaraka amin'ny hetra raha toa ka nisy ny fahadisoana tamin'ny sandan'izy ireo na 0.5 isan-jaton'ny fifanakalozana miaraka amin'ny hetra raha toa ka nisy ny fahadisoana tamin'ny filazana momba io fifanakalozana io. Ireo fomba fampiharana ireo fepetra ireo dia faritan'ny didy amam-pitsipika.”*

### Andininy 20.01.56.5-

Ovàna toy izao ny rijantenin'ity andininy ity:

*“Ireo hosoka voafaritra sy hita araky ny andininy 20.02.45 sy ny manaraka dia iharan'ny lamandy 80 isan-jaton'ny hetra tokony aloa. Ho an'ireo hosoka izay tsy ho voakajy ny fanampin'ny hetra sy haba, ampiharina avy hatrany ny lamandy ankapobatana Ariary 5 000 000 ka hatramin'ny Ariary 50 000 000. Io famerana lamandy io dia atao araka ny fanamarihan'ny Vaomieran'ny misahana hosoka ara-ketra izay voafaritry ny andininy 20.02.45.*

*Izany dia faritan'ny fepetry ny andininy 20.02.46.*

*Ireo mpiara-miombon'antoka sy ireo mpiray tsikombakomba amin'ny hosoka izay voafaritra ao amin'ny andininy 20.02.45 sy ny manaraka dia mpiombon'antoka tanteraka ara-ketra sy eo anatrehan'ny lalàna, voarakitra ao anaty fitanana an-tsoratra izany.*

*Ny Fanjakàna dia afaka mitaky ny fandoavana ireo hetra takiana amin'ny iray amin'izy ireo izay tsy afaka manohitra ny fizarana.*

*Ankoatra ny voalaza ao amin'ny fepetra manokana amin'ity Fehezan-dalàna ity, ny tompon'antoka, ny mpiara-miombon'antoka sy ireo mpiray tsikombakomba amin'ny hosoka dia iharan'ny sazy enim-bolana ka hatramin'ny telo taona an-tranomaizina, ankoatra ny sazy ara-ketra.*

*Raha misy famerenan-keloka, dia iharan'ny sazy dimy taona an-tranomaizina izy ireo.”*

### Andininy 20.01.56.6-

Foànana ny fepetry ny paragirafy voalohany, faha 2 sy faha 3 amin'ity andininy ity.

Ovàna ho « 20.02.52 » ny « 20.01.43 » amin'ny faran'ny paragirafy amin'ity andininy ity.

#### **Andininy 20.01.56-11**

Ampiana paragirafy izay mirija toy izao amin'ny faran'ity andininy ity:

***“Ny tsy famaliana na tsy fahatongavana amin'ny fiantsoana voalazan'ny andininy 20.02.46 dia iharan'ny lamandy Ariary 5 000 000 voamarin'ireo fepetry ny andalana farany amin'ity andininy ity.”***

#### **Andininy 20.01.56-14**

Foanana ny fepetr'ity andininy ity.

#### **Andininy 20.01.56.16-**

Ovàna toy izao ny rijantenin'ity andininy ity:

***“Ireo olon-tsotra na fikambanana izay tsy nanao filazana ny vola voalazan'ny andininy 20.06.12 , 20.06.13, 20.06.14 tao anatin'ny fe-potoana na nanao filazana tsy mifanaraka amin'ny fepetr'ireo andiny ireo dia iharan'ny lamandy Ar 100 000 araka ny fepetry ny andininy 20.02.45 sy ny manaraka an'ity Fehezan-dalàna ity.***

***Ireo mpanao taozava-baventy, mpivarotra sy mpanao asa tanana tsy nanao filazana ny varotra nataony voalaza ao amin'ny andininy 20.06.15 tao anatin'ny fe-potoana ara-dalàna dia iharan'ny lamandy Ar 100 000 hita tao amin'ny fitanana an-tsoratra.***

***Ankoatra ny fampiharana ireo sazy voalaza teo aloha, ireo olona voalaza etsy ambony dia manan-jo hanarina ny fahadisoana nataony alohan'ny hidiran'ny Fandraharahana ara-ketra an-tsehatra, ho an'ny mpanao filazana na ireo olon-kafa tokony hanao izany.***

***Na izany aza, ny tsy fametrahana filazana taorian'ny fampahafantarana tsy nahazoam-bokatra na tsy fahamarinana tamin'ny fanambarana tao aoriana ny fikirakirana ireo tondromarika nataon'ny Fandraharahana ara-ketra, araka ny tranga misy, dia iharan'ny:***

- ***lamandy 0.5 isan-jaton'ny totalin'ny vola tsy nanaovana filazana na ny sandan'ny vokatra novidiana tsy ho varotana ;***
- ***lamandy 0.5 isan-jaton'ny vola maty isan-taona notanterahina tamin'ny na ireo mpividy voakasik'izany.***

***Ireo fandikan-dalàna ireo dia anaovana fitanana an-tsoratra.***

***Ny tsy fahatanterahan'ireo andraikitra voatondron'ny andininy 20.06.16 dia iharan'ny lamandy 1 isan-jaton'ny vola maty.”***

#### **Andininy 20.01.56.17-**

Ovàna toy izao ny rijantenin'ny paragirafy faha 1 amin'ity andininy ity:

***“ Ireo olona nanadino nanao filazana voalazan'ny andininy 20.06.17 etsy ambany araka ny Fehezan-dalàna mifehy ny hetra ao anatin'ny ny fe-potoana ara-dalàna dia iharan'ny lamandy Ar 100 000.”***

*Ankoatra ny fampiharana ireo sazy voalaza teo aloha, ireo olona voalaza etsy ambony dia manan-jo hanarina ny fahadisoana nataony alohan'ny hidiran'ny Fandraharahana ara-ketra an-tsehatra, ho an'ny mpanao filazana na ireo olon-kafa tokony hanao izany.*

*Na izany aza, ny tsy fametrahana filazana taorian'ny fampahafantarana tsy nahazoam-bokatra na tsy fahamarinana tamin'ny fanambarana tao aorian'ny fikirakirana ireo tondromarika nataon'ny Fandraharahana ara-ketra dia iharan'ny lamandy izay mety hitovy amin'ny sandan'ny fividianana entana tamin'ny mpivarotra nanao izany nandritra ny taona voakasik'izany. Ireo fandikan-dalàna ireo dia anaovana fitanana an-tsoratra.”*

## **TOKO IV FEPETRA MANOKANA MIKASIKA NY PARAKY SY NY ALIKAOLA**

### **SOKAJY I**

#### **FANDIKAN-DALÀNA ARA-KETRA AMIN'NY FAMBOLENA SY FANAMBOARANA, FIVIDIANANA ETO AN-TOERANA SY FANAFARANA PARAKY TSY VOAHODINA SY VOAMBOATRA**

##### **Andininy 20.01.57-**

Ovàna toy izao ny rijantenin'ny 6° amin'ity andininy ity:

*“ 6° Ny fanafarana paraky tsy voahodina sy voavoatra ary koa ny fividianana eto an-toerana ny paraky tsy voahodina tsy nahazoana fahazoan-dalana mialoha tamin'ny Tale Jeneralin'ny Hetra dia iharan'ny fanagiazana ireo vokatra novidiana tsy ara-dalàna sy ny lavanty ampahibemaso ho an'ny Fandraharahana ara-ketra.*

*Ireo mpamokatra nahazo fankatoavana ihany no afaka mividy ireo vokatra nogiazana.”*

## **LOHATENY II FIFANOLANANA ARA-KETRA FEPETRA ANKAPOBENY**

### **TOKO I**

#### **SEHATRY NY SAMPAM-PITSARANA MIKASIKA NY FIFANOLANANA SY NY SAMPAM- PITSARANA MIKASIKA NY FAMINDRAM-PO**

##### **Andininy 20.02.02-**

Foronina ny paragirafy roa izay mirija toy izao ao amin'ny faran'ity andininy ity:

*“Voakasik'ity andininy ity ny fitarainana mikasika ny fifanolanana amin'ny fototra hamerana hetra sy fandavana ny sora-pamerana.*

*Ireo fitarainana momba ny fototra hamerana hetra, sara sy haba dia ampidirina avy hatrany ho an'ny Fanjakàna araka ny fepetry ny Sokajy II amin'ny Toko I amin'ity Lohateny ity. Na izany aza, ny mpandoa hetra dia afaka mametraka ny fitarainany ho fampafantarana ny Vaomiera ara-ketra araka ny fomba arahina voalazan'ny andininy 20.09.01 sy ny manaraka amin'ity Fehezan-dalàna ity.”*

**TOKO II**  
**NY SAMPAM-PITSARANA MIKASIKA NY FAMINDRAM-PO**

Ovàna ny toko **“TOKO II - NY SAMPAM-PITSARANA MIKASIKA NY FAMINDRAM-PO”** ho sokajy mitondra ny lohateny **“SOKAJY I - NY SAMPAM-PITSARANA MIKASIKA NY FAMINDRAM-PO”**

**Andininy 20.02.06-**

Ovàna toy izao ny tsipika faha 4 ao amin'ny paragirafy voalohany amin'ity andininy ity.

**“- voasonian'ny tompony izay tsy maintsy mametraka ny momba azy ary koa ny andraikiny.”**

**TOKO III**  
**SAMPAM-PITSARANA MIKASIKA NY FIFANOLANANA**  
**FITARAINANA**

Ovàna ny lohateny **“TOKO III - SAMPAM-PITSARANA MIKASIKA NY FIFANOLANANA”** ho **“SOKAJY II - SAMPAM-PITSARANA MIKASIKA NY FIFANOLANANA”**

Ovàna ny lohateny **“FITARAINANA”** ho **“I – FITARAINANA MIALOHA EO ANATREHAN'NY FANJAKANA”**

**Andininy 20.02.13-**

Ovàna toy izao ny rijatenin'ny paragirafy voalohany sy faharoa amin'ity andininy ity:

**“Ho an'ireo hetram-bondrom-bahoaka voalaza ao amin'ny Boky II amin'ity Fehezan-dalàna ity, ny fangatahana fanalana na fampihenana dia apetraka ao amin'ny Sampandraharaha miandraikitra ny famerana ny hetra eo amin'ny Kaominina misy ny toeram-piasana.**

**Ho an'ireo hetram-panjakàna voalaza ao amin'ny Boky I amin'ity Fehezan-dalàna ity, ny fitarainana atao mialoha mikasika ny fototra hamerana ny hetra sy/na momba ny fandavana ny soram-pamerana dia apetraka ao amin'ny biraon'ny hetra miandraikitra ny antontan-taratasin'ny mpandoa hetra.”**

Foanana ny paragirafy farany amin'ity andininy ity.

**Andininy 20.02.14-**

Ovàna toy izao ny rijatenin'ny paragirafy voalohany amin'ity andininy ity:

**“Ny fe-potoana hitarainana atao mialoha eny amin'ny Fanjakàna, na amin'ny fototra hamerana na amin'ny sora-pamerana dia iray (1) volana manomboka ny nandraisana ny fampahafantarana farany mifandraika tamin'ny soram-pamerana sy ny fampahafantarana izany.”**

Ovàna toy izao ny rijatenin'ny paragirafy farany amin'ity andininy ity:

***“Raha toa ka miaiky ny tsy fahamarinana nataony voasoratra ao amin’ny fampahafantarana farany tao anatin’ny taratasy fitarainana ny mpandoa hetra dia tsy maintsy mandoa ny vola izay nekena alohan’ny fametrahana fitarainana mikasika ny fifanolanana tamin’ny famerana ny hetra, na teo anatrehan’ny Fandraharahana ara-ketra na ny Vaomiera ara-ketra na alohan’ny fangatahana ampiantona ny fandoavana.”***

**Andininy 20.02.15-**

Ampiana tsipika iray aorian’ny tsipika faha 4 amin’ity andininy ity:

***“- tolorana ny sanda sy/na faritana ny fototry ny fihenan-ketra izay nanaovan’ny mpangataka fitarainana raha toa nisy fifanolanana tamin’ny famerana ny hetra;”***

Foanana ny tsipika faha 7 amin’ity andininy ity:

**Andininy 20.02.16-**

Ovàna toy izao ny rijatenin’ity andininy ity:

***“Araka ny tolo-kevitra ny famotsorana ankitsirano avy amin’ny mpiasa miandraikitra ny famerana sy famoriana ny hetra, ireo tompon’andraikitra ambony mahefa voalazan’ny andininy 20.02.18 dia afaka manao ny famotsoran-ketra ankitsirano mba ho fanarenana ny fahadisoana nataon’ny Sampan-draharahan’ny hetra.”***

**TOKO IV  
FOMBA ARAHINA EO ANATREHAN’NY TRIBONALY**

Ovàna ny ***“TOKO IV - FOMBA ARAHINA EO ANATREHAN’NY TRIBONALY”*** ho ***“ II - FOMBA ARAHINA EO ANATREHAN’NY FILANKEVIM-PANJAKANA”***

**SOKAJY I  
ANTOKOM-PITSARANA MAHEFA**

Ovàna ny ***“ SOKAJY I - ANTOKOM-PITSARANA MAHEFA “*** ho ***“ 1 – Fampidirana ny fitoriana”***

**Andininy 20.02.21-**

Ovàna ho ***“roa volana”*** ny andian-teny ***“iray volana”*** amin’ity andininy ity.

**SOKAJY II  
I-NY AMIN’NY FOMBA ARAHINA**

Ovàna ny lohateny ***“SOKAJY II I-NY AMIN’NY FOMBA ARAHINA”*** ho ***“ 2 – Endriky ny fitoriana sy ny fomba arahina”***.

**Andininy 20.02.23-**

Ovàna toy izao ny rijatenin'ity andininy ity:

***“Ny fangatahana dia tsy maintsy ampiarahana raha misy izany amin'ny fanapahan'ireo tompon'andraikitra ambony mahefa voalazan'ny andininy 20.02.18, sy ny anton'ny fandavan'ny mpangataka. Izany dia alefa ao amin'ny mpiraki-draharahan'ny Filakevim-panjakàna ao amin'ny Fitsarana tampony izay manamarina ny nandraisany ny taratasy. Ireo fepetra hafa mikasika ny endriny voalazan'ny andininy 20.02.13 sy 20.02.15 dia takiana ho an'ny fangatahana entina eo anoloan'ny Fitsarana tampony. Ny fampihenana ny hetra nangatahana dia tsy tokony hioatra izay voalaza tao anatin'ny fitarainana tany amboalohany.”***

**Andininy 20.02.32-**

Foronina ny 3 – mitondra ny lohateny toy izao, mialoha ity andininy ity:

***“ 3- Fomba arahina amin'ny fitsirihana ombam-panamarinana didian'ny mpitsara”***

**III- FAMPIATOANA FANDOAVAM-BOLA**

Ovàna ny lohateny ***“ III - FAMPIATOANA FANDOAVAM-BOLA”*** ho ***“SOKAJY III – FANGATAHANA FAMPIATOANA FANDOAVAM-BOLA”***.

**Andininy 20.02.44-**

Ovàna toy izao ny rijatenin'ny paragirafy faha 2 amin'ity andininy ity:

***“Na izany aza, ny mpandoa hetra izay manao fitarainana misy fifanolanana dia mahazo fampiatoana ny fandoavam-bola amin'ny ampahan'ny hetra nisian'ny fifanolanana:***

- ***raha nanaovana fangatahana ara-dalàna tamin'ny fitarainana natao mialoha nalefa ao amin'ny Sampan-draharaha mpitantana ny antontan-taratasy na ao amin'ny Sampan-draharahan'ny famerana ny hetra ;***
- ***raha nanaovana fangatahana mazava tsara miavaka amin'ny taratasy fampahafataran'ny Vaomiera ara-ketra, alefa ao amin'ny Sampan-draharaha miandraikitra ny fifanolanana;***
- ***Na inona na inona karazam-pitarainana natao :***
  - o ***faritana ny vola na ny fototry ny fampihenana-ketra noheverina ho azo;***
  - o ***aseho mialoha miaraka ny taratasy fitarainana sy ny taratasy nandoavana izay miantoka ny fandoavana ara-dalàna ny hetra, izay tsy miteraka zanany ary ny totaliny dia ny antsasaky ny fameran-ketra hifanolanana, na ny antontan-taratasy manamarina ny fiantohan'ny antokon-draharaha mpampindram-bola iray na maromaro izay miantoka tsy misy fepetra ny fandoavana ny antsasaky ny hetra hifanolanana ho an'ny Tahirim-bolam-panjakàna.”***



**TOKO V  
FAMAIZANA FANDIKAN-DALÀNA**

Ovàna ny lohateny “ **TOKO V - FAMAIZANA FANDIKAN-DALÀNA**” ho “**SOKAJY II – FOMBA ARAHINA AMIN’NY FAMAIZANA AMIN’NY HOSOKA ARA-KETRA**”.

**SOKAJY VOALOHANY  
FAMARITANA IREO FANDIKAN-DALÀNA**

Ovàna ny lohateny “**FAMARITANA IREO FANDIKAN-DALÀNA**” amin’ity sokajy ity ho “ **FEPETRA ANKAPOBENY**”.

**Andininy 20.02.45**

Ampiana ireto paragirafy manaraka ireto amin’ny faran’ity andininy ity:

***“Ny lazaina fa fanaovana hosoka, izay tsy voafetran’ity lisitra manaraka ity dia :***

- ***ny fanaovana dingana izay minia manafonana na mampihena ny zavatra andoavan-ketra na hahazoana famerenam-bola tsy ara-dalàna avy amin’ny Fanjakàna,***
- ***na ny fanakonana fandikan-dalàna ara-ketra amin’ny raharaha heverina ho ara-dalàna mba hampanjavozavo sy hanasarotra ny fanarahamaso ataon’ny Fanjakàna,***
- ***Ny fanaovana tetika tsy andoavana sy ny fametrahana sakana amin’ny fanatanterahana sy/na famoriana ny trosa ara-ketra.***

***Azo enjehina ho toy ny mpanao hosoka ireo tompon’antoka tamin’ny fandikan-dalàna sy ireo mpiaramiombon’antoka taminy ary koa ireo mpiaray tsikombakomba na ireo nandray ny zavatra nanaovana hosoka.***

***Ny fomba famaizana amin’ireo hosoka voalazan’ity toko ity dia tsy azo tanterahina raha tsy aorian’ny alalana nomena mialoha avy amin’ny Voamieran’ny hosoka ara-ketra izay faritan’ny fanapahan’ny Tale Jeneralin’ny Hetra ny fanatanterahana sy ny fampandehanana azy.***

**SOKAJY II  
FIKAROHANA SY FAHITANA FANDIKAN-DALÀNA**

Ovàna ny lohateny “ **FIKAROHANA SY FAHITANA FANDIKAN-DALÀNA**” amin’ity sokajy ity ho “**FIKAROHANA SY FAHITANA FANDIKAN-DALÀNA ARAKA NY FITANANA AN-TSORATRA**”

Foronina ny zana-dohateny izay mirija toy izao:

***“ Fomba arahina amin’ny famotorana sy fitanana an-tsoratra”***

#### **Andininy 20.02.46**

Ovàna toy izao ny rijan-tenin'ny paragirafy voalohany sy faharoa amin'ity andininy ity:

***“Ireo fandikan-dalàna miendrika fanaovana hosoka, ireo fandikàna ireo fepetra mifehy ny hetra na sara mikasika ny paraky sy alikaola ka ny mpiasan'ny sampan-draharahan'ny hetra no misahana ny famorian-ketra dia karohina araka ireo fombafomba faritan'ity lohateny ity, toy ny fanaovana famotorana. Hanaovana fitanana an-tsoratra izany.***

***Na izany aza, ny fitanana an-tsoratra dia afaka hamaritana ireo tranga hafa voafaritr'ity Fehezan-dalàna ity, hanaovana ny fanagiazana na hanamarinana ireo voalaza.***

***Ny famotorana voafaritr'ity andininy ity dia tsy manala ireo fombafomba voalazan'ny andininy 20.06.21 sy ny manaraka.***

***Mba hahafahana mahita ny paipaikan'ireo hosoka, ireo mpiasan'ny hetra eo amin'ny laharan'ny mpisafo hetra farafahakeliny no afaka mandray ny filazalazana sy fanamarinana avy amin' ireo olona heverina ho afaka manome izany ary ireo mpandoa hetra voakasik'izany.***

***Ireo fihainoana ireo dia hanaovana fitanana an-tsora-pihainoana.***

***Ny fiantsoana dia ahitana ny datin'ny fanadihadiana, ny antony, ny toerana nosafidian'ny mpiasan'ny hetra, ny zon'ny mpandoa hetra hisafidy ny olona hanampy azy hiatrika ny fanadihadiana ary ny laharan-tariby an'ny sampan-draharaha mandefa ny fiantsoana mba ahafahany mifandray aminy, raha toa ka ilaina izany. Ny fiantsoana dia avantana avy hatrany any amin'ilay olona amin'ny alalan'ny taratasy tsootra, farafahakeliny dimy andro mialohan'ny daty voatondro. Raha toa ka tsy tonga amin'ny daty voatondro ity farany dia halefa avy hatrany amin'ny fomba rehetra ny fiantsoana faharoa izay avantana any amin'ny mpandoa hetra miziriziry. Ny tsy fahatongavana na ny fandavana aorian'ny fiantsoana faharoa dia atao anaty fitanana an-tsoratra araka ny voalazan'ny andininy 20.02.53 izay ampahafantarina ny mpandoa hetra miaraka amin'ny sazy voafaritry ny andininy 20.01.56-11.”***

Esorina ny vondron-teny **“sy afokasoka”** ao amin'ny paragirafy farany amin'ity andininy ity.

#### **Andininy 20.02.52.-**

Ovàna toy izao ny rijan-tenin'ity andininy ity:

***“ Ny fitanana an-tsoratra na inona na inona antony dia tokony ahitana ireto farafahakeliny:***

***1° Toerana sy ny daty mahakasika ny antony.***

***2° Mahakasika ny antony, na ny famaritana ireo tranga hita; na ny votoatiny ny fitanana an-tsoratra; na ireo fanontaniana napetraka sy ireo valiny azo, na ireo anton'ny fanagiazana; na ireo karazana fandikan-dalàna hita.***

***Araka ny antony, indrindra ny fahitana ny zavamisy, ny votoatiny ny fitanana an-tsoratra, ny fihainoana izay natao, ny antony marina.***

**3° Ny fanambaran'ny mpandika lalàna, raha misy ny fanagiazana na ireo olona voatanisa tao amin'ny fitanana an-tsoratra.**

**4° Ny anarana, fanampin'anarana, ny andraikiny ary ny fonenany, ary koa ny famaritana sy ny fiankohonan'ny mpandika lalàna na ireo olona voatanisa tao amin'ny fitanana an-tsoratra.**

**5° Ny anarana, fanampin'anarana, ny andraikiny ary ny toerana nosafidian'ny mpiasa nanaovana ny fitanana an-tsoratra.**

**6° Ny anarana sy ny fonenan'ny Tale Jeneralin'ny Hetra miandraikitra ny fanenjehana sy ny fisafidianana ny toerana.**

**7° Raha misy izany, famaritana ireo zavatra nogiazana : karazany, lanja na refy sy ireo tombam-bidy na fitanisana ireo fandikan-dalàna ary ny totalin'ny hetra, sara sy haba, tamberim-bidy nanaovana hosoka na nifanarahana ary koa ny fandikana ireo rijan-teny sy ny fepetra manasazy ny fadikandala natao.**

**8° Ny fampitandremana izay natao tamin'ny mpandika lalàna na ny mpisolo-tena azy na ny olona nomeny fahefana hanatrika ny fandrafetana ny fitanana an-tsoratra any amin'ny toerana izay voatondro.**

**9° Ny fanazavan'ny mpandika lalàna, ny mpisolo-tena azy na ny olona nomeny fahefana amin'ireo fandikan-dalàna hita na ny filazana fa izy ireo dia tsy manana fanambarana atao.**

**10° Raha misy izany, ny fanomezana ny fanalana tsatoka amin'ny fitaovam-pitanterana nogiazana mba iantoana ny sazy ary koa ny fanomezana ny fanalana tsatoka ireo fitaovana nogiazana.**

**11° Ny anarana, ny andraikiny ary ny fonenan'ny mpiambina raha toa ka misy fanagiazana tena izy;**

**12° Ny fiantsoana ny mpandika lalàna na ny mpisolo-tena azy na ny olona nomeny fahefana na ireo olona voatanisa tao amin'ny fitanana an-tsoratra hanao sonia ny fitanana an-tsoratra. Ny taratasy dia ahitana ny fanekenany na ny fandavany hanao sonia.**

**13° Ny daty sy ora namaranana ny fitanana an-tsoratra.”**

#### **Andininy 20.02.97.-**

Ovàna toy izao ny rijan-tenin'ity andininy ity:

**“Heverina ho toy ny mpiombon'antoka amin'ny fadikandala, ireo olona ninia nanamora ny hosoka na nanome ireo fahafahana hanatanterahina izany.**

**Heverina ho mpiray tsikombakomba, ny olona nandray andraikitra ankolaka tamin'ny fanamorana ny hosoka na dia tsy tompon'andraikitra sy tsy mpiombon'antoka aza.**

**Heverina manokana ho mpiombon'antoka:**

- **Ny manamahay momba ny kaonty, ny mpitana kaonty nahazo fankatoavana, ny mpanolo-tsaina amin'ny hetra ary amin'ny ankapobeny, ireo olona rehetra manana andraikitra ankoatra ny mpiasa dia maka ny toeran'ny mpandoa hetra na manampy azy amin'ny**

*fanatanterahana ireo filazana ara-ketra, amin'ny fandrafetana ireo antotan-taratasim-bola na ireo andraikitra isan-karazany faritan'ity Fehezan-dalàna ity, sy/na efa nandray anjara mivantana na ankolaka tamin'ny fandrafetana ireo filazana ara-potoana na antselika ho amin'ny famerana ny hetra, sara sy haba;*

- *Ny olona izay mikarakara ny tsy fandoavan-ketra ataon'ny mpandoa hetra na amin'ny fametrahana sakana, amin'ny fomba hafa, amin'ny fandoavan-ketran'ity farany, ny fanampiana amin'ny fialàna na fanandramana amin'ny fialàna miendrika hosoka ny fandoavan-ketra ;*
- *Ny olona rehetra izay mitana andraikitra na manatanteraka, ankolaka na mivantana, ny fitantanan-draharahan'ny orinasa, fikambanana na vondrona izay tompon'andraikitra amin'ny fanatanterahana ny hosoka, tsy firaharahiana miverimberina ireo andraikitra ara-ketra ka tsy afahana mamory ireo hetra sy ny saziny. Torak'izany ihany koa ireo mpikambana na mpiombon'antoka ao anaty fikambanana na vondrona.*
- *Ny olona rehetra mifanaraka amin'ny fampindramana anarana mirona amin'ny fanatanterahana ny hosoka izay tsy ilàna fahatratrarana ny fifanarahana miafina eo amin'ny mpandoa hetra manana laharam-pamantarana sy ny mpanome fahefana. Araka izany, ny fahamarinan'io fifandraisana io dia tokony harafitry ny Fanjakàna.”*

## **SOKAJY VIII FANALEFAHANA IREO TOE-JAVATRA**

Ampidirana lohateny “**TOKO III - FAMAIZANA FANDIKAN-DALÀNA**” mialoha ity sokajy ity.

Ovàna ny lohateny “**SOKAJY VIII- FANALEFAHANA IREO TOE-JAVATRA**” ho “**SOKAJY I- FANALEFAHANA IREO TOE-JAVATRA**”.

## **SOKAJY IX FANENJEHANA**

Ovàna ny lohateny “**SOKAJY IX- FANENJEHANA**” ho “**SOKAJY II- FANENJEHANA**”.

## **SOKAJY X FOMBAFOMBA MANOLOANA NY FITSARANA**

Ovàna ny lohateny “**SOKAJY X- FOMBAFOMBA MANOLOANA NY FITSARANA**” ho “**SOKAJY III- FOMBAFOMBA MANOLOANA NY FITSARANA**”.

## **SOKAJY XI FANATANTERAHANA IREO DIDIM-PITSARANA AMIN'NY AMBARATONGA REHETRA**

Alohan'ity sokajy ity, ampidirana lohateny “**TOKO IV – FEPETRA IRAISANA MIFANARAKA AMIN'NY LOHATENY II AMIN'NY BOKY III**”.

Ovàna ny lohateny **“SOKAJY XI- FANATANTERAHANA IREO DIDIM-PITSARANA AMIN’NY AMBARATONGA REHETRA”** ho **“SOKAJY I- FANATANTERAHANA IREO DIDIM-PITSARANA AMIN’NY AMBARATONGA REHETRA”**.

**SOKAJY XII**  
**FITSINJARANA IREO VOKATRY NY LAMANDY SY FANAGIAZANA**

Ovàna ny lohateny **“SOKAJY XII- FITSINJARANA IREO VOKATRY NY LAMANDY SY FANAGIAZANA”** ho **“SOKAJY II- FITSINJARANA IREO VOKATRY NY LAMANDY SY FANAGIAZANA”**

**SOKAJY XIII**  
**FEPETRA SAMIHAFANA**

Ovàna ny lohateny **“SOKAJY XIII- FEPETRA SAMIHAFANA”** ho **“SOKAJY III- FEPETRA SAMIHAFANA”**

**SOKAJY XIV**  
**FAMAIZANA ARA-PANJAKANA**

Ovàna ny lohateny **“SOKAJY XIV- FAMAIZANA ARA-PANJAKANA”** ho **“SOKAJY IV- FEPETRA FIAROVANA”**

**Andininy 20.02.130**

Foronina toy izao indray ity andininy ity:

**“Andininy 20.02.130.- Ny fandraharahana ara-ketra dia afaka miroso amin’ny fanenjehana ny hosoka ara-ketra amin’ny fotoana rehetra, amin’ny fanagiazana na amin’ny fanohanana ny fananan’ireo olona ahiana ho nanao hosoka. Ny mpiasa miandraikitra ny fanenjehana dia afaka manao ny fanagiazam-pananana na dia tsy nisy fanomezan-dàlana mialoha nomen’ny mpitsara aza. Izany fanagiazana izany dia azo esorina amin’ny alalan’ny fanapahan-kevitra ny fandraharahana ara-ketra na amin’ny alalan’ny didim-pitsarana ady maika. Na izany aza, tsy mahasakana ny fanarahamaso ataon’ny Fandraharahana ara-ketra ny fanalana tsatoka. Rehefa nampahafantarina ny fanampin’ny hetra, sara sy haba mifandraika amin’ireo fandikan-dalàna ary ny taratasy fameran-ketra mifanaraka amin’izany, ny fanagiazam-pananana dia azo avadika ho onitra araka ny lalàna mifehy ny ankapobem-bahoaka.”**

**TOKO VI**  
**FOMBA ARAHINA AMIN’NY FANAKATONANA NY ORINASA**

Ovàna ny lohateny **“TOKO VI- FOMBA ARAHINA AMIN’NY FANAKATONANA NYORINASA”** ho **“TOKO V- FOMBA ARAHINA AMIN’NY FANAKATONANA NY ORINASA”**

**SOKAJY I  
FANATANTERAHANA NY DIDY FANAKATONANA**

Foanana ny lohateny “**SOKAJY I- FANATANTERAHANA NY DIDY FANAKATONANA**”.

**LOHATENY III  
FOMBA FAMERANA NY HETRA  
FEPETRA IRAISANA**

**I-FAMERAN-KETRA SY FANITSIANA TSY MISY FIERANA**

**A- TSY FISIANA NA FAHATARAN’NY FANAOVANA FILAZANA, TSY FANAJANA IREO  
ANDRAIKITRA VOAFARITRA**

Ovàna ny lohateny “**A- TSY FISIANA NA FAHATARAN’NY FANAOVANA FILAZANA, TSY FANAJANA IREO ANDRAIKITRA VOAFARITRA**” ho “**A- TSY FISIANA NA FAHATARAN’NY FANAOVANA FILAZANA, TSY FANAJANA IREO ANDRAIKITRA VOAFARITRA, FANAOVANA HOSOKA**”

**Andininy 20.03.02.-**

Ovàna toy izao ny rijan-tenin’ny tsipika voalohan’ny paragirafy voalohany amin’ity andininy ity:

***“- tsy nametraka ara-potoana ny filazana ara-ketra na ireo antontan-taratasy ahafahana mikajy ny hetra izay tsy maintsy atao;”***

**Andininy 20.03.03.-**

Ovàna toy izao ny rijan-tenin’ity andininy ity:

***“ Voan’ny haba na iharan’ny fanitsiana tsy misy fierana :***

***1- Ny vola miditra sy ny toa azy, amin’ny haba amin’ny vola maty, ny olona na orinasa izay :***

- tsy mitazona fitanan-kaonty ara-dalàna raha toa ka tokony hitana izany izy na ny antontan-taratasy voafaritr’ity Fehezan-dalàna ity, na rehefa ahitana tsy fanarahan-dalàna lehibe sy miverimberina ny fitanan-kaonty ka tsy ahitana ny fahamarinana na mampanan-kery azy, na ny tsy fanaovana ny fanoratana, na fanoratana zavatra tsy marina na noforonina ao amin’ny taratasy fitanan-kaonty;***
- ny fividianana na fivarotana tsy misy fakitiora, ny fampiasana na ny fanomezana fakitiora na ireo antontan-taratasy izay tsy mifanaraka tamin’ireo raharaha tena izy;***
- ny tsy fanajana ireo andraikitra voafaritra voalazan’ny Sokajy VIII amin’ny Lohateny VI n’ny Boky III amin’ity Fehezan-dalàna ity.***

***2- Amin’ireo hetra, sara sy haba ; ireo tompon’antoka, ireo mpiara-miombon’antoka sy ireo mpiray tsikombakomba amin’ny fanaovana hosoka voalazan’ny andininy 20.02.45 sy ny manaraka ary izany, amin’ny fotoana hanaovana fanamarihana, amin’ny fotoana rehetra tsy lany paik’andro, na ireo filazana tokony atao izay mbola tsy lany fetrandro.***

***Ny fitanana an-tsoratra manamarina ny fisian'ny fadikan-dalàna voalaza teo aloha dia tokony arafitra mialoha ny fanaovana ny fikajian-ketra na ny fanitsiana tsy misy fierana.”***

## **B- FAHATARANA NA TSY FAMALIANA NY FANGATAHAM-PANAZAVANA NA FANAMARINANA**

### **Andininy 20.03.04.-**

Ovàna toy izao ny rijan-tenin'ny paragirafy faha 2 amin'ity andininy ity:

***“Ity fepetra ity dia mihatra amin'ny hetra, sara sy haba rehetra voalazan'ity Fehezan-dalàna ity”***

## **LOHATENY V LAHARAM-PAMATARANA NY MPANDOA NY HETRA**

### **TOKO I FEPETRA ARAHINA SY FILAZANA**

### **Andininy 20.05.03.-**

Ovàna toy izao ny rijan-tenin'ny paragirafy voalohany sy faha 2 amin'ity andininy ity:

***“Ny orinasa rehetra na inona na inona endriny araka ny lalàna na ny sehatra iasany, dia tsy maintsy manao filazàna manokana ny laharam-pamatarany manaraka ny modely nataon'ny Fanjakàna amin'ny fotoana hanatanterahana ny fananganana azy sy alohan'ny fanombohan'ny asany.***

***Amin'ny fotoana amoronana ny orinasa, ny adiresy mazavan'ny mpandoa hetra dia tsy maintsy alefa any amin'ny fandraharahana ara-ketra miaraka amin'ny fanamarinana mifandraika amin'izany.***

***Ny orinasa rehetra vao niforona, afatsy ny manao tsenam-baro-panjakàna ihany, dia iharan'ny Hetra tambatra ka ny ampahan-ketra fandrotsaka mialoha amin'izany dia faritan'ny fepetry ny andininy 01.02.05.”***

## **TOKO II MANDRITRY NY TAOM-PIASANA**

### **FOTOAM-PIASANA**

### **Andininy 20.05.06.-**

Ampidirana paragirafy faha 2 mirija toy izao aorian'ny paragirafy voalohany amin'ity andininy ity:

***“ Ny fanavaozana izany dia miankina amin'ny fanatanterahana ireo anadraikitra an-ketra rehetra takiana amin'ny daty hanomezana izany.”***

### **Andininy 20.05.07.-**

Ovàna toy izao ny rijan-tenin'ity andininy ity:

***“Ny karatra ara-ketra manamarina ny maha ara-dalàna azy ireo eo amin'ny andraikiny sy ny fandoavany ireo hetra sy haba dia omen'ny Ivon-ketra mpitantana ny antontan-taratasin'ireo mpandoa hetra.***

***Io karatra ara-ketra io dia tsy maintsy apetraka talaky maso ao amin'ny trano fiasana na ny toerana hanaovana ny asa aman-draharaha haran'ny hetra.”***

**Andininy 20.05.08.-**

Ampidirana ireto paragirafy ireto izay mirija toy izao aorian'ny paragirafy faha 2 amin'ity andininy ity :

***“Ny adiresy farany nampahafantarin'ny mpandoa hetra ny sampan-draharaha dia azo anarahana azy. Ny mpandoa hetra izay niova adiresy dia tsy maintsy maka ny fepetra ilaina mba hanarahany ny taratasy. Ny taratasy avy amin'ny Fanjakàna dia alefa amin'io adiresy farany io.***

***Raha toa niverina ny taratasy nalefa tany amin'ny adiresy farany nomen'ny mpandoa hetra noho ny tsy fahafantarana na tsy fahitana azy dia manan-kery sy ara-dalàna ny fampahafantarana nalefa, satria heverina fa nalefa araky ny tokony ho izy. Amin'izay fotoana izay, ny Fanjakàna dia mitondra ny porofo amin'ny fahatongavana teo amin'ny adiresy voalaza, amin'ny fanamarinan'ny Fokontany ny daty nandalovana teo amin'ny adiresy voamarika eo amin'ny taratasy izay niverina. NY Fokontany dia mametraka ny fanamarinany raha toa ka tsy fantatra eo an-toerana ny adiresy voalaza na koa mampahalala ny adiresy vaovao handefasana ny taratasy.”***

Ovàna toy izao ny rijan-tenin'ny paragirafy farany amin'ity andininy ity:

***“Na izany aza, ny fiovana fameran-ketra rehetra na ny fiovana vanim-potoana fandrotsahana vola ho an'ny Tahirim-bolam-panjakàna dia tokony hanaovan'ny mpandoa hetra filazana na fangatahana fahazoan-dàlana. Ny sampan-draharaha mahefa no mametraka eo amin'ny taratasy fangatahana atao amin'ny sora-tanana ny fanamarihana “Hita sy ekena” na koa mampahafantatra ny mpandoa hetra ny fanapahan-keviny taorian'ny famakafakana izany. Ny filazana rehetra ataon'ny mpandoa hetra dia tsy maintsy soniavin'ny sampan-draharaha mahefa.”***

**TOKO III  
FITSAHARANA TANTERAKA AMIN' NY ASA**

**Andininy 20.05.10.-**

Ovàna toy izao ny rijan-tenin'ity andininy ity:

***“Ny mpandoa hetra voatery manidy ny orinasany na mampitsahatra tanteraka ny asany dia tsy maintsy manefa ireo andraikiny ara-ketra mandra-pamonoana azy tanteraka ao amin'ny boky fisoratana anarana ara-barotra sy ny orinasa raha misy izany. Ho an'ireo izay tsy voasoratra ao amin'ny laharan'ny boky fisoratana anarana ara-barotra sy ny orinasa, ny daty nanafoanana azy tao amin'ny raki-pilazana ny laharam-pamantarana ara-ketra dia mampitsahatra avy hatrany ireo andraikiny ara-ketra.***

***Ny taratasy fanamarinana ny famonoana ny anarany ao amin'ny raki-pilazana ny laharam-pamantarana ara-ketra an-tambazotra dia omena ny mpandoa hetra rehefa voaloany avokoa ireo haba sy sara hita tamin'ireo filazana napetraka, na tamin'ny fitsirihana ara-ketra na taorian'ny fanapahana***



*na didim-pitsarana, ary koa ny aorian'ny famerenany ny karatra ara-ketra teny amin'ny Ivon-ketra mpitantana ny antontan-taratasiny.*

*Amin'ny fanatanterahana ny fepetra amin'ny fikarohana sy ny fanatrarana ireo fanaovana hosoka, ny fananana io taratasy fanamarinana famonoana anarana io dia tsy manakana ny Fanjakàna amin'ny fanatanterahana ny zo hiverenana ao anatin'ny fetra fahalanian'ny paik'andro voalaza amin'ny lohateny IV ny Boky III amin'ity fehezan-dalàna ity.”*

**LOHATENY VI  
FAHEFANA MITAKY – FAHEFANA MANOME DIKA MITOVY – FAHEFANA HANAO  
FITSIRIHANA SY FANAMARINANA - TSIAMBARATELON'NY ASA**

**SOKAJY III  
ANDRAIKITRY NY ISAM-BATAN'OLONA NA FIKAMBANANA MANDRO TSA-BOLA  
IHARAN'NY HETRA**

**Andininy 20.06.12.-**

Ovàna toy izao ny rijan-tenin'ity andininy ity:

*“Ny vondron'olona, miankina amin'ny fankajana na tsia, na inona na inona fitsipika ara-ketrany ary koa ireo olon-tsotra manana vola maty mihoatra ny Ar 100 000 000, tokony hanefa sy mandrotsaka ireo tambim-panelanelanana, fividianana, tamberim-bidy, tabim-pisahanan-draharaha, karama azo avy amin'ny fanamboarana trano, fisahanana asa, tamin'ny lahasa, ny fitanterana, ireo karama mahazatra antselika amin'ny saik'asa na fividianana ireo vokatra na entana tsy natao amidy, dia tsy maintsy manao ny fanambarana ireo totalin'ny vola misy taratasim-barotra sy voatana kaonty nandritry ny taom-piasana teo aloha, na oviana na oviana ny daty fikatonan'ny taom-piasany, alohan'ny 1 may isan-taona.*

*Mitovy amin'zany ihany koa ireo olona rehetra manao asa voan'ny hetra eto Madagasikara nefa tsy manana toeram-piasana raikitra. Izany andraikitra izany dia tanterahin'ny solon-tenany nahazo fankatoavana tamin'ny Minisitera miandraikitra ny didy amam-pitsipika mifehy ny hetra.*

*Io filazana io dia tokony apetraka sy ankatoavina ara-tambazotra amin'ny alalan'ny sehatra ara-tambazotran'ny filazana fahefana mitaky. Ireo modelin'ny filazana dia alaina ao amin'io tambazotra io.”*

**SOKAJY IV  
ANDRAIKITRY NY MPANAO TAOZAVA- BAVENTY, MPIVAROTRA, MPANAO ASA TANANA,  
ORINASA MPAMPINDRAM-BOLA SY/NA ARA-BOLA ARY IREO MPIKARAKARA HETSIKA**

Ovàna toy izao ny lohatenin'io sokajy io:

**“ANDRAIKITRY NY MPANAO TAOZAVA- BAVENTY, MPIVAROTRA, MPANAO ASA TANANA,  
MPANAO SAIK'ASA, ORINASA MPAMPINDRAM-BOLA SY/NA ARA-BOLA ARY IREO MPIKARAKARA  
HETSIKA”**

**Andininy 20.06.15.-**

Ovàna toy izao ny rijan-tenin'ny paragirafy voalohany sy faha 2 amin'ity andininy ity:

***“ Takiana ny fanaovana filazana ny vola azony isaky ny mpanjifany sy ny fomba nandoavany ny varotra nataony sy/na ireo saik'asa nataony nandritry ny taona, ankoatry ny fanaovana atsinjaranany ho an'ny varotra, sy ny totalin'ny varotra amin'ny Fanjakàna, ny totalin'ny varotra antsinjarany sy ny fanondranana, ho an' :***

- ***Ny mpanao taozava-baventy, mpivarotra, mpanao asa tanana, mpanao saik'asa izay miendrika orinasa ara-barotra tsy anavahana ny fameran-ketrany ;***
- ***Ny mpanao taozava-baventy, mpivarotra, mpanao asa tanana, mpanao saik'asa, manao izany amin'ny orinasan'olon-tsotra manana vola maty mihoatra Ar 100 000 000 ;***

***Io filazana io dia tokony apetraka sy ankatoavina ara-tambazotra amin'ny alalan'ny sehatra ara-tambazotran'ny filazana fahefana mitaky aloan'ny 1 may isan-taona ho an'ny varotra sy/na saik'asa notanterahina nandritry ny taona teo aloha, na inona na inona daty hikatonan'ny taom-piasany.***

***Ireo modelin'ny filazana dia alaina ao amin'io tambazotra io.”***

**Andininy 20.06.17.-**

Ovàna toy izao ny rijan-tenin'ity andininy ity:

***“Ny fikambanana, tsy anavahana ny fameran-ketrany, ary koa ireo olon-tsotra manana vola maty mihoatra ny Ar 100 000 000 izay manangona na mividy ny vokatry ny fambolena na fiompiana na ny fiotazana na ireo vokatry mbola ahodina indray na ho toy ny fonon'entana na toy ny akora fototra na ampiasaina amin'ny zavatra hafa, dia tokony apetraka sy ankatoavina ara-tambazotra amin'ny alalan'ny sehatra ara-tambazotra ny filazana fahefana mitaky, alohan'ny 1 may isan-taona, ny totalin'ny fividianana natao nandritry ny taom-piasana teo aloha araka ireo fepetra sasantsasany sy na inona na inona daty hikatonan'ny taom-piasany.***

***Ireo modelin'ny filazana dia alaina ao amin'io tambazotra io.”***

**SOKAJY VII  
FANAMARINANA**

Ovàna toy izao ny lohatenin'ity sokajy ity:

**“SOKAJY VII  
FEPETRA ARAHINA AMIN'NY FANARAHAMA-MASO SY NY FANITSIANA MIFANIPAKA”**

**Andininy 20.06.21.-**

Ovàna toy izao ny rijan-tenin'ity andininy ity:

***“Ny mpiasan'ny Sampan-draharahan'ny hetra, nahavita fianianana sy nahazo fanirahana ara-dalàna, manana laharana farafahakeliny Mpanara-maso no manam-pahefana hanao ny fitsirihana tsy mivoaka ny toeram-piasana ireo filazana ara-ketra napetrak'ireo mpandao hetra teny amin'ny Fandraharahana***

**ara-ketra, manamarina eny an-toerana ny mombamomba ny hetra sy ny fahafahana miantoka ny famerana ny fitambaran'ny hetra, sara sy haba tokony aloan'ny mpandoa hetra voamariny.”**

**Andininy 20.06.21 bis.-**

Ampidirana lohateny izay mirija toy izao alohan'ity andininy ity:

**“ I – Fitsirihana ara-taratasy  
Fangataham-panazavana sy fanamarinana”**

**Andininy 20.06.21 ter.-**

Ampidirana lohateny izay mirija toy izao alohan'ity andininy ity:

**“2- Fepetra arahina amin'ny ny fanitsiana mifanipaka mandritry ny fitsirihana an-taratasy”**

Ovàna toy izao ny rijan-tenin'ity andininy ity:

**“Ny mpiasa miandraikitra ny famerana dia manan-jo hanitsy ireo filazana.**

**Afatsy amin'ny tranga fanombanam-bidy na fameran-ketra tsy misy fierana, amin'ny fanitsiana tsotra ireo hadisoana madinika na ireo fanitsiana miteraka fihenany fototra nanaovana fanambarana, ny mpiasa miandraikitra ny famerana dia tokony hampahafantatra ny mpandoa hetra ny karazany sy ireo anton'ny fanitsiana noheverina atao ao amin'ny fampahafantarana voalohany.**

**Ny fampahafantarana voalohany dia tokony ahitana:**

- **ny karazan'ny fisavana ara-ketra natao:**
- **ny karazany, ireo antsipiriham-pikajiana sy ireo anton'ny fanitsiana mba ahafahan'ny mpandoa hetra mandrafitra iny fanamarihany na mampahafantatra ny fanekeny;**
- **ny fiantsoana ny mpandoa hetra mba handefa ny fanekeny na ny fanamarihany ao anatin'ny 30 andro manomboka amin'ny daty naharaisany ny fampahafantarana voalohany;**
- **ny fiantsoana ny mpandoa hetra amin'ny fiadian-kevitra izay atao manomboka eo amin'ny daty nametrahany ny valin-teniny izay tsy mihoatra ny 5 andro aorian'ny fahataperan'ny fetrandron' ny zo hamaliana ny fampahafantarana;**
- **ny fahafahana maka mpanolo-tsaina araka ny safidiny hiatrika ny fiadian-kevitra.**

**Valin'ny taratazin'ny mpandoa hetra**

**Ny mpandoa hetra dia tokony hanamarika ao amin'ny valin-taratasiny:**

- **ireo vontoa-tim-panitsiana ekeny sy/na ireo fandavana miaraka amin'ny fandresen-dahatra sy ny antony heveriny ho marina ;**
- **ny sosokevitra mikasika ny daty hanaovana ny fiadian-kevitra miaraka amin'ireo mpanamarina araka izay voalaza tao amin'ny fampahafantarana voalohany, ho an'ny fihaonana izay manondro ireo fomba fifandraisana ahafahana mandrindra raha nisy ny tsy fifankazoana tamin'ireo teboka sasantsasany.**

**Ny fanamarihana rehetra, taratasy na antontan-taratasy noforonina ivelan'ny fetrandro voatondro dia tsy azo raisina. Na izany aza, ny mpanao fitsirihana dia afaka mitazona ireo taratasy na antontan-taratasy nasehon'ny mpandoa hetra ivelan'ny fetrandro izay heveriny ho ilaina amin'ny fanitsiana farany.**

**Fiadian-kevitra araka ny fanamarihan'ny mpandoa hetra**

**Ny fiadian-kevitra araka ny fanamarihan'ny mpandoa hetra dia atao ao amin'ny biraon'ny mpanao fitsirihana ka avy amin'izany no handrafetana ny fitanana an-tsoratra voasonian'ny roa tonta.**

**Ny fitanana an-tsoratra narafitra manaraka ny lasitra nataon'ny Fandraharahana ara-ketra dia tsy maintsy ahitana ireo fifanakalozana teo amin'ny mpandoa hetra sy ny Fanjakàna, izay milaza mazava ireo fandikan-dalàna hita sy ireo antony, mirakitra ny hevitra ny Fanjakàna, ireo fanamarihan'ny mpandoa hetra sy ireo fandresen-dahatra, ireo vontoa-tim-panitsiana ekeny sy ireo teboka mampifanolana.**

**Amin'ny fandavan'ny mpandoa hetra hanao sonia, marihana ao amin'ny fitanana an-tsoratra izany.**

**Fandrafetana ny fampahafantarana raikitra**

**Raha tsy nisy valiny ny fampahafantarana voalohany tao anatin'ny 30 andro, ny mpiasa dia mametra ny fototra hamerana ny hetra ary mandrafitra ny fampahafantarana farany.**

**Raha nitondra fanamarihana ny amin'ny fampahafantarana voalohany ny mpandoa hetra, ny mpiasa dia manova na mitazona na manatsahatra ireo vontoa-tim-panitsiana araka ny valin-tenin'ny mpandoa hetra raha nisy izany, ny vontoa-tim-panitsiana an-tsoratra ny fiadian-kevitra.**

**Mba tsy hisian'ny fanafoanana, ny fampahafantarana farany dia tokony ahitana:**

- ireo singa notanana ho amin'ny fototra hamerana ny hetra ary koa andinin'ireo foto-dalàna nanaovana ny fanitsiana;
- ireo anton'ny fandavana ny fanamarihana nentin'ny mpandoa hetra hampifandrindrana ny fitanana an-tsoratra ny adi-hevitra;
- raha tsy nisy ny fanitsiana, raha nekena avokoa ireo fanamarihana nentin'ny mpandoa hetra;
- ny fampahafantarana ny fahafahany mangataka voafaritry ny andininy 20.06.27 bis amin'ity Fehezan-dalàna ity.

**Raha ny mpandoa hetra dia manaiky an-tsitrabo ao amin'ny valin-teniny ny totalin'ny fanitsiana tao amin'ny fampahafantarana voalohany, dia atao avy hatrany ny fampahafantarana raikitra.**

**Ny fitsirihana an-taratasy dia tsy manakana ny fanamarinana eny an-toerana any aoriana izay voafaritry ny fahalanian'ny paik'andro.”**

**Andininy 20.06.22.-**

Ampidirana lohateny izay mirija toy izao alohan'ity andininy ity:

**“1- Fitsirihana eny an-toerana**

**1- Fiantohana mifandraika amin’ireo raharam-pitsirihana eny an-toerana”**

Ovàna toy izao ny rijan-tenin’ity andininy ity:

**“ Filazana fitsirihana**

**Ny fanadihadiana mifanohitra ny fitanan-kaontin’ny orinasa na ny momba azy manokana manoloana ny hetra rehetra, sara sy haba dia tsy afaka atao raha tsy nampahafantarina an-taratasy na fanomezana ny fampahafantarana ny fitsirihana ny mpandoa hetra.**

**Io filazana io dia tsy maintsy ahitana ny datin’ny filazana fitsirihana ireo hetra sy haba voakasika, ny taom-piasana hanaovana ny fanadihadiana, ny lisitr’ireo antontan-taratasy angatahina, ny fetr’andro handefasana ireo antontan-taratasy nangatahina, ireo anaran’ny mpiasa miandraikitra ny fitsirihana, ny fitomboky ny Foibem-pitantanana momba ny hetra sy ny sonian’ny lehibe mpitarika ny fanaovana ny fitsirihana.**

**Raha misy ny fitsirihana tsy ampoizina izay hisavana ireo fitaovana ampiasaina amin’ny fampandehan-draharaha na fisiana sy fitazonana ireo antontan-taratasy mirakitra ny fitanan-kaonty, atolotra mialoha ny fanatanterahana ny fitsirihana tsy ampoizina ny taratasy filazana ny fitsirihana atao.**

**Fanatrehan’ny mpanolo-tsaina**

**Ny mpandoa hetra dia manan-jo hatrehin’ny mpanolo-tsaina araka ny safidiny mandritra sy aorian’ny fitsirihana ny fitanan-kaonty na ny momba azy manokana manoloana ny hetra rehetra, sara sy haba ary tokony ampahafantarina azy ihany koa izany zo izany ao anatin’ny taratasy filazana ny fitsirihana eny an-toerana, mba tsy ahafoana izany.**

**Raha misy ny fitsirihana tsy ampoizina ny mpandoa hetra dia tokony ampahafantarina io zo io eo ampanombohan’ny fanamarinana sy ny fitsirihana;”**

**Andininy 20.06.23.-**

Ampidirana lohateny izay mirija toy izao alohan’ity andininy ity:

**“2- Raharham-pitsirihana eny an-toerana”**

Ovàna toy izao ny rijan-tenin’ity andininy ity:

**“ Faharetan’ny raharham-pitsirihana**

**Ny fitsirihana eny an-toerana ny taratasy, boky sy antontan-taratasy dia tsy tokony hioatra ny telo volana ho an’ny taom-piasana telo tsy lany paik’andro. Na izany aza, araka ny fanomezan-dalàna manokana omen’ny Tale Jeneralin’ny hetra, dia azo halavaina io fetr’andro io. Io fetr’andro io dia manomboka amin’ny fotoana ahazoan’ny mpanao fitsirihana ireo antontan-taratasy nangatahiny. Na izany aza, ny fahataperan’io fetran’andro telo volana io ho an’ny taom-piasana telo tsy lany fetr’andro**

*dia tsy mahasakana ny Fanjakàna mba hanao famotorana ireo fanamarihana na ireo fangatahana napetraky ny mpandoa hetra aorian'ny fahavitan'ny raharam-pitsirihana.*

*Fampahafantarana ireo antontan-taratasy mandritry ny raharaham-pitsirihana eny an-toerana*

*Na ahoana na ahoana, ny fampahafantarana ireo antontan-taratasy nangatahina ireo dia tsy maintsy tanterahina ao anatin'ny 12 andro fara-fahabetsany raha tsy izany dia iharan'ny fameran-ketra tsy misy fierana izay voafaritry ny andininy 20.03.01 sy ny manaraka amin'ity Fehezan-dalàna ity. Raha tsy misy antony hafa, io fetr'andro io dia tsy mihatra amin'ireo voalazan'ny andininy 20.06.08.*

*Ny mpandoa hetra dia tokony hampiseho, araka ny fangatahan'ny mpanao fitsirihana, ireo antontan-taratasy fitanan-kaonty rehetra izay faritan'ny Lalàna ara-ketra mba hanamarinany ireo filazana, raha misy izany, ireo antontan-taratasy, ireo taratasy isan-karazany hanamarinana ireo vokatra voalazany.*

*Na ahoana na ahoana, ny fampahafantarana ny taratasy fanampiny nangatahina nandritra ny fitsirihana dia tsy misy fiantraikany amin'ny fetr'andro hanaovana ny fitsirihana izay mifanaraka amin'ny fepetr'ity andininy ity.*

*Raha toa fitanan-kaonty voatana manaraka ny rafitra informatika no ampisaina, dia tsy maintsy omena ireo mpanao fitsirihana eo am-panombohan'ny raharaham-panamarinana, ireo antontan-taratasy fitanan-kaonty amin'ny fomba elekitronika ary koa ireo marim-pidirana amin'izany raha misy izany.*

*Fiadian-kevitra am-bava mandritry ny raharaham-pitsirihana*

*Ny fiadian-kevitra am-bava amin'ny raharaham-pitsirihana eny an-toerana dia atao araka ny mahazatra eny amin'ny toerana hanaovana ny fanamarinana, indrindra ny adi-hevitra voalohany tamin'ny fotoana nahatogavan'ny Fanjakàna hamantarana ny mombamomba ny orinasa, ireo fanazavana ny zo sy ny andraikitry ny mpandoa hetra hanaovana ny fitsirihana ary farany ny fifanarahana eo amin'ny fomba hanatanterahina ny fampandehanana ny fitsirihana.*

*Mandritry ny fitsirihana dia misy adi-hevitra maromaro azo tanterahina araka izay takian'ny zava-misy.*

*Amin'ny fiafaran'ny fitsirihana natao eny an-toerana dia tsy maintsy atao ny adi-hevitra entina ampahafantarana ny mpandoa hetra reo fanitsiana heverina hatao, manangona ireo fanamarihana nataony. Ny fifampiresahana dia tsy maintsy hanaovana fitanana an-tsoratra.*

#### **Andininy 20.06.24.-**

Ampidirana lohateny izay mirija toy izao alohan'ity andininy ity:

**“ 3- Fomba arahina amin'ny fanitsiana araka ny fitsirihana teny an-toerana ”**

#### **Andininy 20.06.25.-**

Ovàna toy izao ny rijan-tenin'ity andininy ity:

**“Ny fomba arahina amin'ny fanitsiana voalaza ao amin'ny andininy 20.06.21 ter, II-, 2-, mikasika ny fanamarinana ara-taratasy dia azo ampiharina ihany koa amin'ny fitsirihana eny an-toerana.**

***Ireo taratasy sy antontan-taratasy izay tsy maintsy omena sy nangatahin'ny Fanjakàna mandritry ny asa fitsirihana teny an-toerana tara ny fe-potoana ara-dalàna ny nanolorana azy dia tsy azo atao porofo ho nampihotra ny fototra hamerana notazonina.”***

**Andininy 20.06.27.-**

Ampidirana lohateny izay mirija toy izao alohan'ity andininy ity:

***“ II- Fepetra iraisana amin'ny fomba arahina amin'ny fanamarinana sy ny fanitsiana”***

**Andininy 20.06.27 bis.-**

Ovàna toy izao ny rijan-tenin'ity andininy ity:

***“ Ny fampahafantarana farany dia tokony manambara ireo fetr'androny avy:***

- ***fanaovana fangatahana amin'ny fifanolanana, fanoherana ny sora-pamerana ary ny fangatahana famindram-po, eo amin'ny Sampan-draharahan'ny hetra;***
- ***ny fahafahana manantona ny Vaomiera ara-ketra mba ahazoana fanazavana.***

***Ny fampahafantarana dia omena miaraka amin'ny sora-pamerana sy ny taratasy fampahafantarana izany.”***

**Andininy 20.06.29 bis.-**

Ovàna toy izao ny rijan-tenin'ny andalana voalohany amin'ity andininy ity:

***“I. Ny mpandoa hetra izay nanaovana fanaraha-maso teny an-toerana araka ny voalazan'ny andininy 20.06.22 hatramin'ny 20.06.25 amin'ity Fehezan-dalàna ity na fanaraha-maso ny antontan-taratasy ny voalazan'ny andininy 20.06.21 bis sy ter amin'ity Fehezan-dalàna ity dia afaka mametraka fitarainana eo anivon'ny Vaomiera ara-ketra ao anatin'ny 15 andro manaraka ny daty nandraisana ny fampahafantarana raikitra ny fanitsiana.***

***Ny fepetra mikasika ny firafitra, ny anjara andraikitra sy ny fampandehanana io Vaomiera io dia faritan'ny Lohateny IX amin'ny Boky III amin'ity Fehezan-dalàna ity.***

***Ny Fanjakàna no mitady ny porofo amin'ireo fomba arahina tamin'ny fanitsiana amin'ny sehatra fifanolanana.”***

**LOHATENY IX  
VAOMIERA ARA-KETRA  
I-FEPETRA ANKAPOBE**

**Andininy 20.09.01.-**

Ovàna ho ***“20.06.21 hatramin'ny 20.06.29 bis ”*** ny vondron-teny ***“20.06.21 sy 20.06.21 ter”*** ao amin'ny paragirafy voalohany amin'ity andininy ity.

### III- FAMPAHAFANTARANA ATAO AMIN'NY VAOMIERA ARA-KETRA

#### Andininy 20.09.06.-

Ovàna toy izao ny rijan-tenin'ity andininy ity:

*“1. Ny Vaomiera ara-ketra dia ampahafantarina ao anatin'ny 15 andro manaraka ny daty nandraisana ny fampahafantarana raikitra miaraka amin'ny sora-pamerana sy fampahafantarana izany. Ny fampahafantarana rehetra aterina aorian'ny fetr'andro dia tsy azo raisina.*

*2. Ny fampahafantarana atao amin'ny vaomiera ara-ketra dia tsy voatery atao.*

*3. Ny fampahafantarana atao amin'ny Vaomiera ara-ketra (COFI) dia voarakitra ao amin'ny fomba arahina mifanaraka amin'ny fitarainana mikasika ny fifanolanana amin'ny fameran-ketra voalazan'ny andininy 20.02.02 amin'ity Fehezan-dalàna ity, dingana voalohany amin'ny fangatahana eny amin'ny fitsarana voalazan'ny andininy 20.02.20 sy ny manaraka amin'ity Fehezan-dalàna ity.*

*4. Ny taratasy fampahafantarana dia apetraka ao mpitan-tsoratra ny Vaomiera ara-ketra izay mandefa ny dika mitovy ao amin'ny Sampahan-draharaha misahana ny fifanolanana.*

*5. Ny fitarainana napetraka ao amin'ny Vaomiera dia tsy mampiantona ny famoriana. Afahana mangataka ny fampiatoana ny fandoavam-bola, dia manao fangatahana miavaka milaza ny totalin'ny vola nolavina teo anatrehan'ny Vaomiera izay apetraka ao amin'ny Sampahan-draharaha misahana ny fifanolanana.”*

#### Andininy 20.09.07.-

Ovàna toy izao ny rijan-tenin'ny 1. amin'ity andininy ity:

*1.Mba ho azo raisina ny taratasy atao amin'ny vaomiera ara-ketra dia:*

- atao tsirairay;*
- tsy misahana afa tsy fampahafantarana raikitra iray;*
- miaraka amin'ny taratasy-panamarinam-pandoavana ny ampahany nekena tamin'ny fanitsiana, raha toa ka nisy izany;*
- miaraka amin'ny fitanana an-tsoratra ny adi-hevitra voalazan'ny andininy 20.06.21 ter ho an'ny fitsirihana an-taratasy sy araky ny voalazan'ny andininy 20.06.25 ho an'ny fitsirihana teny an-toerana;*
- milaza ny sokajin-ketra, ny taom-piasana sy ny hetra tokony aloa mampifanolana;*
- misy ny famelabelarana amin'ny antsipirihany ny anton'ny anoherana, ny fomba sy ny fehin-teny;*
- miaraka amin'ny taratasy fanamarinana manamafy ny tsangan-keviny;*
- voasonian'ny mpangataka, ny anarany sy ny andraikiny.”*

#### Andininy 20.09.08.-

Ovàna toy izao ny rijan-tenin'ity andininy ity:



***“Ny taratasy fampahafantarana sy ny antontan-taratasy dia ampitaina any amin’ny sampandraharaha mitantana ny antontan-taratasin’ny mpandoa hetra na any amin’ny mpanao fanamarinana ao anatin’ny roa (2) andro katroka manomboka amin’ny andro nanaovana ny fampahafantarana, mba ho filazana. Ny sampandraharaha no mandefa ny dika mitovin’ny fitanana an-tsoratra ny adi-hevitra ho toy ny fanomezam-panazavana”.***

**Andininy 20.09.09.-**

Foanana ny paragirafy faha 2 sy faha 3 amin’ity andininy ity.

**Andininy 20.09.11.-**

Ovàna toy izao ny rijan-tenin’ity andininy ity:

***“Ny Vaomiera dia manana fe-potoana iray (1) volana manomboka ny daty nandraisana ny fampahafantarana na ny daty naharaisana ny dika mitovin’ny fitanana an-tsoratra ny adi-hevitra, raha misy izany, mba ho fampahafantarana ny heviny amin’ny roa tonta.”***

**Andininy 20.09.13.-**

Ovàna toy izao ny rijan-tenin’ity andininy ity:

***“Ny mpisafo hetra misolo-tena ny sampan-draharaha misahana ny fitantanana ny antontan-taratasin’ny mpandoa hetra no mametraka amin’ny Vaomiera ara-ketra ny fitanana an-tsoratra ny adi-hevitra miaraka amin’ireo taratasy manaporofa. Ny mpanao fitsirihana dia azo hakana hevitra amin’ny fotoana rehetra saingy tsy afaka manatrika ny adi-hevitra.***

***1. Ny Vaomiera dia afaka miantso ny mpanao fitsirihana sy ny mpandoa hetra. Ity farany na ny mpisolotena azy no manao ny fanamarihana ireo vontoa-tim-panitsiana nolaviny hatrany am-boalohany, saingy tsy afaka manatrika ny adi-hevitry Vaomiera.***

***2. Ny Vaomiera ara-ketra dia tsy afaka mametraka fanontaniana hafa ankoatr’ireo efa voapetraka tao anatin’ny taratasy nampidirina ho fampahafantarana ny Vaomiera ara-ketra. Ireo vontoa-tim-panitsiana tsy niadian-kevitra tao amin’ny fitanana an-tsoratra kanefa voasoratra tao amin’ny fampahafantarana voalohany ka nentina tao amin’ny fampahafantarana raikitra dia heverina ho toy ny eken’ny mpandoa hetra avy hatrany.”***

**Andininy 20.09.16.-**

Ovàna toy izao ny rijan-tenin’ny 3 amin’ity andininy ity:

***“ 3. Ny filazana dia ampahafantarina ny sampandraharaha misahana ny fifanolanana mba ho azo ampiasaina amin’ny fanapahan-kevitra ny tompon’andraikitra mahefa voalazan’ny andininy 20.02.18 amin’ity Fehezan-dalàna ity.***

***Ny fandraharahana ara-ketra dia manana fe-potoana 2 volana manomboka ny nandraisana ny filazana alohan'ny hanapahany hevitra. Ny fombafomba dia mitovy amin'ny fitarainana voalohany manoloana ny Fanjakàna voalazan'ny andininy 20.02.20 sy ny manaraka.***

***Tsy azo atao ny mampiditra miaraka ny fitarainana mivantana amin'ny fandraharahana ara-ketra sy ny fampahafantarana atao amin'ny Vaomiera ara-ketra.”***

Foanana ny 4 amin'ity andininy ity.

**Andininy 20.09.17.-**

Ovàna toy izao ny rijan-tenin'ity andininy ity:

***“ Raha toa ny hevitra ny Vaomiera ka mivoaka ao aorian'ny fetr'andro, ny sampan-draharaha misahana ny fifanolanana dia afaka mikirakira ireo taratasy fampahafantarana ny Vaomiera araka ny voalazan'ny andininy 20.02.13 sy ny manaraka. Raha tsy nisy ny fanapahan-kevitra ny tomponandraikitra mahefa tao anatin'ny fetr'andro voatondro, izay mitarika ny fanapahana ho fandavana azo entina amin'ny fangatahana ara-pitsaràna ao anatin'ny 2 volana manomboka amin'ny fahataperan'ny fe-potoana nomena ny Vaomiera mba hanomezany ny heviny.”***

Foronina ny Lohateny X izay mirija toy izao amin'ny faran'ny Boky III:

**“ LOHATENY X**

**TOMBOTSOA, FIAROVANA NY MPIASAN'NY HETRA**

***Andininy 20.10.01.- Ny mpiasan'ny hetra eo ampanatanterahana ny asany dia tsy azo atao fanadihadiana na famotorana raha tsy mahazo alalana avy amin'ny Minisitry miandraikitra ny didy amam-pitsipika momba ny hetra, afatsy amin'ny heloka bevava miharihary izay iandraiketany manokana.”***

**Ny sisa tsy misy fanovàna.**

## ANDININY FAHA-3

### FADINTSERANANA

#### A. MIKASIKA NY FEHEZAN-DALÀNA MOMBA NY FADINTSERANANA :

1. Tovanana toy ireto manaraka ireto ny Lohateny voalohany ary ampiana Toko IV bis vaovao  
:

#### LOHATENY VOALOHANY

#### TOKO IV Bis (vaovao)

#### ZO SY ANDRAIKITRY NY OLONA EO ANATREHAN'NY LALANAN'NY FADINTSERANANA

#### Sokajy I

*Famoahana sy fahazoa-mampiasa malalaka ny loharanom-baovao*

**And. 13 bis -1°** Ny fepetra, ny paik'ady sy ny fampitam-baovao manaraka ireto dia havoaka ao anaty tranonkalan'ny sampan-draharahan'ny Fadintseranana:

- a) Ny fehezan-dalàna momba ny Fadintseranana ary koa ny sora-panekena noraisina ho fampiharana azy;
- b) Ny paik'ady fanafarana, fanondranana sy ny fampandalovana entana, izay mifandraika amin'ny sata ara-toekarena, ary ireo atontan-taratasy sy taratasy fenoina ilaina amin'ny tontolon'ny Fadintseranana, izay tsy ilana alalana fanomezan-dalana manokana ny fahazoana azy;
- d) Ny ora fisokafan'ny biraon'ny Fadintseranana;
- e) Ny tahan'ny sara sy haba amin'ny karazany rehetra ampiharina amin'ny fanafarana na amin'ny fanondranana;
- f) Ny fanafahana ny sara sy haba mihatra amin'ny fanafarana na fanondranana entana;
- g) Ny fitsipika mikasika ny fanasokajiana sy ny fanombanana ny entana ampiasain'ny Fadintseranana;
- h) Ny rijan-teny mifandraika amin'ny fitsipika momba ny fiaviana;
- i) Ireo sazy nomanin'ny Fadintseranana manoloana ny tsy fanarahan-dalàna amin'ny fanafarana, fanondranana na fampandalovana entana;
- j) Ny fangatahana fampakaran-draharaha sy fomba fampiharana izany;
- k) Ny fifanarahana na ny ampahana fifanarahana tapaka miaraka amin'ny firenena iray na maromaro mahakasika ny fanafarana, fanondranana na fampandalovana entana;
- l) Ny laharana hahazahoana ny ivon-toerana fampitam-baovao voatondron'ny andininy faha-13 ter amin'ny fehezan-dalàna momba ny Fadintseranana.

**2°** Ny fiovan'ny fepetra, ny paik'ady sy ny fampahalalam-baovao voalaza amin'ny 1° etsy ambony dia havaozin'ny sampandraharahan'ny Fadintseranana ara-potoana.

**And. 13 ter.** Hisy ivon-toerana fampitam-baovao hapetraky ny sampandraharahan'ny Fadintseranana mba hamaliana maimaim-poana ny fangatahana mitombona apetraky ny olon-tsotra sy fikambanana.

### Sokajy II

#### *Fangatahana fanapahan-kevitra mialoha*

**And. 13 quarter.** Ny sampan-draharahan'ny Fadintseranana dia mahazo alalana hanome fanapahan-kevitra mialoha izay tsy maintsy ampiharina eo amin'ny lafiny fanasokajiana sy fiavian'ny entana.

Ny « fanapahan-kevitra mialoha » dia midika hoe fanapahan-kevitra ofisialy nosoratana ary navoakan'ny sampandraharahan'ny Fadintseranana ho an'ny mpangataka mialoha ny fanafarana na fanondranana sy ao anatin'ny fe-potoana voafaritra, miankina amin'ny fankasitrahana a) amin'ny fanasokajiana ny entana ao anatin'ny rakibolana momba ny lazam-bidy manankery b) ny fiavian'ny entana. Ny fanapahan-kevitra mialoha noraisin'ny manam-pahefana eo amin'ny Fadintseranana mifototra amin'ny lalànan'ny Fadintseranana na ho fampiharana ity farany dia manan-kery amin'ny faritra fehezin'ny Fadintseranana.

Ny fanapahan-kevitra mialoha dia sitrahan'izay namoahana izany ihany.

Ny fomba sy ny fepetra fampiaharana dia voafaritry ny fanapahan-kevitrin'ny Tale Jeneralin'ny Fadintseranana.

### Sokajy III

#### *Mpandraharaha nankatoavina*

**And. 13 quinquies.** Ny sampan-draharahan'ny Fadintseranana dia manome ny sata maha-mpandraharaha nankatoavina ho an'ireo mpandraharaha ara-toekarena izay mahafeno ny maso-tsivana sy ny fepetra nofaritan'ny Tale Jeneralin'ny Fadintseranana, izay mamaritra ihany koa ny tranga izay mety hisintomana io sata io. Ny tombontsoa izay homen'io sata io dia mety ho samihafa araka ny sokajiny avy.

## **2. Tovanana andalana iray toy izao manaraka izao ny andininy faha 28 :**

**And. 28. -**

**4 (vaovao)-** Ny fanomezana alalana rehetra eo amin'ny sehatry ny varotra ivelany, sy indrindra ny fanomezan-dalana na fahazoan-dalana ilaina amin'ny fanafarana na fanondranana fananana amin'ny endriny rehetra, dia tsy afaka hatolotra raha tsy aorian'ny fanambaran'ny mpangataka manamafy ny maha ara-dalàna azy eo imason'ny sampan-draharaha misahana ny fandraisana ny haba sy ny sara

### **3. Ovaina toy izao ny andininy faha 32 :**

**And.32.** – Ankoatr'ireo andraikitra voafaritr'ity fehezan-dalàna ity, ny mpanafatra sy ny mpanondrana dia tsy maintsy manaraka ny fitsipika momba ny fanaraha-maso ny varotra ivelany ary ihany koa ny lalana mifandraika amin'ny fehezan-dalàna momba ny fifanakalozam-bola.

### **4. Tovanana laharan'andalana 4, 5, 6 ny andinindiny voalaza ao amin'ny And. 46 :**

#### **And.46.**

**4°** Ny sampandraharahan'ny Fadintseranana dia afaka manatanteraka ny fanaraha-maso izay heveriny fa ilaina ao anatin'ny fanajana ny fahefana izay omen'ity fehezan-dalàna ity azy.

**5°** Mba ho fanatanterahana ny fanaraha-maso voalazan'ny andininy faha-4°, ny sampandraharahan'ny Fadintseranana dia manatanteraka ny fitantanana ny risika izay mikendry ny:

- Fanangonana ny filazalazana sy ny vaovao ilaina amin'ny fanadihadiana ny risika ;
- Fanadihadiana sy fanombanana ny risika ;
- Faritana mandritra ny fanadihadiana natao, raha toa ka mila mametraka ny olona, ny entana na ny fitaovam-pitanterana amin'ny fanaraha-mason'ny Fadintseranana lalindalina kokoa na tsia ;
- Fiantohana ny fanaraha-maso, ny famerenana fizahana sy ny fanavaozana tsy tapaka ny zotra-panadihadiana.

**6°** Ny fanaraha-maso ataon'ny Fadintseranana mandritra ny famoahana entana na aorian'ny famoahana entana, ankoatra ny fanaraha-maso tsindraindray, dia natao mba hanamafisana na tsia ny valin'ny fanadihadiana ny risika mba handraisana fepetra ilaina eo amin'ny lafiny fanamarinana.

### **5. Tovanana andalana iray 3° ny And.52 bis :**

#### **And. 52 bis.**

**3 (vaovao)** – Raha toa ka nisy fandavana fanasokafana varavarana, ny mpiasan'ny Fadintseranana dia afaka mampamoha izany eo anatrehan'ny mpanao fikarohana ny fandikan-dalàna.

### **6. Tovanana andalana b. eo amin'ny And. 53.1 ka ny andalana b hatreto dia miova ho andalana c. ankoatr'izay dia hisy andalana iray hanjary 53. 4 hatentina amin'io And.53 io :**

#### **And. 53. 1°**

**b. (vaovao)** Mandritra ny fanaraha-maso sy ny fanadihadiana atao amin'ny olona na ny fikambanana, ireto farany dia tsy maintsy manome toa-tsoratra na dika mitovy araka ny fangatahan'ny mpiasa miandraikitra ny fanaraha-maso. Ny amin'ny firaketana an-tsoratra, tiana holazaina dia ny fitambaran'ny boky, rejisitra, naoty

sy ny singan-taratasy fanamarinana (fitanan-kaonty, rejisitra, faktiora, fifandraisana, dika mitovy ny taratasy, sns.) mifandraika amin'ny asa ataon'ny fikambanana, na inona na inona no nitazonana izany.

...

**4° (vaovao)** Mandritra ny fanaraha-maso any amin'ny orinasa, ny olona izay namorona na nanova ny rindram-baikom-pitantanana na fitantanam-bola na ny rafitry ny fandraisam-bola na mandray anjara ara-tekinika momba ny fomba fiasan'ireo vokatra ireo izay miantefa mivantana na tsy mivantana ny fitanana an-tsoratra, ny fitahirizana na ny tsy fahabangan'ny taratasy firaketana tany am-boalohany ilaina amin'ny fanaraha-mason'ny sampan-draharahan'ny Fadintseranana dia tsy maintsy omena ny mpiasan'io sampan-draharaha io, araka ny fangatahan'izy ireo, ny rafitsora-miafina, ny soratra fototra, ny fikarakarana na ny taratasy firaketana izay mifandray amin'izany. Ny rafitsora-miafina, ny soratra fototra, ny fikarakarana na ny taratasy firaketana dia tsy maintsy tahirizina hatramin'ny fahataperan'ny faha-dimin'ny taona nanaraka ny tsy nampiasana ny rafitsora-miafina na ny rafitry ny fandraisam-bola.

Ny olona voalaza teo ambony dia mety hiharan'ny lamandy voalazan'ny andininy faha-53.1.c raha toa ka ireo rafitsora-miafina, rafitra na fidirana an-tsehatra ara-tekinika ireo dia noforonina mba hanovana, hanesorana na hanimbana amin'ny fomba rehetra ny fandraisana notahirizina amin'ny alalan'ny fitaovana elektronika, ka tsy nitahiry ny angon-drakitra tany amboalohany.

**7. Ampiana andalana b) ao anatin'ny And. 54.4°, ka ilay andalana iray eo dia manjary 4.a) ; ampiana laharan'andininy 54. 7 ihany koa amin'io And.54 io :**

**And. 54**

...

**4° b)** Mandritra ny fanatanterahana ny zo manokana momba ny fampitan-draharaha, ny fampitan-draharahan'ny ny angon-drakitra dia hanaovana fitanana an-tsoratra ny fizahana fototra. Ny angon-drakitra izay nampitaina dia potehina rehefa mitsahatra ny hetsika ho fampiharana ny sazy ara-ketra.

...

**7° (vaovao)** – Ny fitantanana ny risika dia mety hitranga avy amin'ny fifanakalozana vaovao miaraka amin'ny firenena hafa momba ny hosoka amin'ny Fadintseranana indrindra ireto farany ka mitana singantaharo hahafahana maminavina fa ilay hosoka dia mahakasika firenena maro.

Ny fombafomba fampiharana an'ity andininy ity dia voafaritry ny Didim-pitondrana ataon'ny Minisitry miandraikitra ny fadintseranana.

**8. Ovaina toy izao ny And.107. –1° :**

**And. 107. –1°** Aorian'ny fandraiketana am-boky ny fanambarana amin'ny antsipiriany, nofaritana miainga amin'ny valin'ny fitantanana ny risika, araka ny fepetra voalazan'ny andininy 46 an'ity fehezan-dalàna ity, ka

tsy tohinina ny fanaraha-maso aty aoriana voalaza ao amin'ny andininy faha-53 sy ny tombon-jo omen'ny andininy faha-105; ny sampandraharahan'ny Fadintseranana dia manatanteraka :

- Fanaraha-maso ny taratasy firaketana mifandraika amin'ny fanambarana sy ny taratasy firaketana izay nampiarahana taminy, sy
- Raha toa ka eritreretiny fa ilaina, dia fanamarinana ny entana amin'ny ampahany na izy rehetra.

#### **9. Ovaina toy izao ny And.110 :**

**And.110. – 1°** Ny sampandraharahan'ny Fadintseranana dia afaka mitaky amin'ny mpanao fanambarana ny fampisehoana ny taratasy firaketana hafa ilaina amin'ny fanamarinana ny fahamarinan'ny fitanisana fanambarana.

**2°** Ny sampan-draharahan'ny Fadintseranana dia afaka manatanteraka fakana santionan'ny entana ilaina hanaovana ny fanadihadiana na fanaraha-maso lalina, ka izany dia atrehan'ny mpanao fanambarana.

Ny santionany tsy potika dia averina any amin'ny mpanao fanambarana aorian'ny fanadihadiana.

#### **10. Ovana ho telo volana avokoa ireo fe-potoana roa volana rehetra voalaza ao amin'ny And.114 :**

**And. 114. – 1°**-Raha tsy hoe angaha nanapa-kevitra ny tsy hanisy tohiny fanoherana, ny Tale Jeneralin'ny Fadintseranana dia tsy maintsy mampahafantatra, ao anatin'ny fe-potoana telo volana manomboka ny vaninandro entin'ny sora-panekena famaranana ny fandinihana lalina ny mpanao fanambarana izy, ny amin'ny antony ifaharan'ny fandraharahana amin'ny fandanjalanjana nataony sy miangavy azy, na hanaiky izany na hanao fehinteny ho valiny, ao anatin'ny fe-potoana telo volana manomboka ny vaninandro entin'ny fampahafantarana.

**2°**- Raha toa ka mbola mitohy ny tsy fifanarahana, ny Tale Jeneralin'ny Fadintseranana, ao anatin'ny fe-potoana telo volana manomboka amin'ny datinandron'ny valinteny na ny fahataperan'ny fe-potoana voalaza etsy aloha mba hanomezana valinteny, dia mampakatra ny raharaha eo amin'ny Vaomiera momba ny Fampihavanana sy ny Fandinihana lalina mikasika ny Fadintseranana amin'ny alalan'ny fampitana amin'ny sekreterany ny antontan-taratasy momba ny raharaha.

#### **11. Volena And.224 ter amin'ny fitantanana ny vokatry ny solika :**

**And. 224 ter** Raha toa misitraka sata ara-ketra sy tombon-jo araka ny fepetra fampiasana azy ny vokatry ny solika, ny fikirakirana azo atao dia izay faritan'ny Didim-pitondrana ataon'ny Minisitra miandraikitra ny Fadintseranana sy ny Minisitra miandraikitra ny Angovo.

Ireo Didim-pitondrana ireo dia afaka mandidy fanampiana loko na singa mpanamarika mba ahafahana mahafantatra azy ireo.

## 12. Volena andalana iray p) ao amin'ny And.240 :

### And. 240.

p) Ny fananana, fampitaovana sy ny fitaovana natokana ho an'ny famokarana sy ny fampiasana angovo azo avaozina.

## 13. Ovana hoy toy izao ny voalazan'ny And.269, 277. 2° sy 286 :

**And. 269.** – Ny fitànana an-tsoratra dia milaza ny vaninandro sy ny anton'ny fanagiazana; ny fanambarana izay natao ho an'ny voampanga, ny anarana, asa ary fonenan'ny mpanao fanagiazana sy ny olona misahana ny fitoriana, ny karazan-javatra nogiazana sy ny habetsahany; ny fahatongavan'ny voampanga amin'ny famariparitana na ny fanerena natao taminy mba anatrehany eo,ny anaran'ny voampanga sy ny mombamomba azy ary ny adiresiny; ny anarana sy ny toetry ny mpiambina, ny toerana nandraisana ny fitànana an-tsoratra sy ny ora nifaranan'izany.

### And. 277. –

2° Ireo fitanana an-tsoratra ireo dia milaza ny vaninandro sy ny toerana nanaovana ny fanaraha-maso sy ny famotopotorana natao, ny karazan'ny fanamarinana natao sy ny filazalazana voaangona, ny fanagiazana ny tahirin-kevitra sy ny **antontan-java-pantatra ara-informatika voaangona** raha misy, ary koa ny anarana, ny asa ary ny fonenana ara-panjakàna ny mpiasa manao ny fitanana an-tsoratra; ny anarana, ny mombamomba, ny laharana finday sy ny trano fonenan'ny olona hanaovana famotopotorana. Izany dia manondro, ankoatr'izany, fa ireo rehetra izay tany amin' ny famotopotorana na ny fanaraha-maso natao dia ampahafantarina ny vaninandro sy ny toerana fitananana an-tsoratra io tatitra io ary fanerena no atao azy ireo, amin'ny fanatrehana izany fitananana an-tsoratra izany; raha tonga manatrika ny fitananana an-tsoratra ireo olona ireo, dia tondroin'izy ireo mazava fa novakiana tamin'izy ireo izany ary niantsoan'azy ireo hanao sonia izany.

**And. 286.** – Ny heloka tsotra sy fandikan-dalàna rehetra soritan'ny lalàna sy ny fitsipika momba ny Fadintseranana, araka izay faritan'ny andininy voalohany sy faha-266 etsy ambony dia azo enjehina sy porofoina amin'ny fomba rehetra voalazan'ny lalàna na dia tsy misy aza fanagiazana natao tao anatin'ny faritra manodidina ny Fadintseranana na ivelan'io faritra io, na ny entana nanaovana fanambarana dia tsy nahazoana fanamarihana na dia kely aza.

Noho izany, ho raisina manokana ho porofo, ny zava-pantatra, taratasy fanamarinana, fitanana an-tsoratra ary taratasy firaketana nomena na notanterahan'ny fahefana any amin'ny firenena vahiny.

Ny zavatra hosoka nogiazana na nobaboina dia azo averina any amin'ny firenena niaviany araka ny fangatahana mazava ataon'ny manam-pahefan'ny Fadintseranana sy miaraka amin'ny fankatoavan'ny ankolafiny iray. Ny vola lany aterak'izany famerenana izany dia iandraiketan'ny Fanjakàna mpangataka.



#### **14. Tovanana And.301 bis vaovao mba hampidirana fomba iray :**

##### **D. – FOMBA FAMOIZANA NY TROSA EFA NAHALANY AIKA NY FITAKIANA AZY**

**And. 301bis (vaovao).** – 1° Ny mpiasa miandraikitra ny fanangonana ny trosa ho an'ny Fadintseranana voarakitr'ity fehezan-dalàna ity dia afaka mangataka ny fomba famoizana ny trosa efa nahalany aika ny fitakiana azy mahakasika ny haba sy lamandy tsy voataky tao anatin'ny fe-potoana mifandraika amin'izany.

2° Ireo fangatahana fomba famoizana ny trosa efa nahalany aika ny fitakiana azy ireo dia alefa eo anivon'ny Tale Jeneralin'ny Fadintseranana eo ambany fiahian'ny Tale miandraikitra ny fifanolanana miaraka amin'ny famelabelarana fohy ny antonantony. Izy ireo dia hohadihadian'ny mpiasa miandraikitra ny fanangonam-bola.

3° Ny Tale Jeneralin'ny Fadintseranana dia manapaka momba ny fangatahana izay napetraky ny mpiasa miandraikitra ny fanangonam-bola. Afaka izy manome fahefana feno na ampahany ny fahefany manapaka ho an'ny Tale miandraikitra fifanolanana.

Na dia eo aza ny fanapahana mahakasika ny fomba famoizana ny trosa fa nahalany aika ny fitakiana azy, ny trosa ho an'ny Fanjakàna dia afaka takiana hatrany raha toa ka miverina manambola ao anatin'ny fetran'ny fe-potoana mahafoana didy ny lolohan'ny hananan-trosa.

4° Ny fomba fampiharana ito andininy ito dia voafaritry ny Didim-pitondran'ny Minisitry miandraikitra ny Fadintseranana.

#### **15. Volena andinindiny toy izao eo amin'ny faran'ilay And. 334 :**

**And. 334. –1°** Ankoatran'ireo lalana fanatanterahana eo amin'ny lalàna mahakasika ny be sy ny maro, izy manome alalana ireo tompon-trosa hihazona na mivarotra ny fananan'ireo mpitrosa, dia azon'ireo mpandrain'ny fadintseranana ny mihazona ny vola eo am-pelatanan'ireo olona rehetra izay mpitrosa amin'ilay olona hananan'ny Fanjakàna trosa. Izany dia atao amin'ny alalàn'ny filazàna ho an'ireo olona rehetra mpitrosa mpihazona.

2° Ireo olona itokiana ka nametrahan-javatra, na mpitrosa mpihazona na mpitrosa vola izay fananan'ireo na tokony ho fananan'ireo olona izay hanànan'ny Fanjakàna trosa amin'ny alalan'ny tokony ho fandoavana habantseranana na lamandy na sazy arakan'ny habantseranana izay ananana antoka ny fandraisan-trosa azy noho ny tombon-tsoa ananan'ny sampandrahan'ny fadintseranana voalaza amin'ny andininy 326, dia tsy maintsy mandrotsaka ny vola eo ampelantanany na ny vola tokony haloany amin'ny toeran'ireo olona hananan'ny Fanjakàna trosa amin'ny alalàn'ny fangatahana atao amin'izy ireo amin'ny endrika filazàna ho an'ireo olona rehetra mpitrosa mpihazona izay nampahafantar'ireo olona manoratra ny vola eo anivon'ny Sampandraharahan'ny fadintseranana. Izany vola izany dia mitovy tetibidy amin'ny vola tokony haloan'ireo hanànan'ny Fanjakàna trosa.

3° Raha ho an'ireo orindrahara ara-bola, ny fihazonana dia mifandraika amin'ireo vola rehetra izay ananàn'ny mpitrosa amin'ny fotoana fandraisana ny filazàna, ary indrindra ireo mari-bola misy amin'ny petra-

